# *Fanontaniana Sy Valiny*

Ndao isika hijanona hitsangana vetivety fotsiny raha manondrika ny lohantsika ho an'ny vavaka isika.

Andriamanitra Ray Mpiahy, misaotra Anao izahay izao maraina izao avy amin'ny halalin'ny fonay, satria mahay sy manaiky hamaly ny vavakay Ianao. Ary mivavaka izahay mba Handraisanao ny fisaoranay noho izay efa Nataonao ho anay. Miandry amin'ny fiandrasana lehibe izahay ny Hanampianao anay izao maraina izao, ary rehefa miala amin'ny vavahadin'ity tranobe ity izahay, dia enga anie izahay hivoaka avy eto ho olona iray hafa noho ny tamin'ny nidiranay. Enga anie ny Fanahy Masina handasitra anay izao maraina izao, ireo toetranay, ary ataovy ho olon'Ny Fanjakanao izahay fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena. (Afaka mipetraka.)

2 Miala tsiny mihitsy fa tara kely fotsiny, fa tena nanana zavatra vitsivitsy natao aho, ary olona marary betsaka sy fifampiresahana alohan'ny hidirako ato amin'ny—hankato amin'ny tranobe saiky.

3 Ary noho izany, faly izahay ny tonga eto izao maraina izao ary mahita anareo olona mahafinaritra rehetra. Ary tiako ny hisaotra an'ilay . . . ireo olona izay nandefa ho anay an'ireo zavatra mahafinaritra ireo, ny fanomezana ho an'ny vadiko sy ho . . . sy ilay—ilay rahalahy izay nandefa ho ahy ny basiny fitifirana diera. Ny Tompo hitahy azy. Izy . . . nilaza izy fa mihaantitra ka tsy te-hampiasa azy intsony, ary tiany aho hanana azy; noho izany aho—mankasitraka tokoa aho ho an'izany . . . ny amin'izany. Raha mbola velona foana aho, rahalahy, arak'izay azoko anampiana ny tenako, dia hohazoniko izy. Tsy hametraka an'izany eo an-tànako mihitsy aho raha tsy mieritreritra anao sy mivavaka ho anao.

4 Ankehitriny, isika dia . . . Betsaka ny zavatra tokony hatao androany, nieritreritra aho fa angamba raha mbola teto aho dia haka fanontaniana vitsivitsy ka hahita an'izay ao am-pon'ny fiangonako, ireo hafa. Nanao tokoa aho! Nahazo fanontaniana ampy hampaharitra ahy mandra-panomboky ny Arivo taona aho! Tsy fantatro hoe nisy betsaka no nety ho azo. Izaho—manana zato aho eto, ary nisy zato na mihoatra no tonga izao maraina izao. Noho izany dia tsy ho afaka hamaly azy ireo mihitsy aho, heveriko, marina mihitsy, satria . . . Ary izy ireo dia—fanontaniana tsara, tsara marina tokoa izy ireo.

5 Ankehitriny, ny sasany amin'izy ireo dia tsy azo vakiana mivantana imasom-bahoaka, noho izany dia fantatrareo, nanontany azy ireo aho . . . Raha izay tsy azoko apetraka amin'ny fomba tsy mivantana . . . Ilay izy dia olan'ny fianakaviana sy . . .

Azonareo. Ary izaho—nangataka ny hanana an'ilay vady lahy sy vady vavy eo amin'ny fifampiresahana manokana aho, mba ahafahako miresaka amin'izy ireo manokana mikasika an'ireo raharaha ireo. Tsy zavatra ratsy ilay izy; zavatra tokony ho voalamina ao amin'ny fianakaviana ilay izy, natioran'olombelona fotsiny sy taranaka izay isika . . . ny fotoana iainantsika sy ny sisa no mahatonga an'ireo zavatra ireo, ary olana izay mahakasika ny fianakavian'olombelona izy ireo; ary tsy maintsy valiana izy ireo. Ary noho izany, hanao ny zavatra rehetra izay vitako aho hamaliana azy ireo amin'ny fomba tsara indrindra.

6 Indraindray amin'ny famaliana fanontaniana, dia somary mila fotoana lava ilay izy; ary tsy te-ho diso amin'ny iray amin'izy ireo aho. Hodinihiko tsara mihitsy arak'izay vitako ny tsirairay avy. Ankehitriny, izy ireo fotsiny . . . Napetrako ao anaty harona eto fotsiny izy ireo, hamaly azy ireo, ary—ary hametraka Soratra iray raha tsy maintsy hanana an'izany aho, ary—ary handamina an'izany. Noho izany dia teo aho omaly tontolo andro, ary ampahany lehibe an'ny alina omaly alina, ary hatramin'ny taoriana kelin'ny misandratr'andro aninkeo maraina . . . Ary avy eo aho dia nahazo an'ity saiky mihoatra avo roa heny ity tonga izao maraina izao. Noho izany, heveriko fa ny hataontsika, raha sitraky ny Tompo, dia hamaly azy ireo aho hatramin'ny, arak'izay vitako, hatramin'ny manodidina ny mitataovovonana, avy eo dia hampirava, avy eo dia miverina indray rahariva ary—ary hiezaka hamarana betsaka arak'izay tratrako rahariva, ary hahita raha afaka mahazo aho . . . hahatapitra azy ireo. Ary angamba tsy voatery hanasazy anareo ela be aho amin'ny fivoriana lava be iray. Ary heveriko fa hanome anareo fotoana hivoahana, sy hialàna sasatra izany, ary mamerina aina kely, maka torimaso kely na zavatra iray, ary miverina raha afaka ianareo. Raha tsy afaka ianareo, nahoana, Rahalahy Fred Sothmann, heveriko, dia manao horonam-peo an'ity. Atao horonam-peo ve ilay izy? Eny àry, tsara izany. Hia, ao amin'ny efitra izy ireo manao horonam-peo azy, ary—ary ity horonam-peo ity dia mety ho, raha mety tsara izany, afaka hahazo an'ilay horonam-peo ianareo; hotehirizina izany ary hantsoina hoe *Fanontaniana sy Valiny*, satria misy fanontaniana tena sarotra ato ary zavatra . . . Maro amin'izy ireo no mikasika an'ireo foto-pampianaran'ny fiangonana.

7 Ankehitriny, tiako ho fantatry ny olona fa indraindray amin'ny famaliana an'ireto fanontaniana ireto, dia sarotra ilay izy. Mila fahasoavana betsaka hitsanganana eto, raha fantatrareo ny fitiavana izay ananako ho anareo olona. Tsy afaka haneho an'izany aho. Tsy maneho an'izany amin'ireo zanako akory aza aho; tsy maneho akory ny—ny fitiavako lalina ho an'ny vadiko araka ny tokony ataoko akory aza aho, satria izaho dia—mora tohina aho, ka mandeha amin'ny tsipika mahitsy

iray fotsiny. Zavatra iray ihany no hanehoako ny fitiavako manontolo: izany dia Andriamanitra Tsitoha. Ary izaho—tiako fotsiny Izy voalohany indrindra. Tiako ny olona hafa, saingy izaho—izaho tsy te-hanana . . . Tsy te-hanimba an'io fitiavana izay ananako ho Azy io aho; aoka ho io no voalohany. Koa noho izany, rehefa mamaly ny fanontanianareo aho, dia mamaly an'izany amin'ny fitiavana ao am-poko ho anareo; fa zavatra anankiray no eo anoloako mandrakariva: izany dia Jesosy Kristy (hitanareo?), amin'ny fomba izay Hamaliany an'izany.

8 Indraindray aho dia mety mamaly . . . Mety maharary ilay izy, mety mandratra, fa izaho—tsy fanahy iniako ny ho tahaka an'izany. Mamaly an'izany amin'ny tanjona iray aho, araka ny nolazaiko, Kristy eo anoloako. Ary tsy maintsy mahatsiaro aho fa Izany dia Izy izay izaho . . . Tsy maintsy manao tatitra ny amin'izany aho. Noho izany ny fitiavako voalohany dia ho Azy; ny fitiavako faharoa dia ho anareo olona, ary noho izany aho . . . Ny Fiangonany izay Novidiany tamin'Ny Ràny Manokana. Ary tia anareo marina tokoa mihoatra noho ny Nitiavany ny Tenany Izy, satria nanolotra ny Tenany ho anareo Izy. Ianareo no vidin'Ny Ràny, ary izaho—mikarakara azy am-pitandremana sy am-pahatsoram-po arak'izay fantatro aho. Saingy amin'izay fotoana izay, amin'ny fanaovana an'izany indraindray dia mieritreritra ianareo hoe, "Fanamarihana iray tena mafy izany ka izaho . . . saiky . . . Tena masiaka sy mivantana izany." Manao an'izany miaraka Aminy ao an-tsaiko aho (hitanareo?) mba hiezaka ny hanao, izay ny sisa . . . hahitan'ny olona rehetra fa tsy maintsy tahaka an'izany ilay izy. Ilay izy tsy—zavatra handratrana na tsy misy afa-tsy ny hahazoana antoka fotsiny hoe azon'ny olona ilay izy, ary manantena aho fa tahaka an'izany no andraisan'ny olona rehetra azy. Ary ankehitriny, ato no ahitantsika an'izay ao an-tsaintsika.

9 Ary satria mahita anareo rehetra tafavory tanteraka aho izao maraina izao ary hipoka ny zavatra rehetra, ary heveriko fa manana vahoaka tafahoatra isika any—any amin'ny fiangonana iray hafa. Ny fiangonana rahavavy iray dia naka ra—radio iray na karazana fi—fifandraisana an-telefona iray. Izany dia . . . Ao amin'izany fiangonana izany ilay fihoarana izao maraina izao, azoko. Rahalahy . . . Na rahalahy iray hafa dia manana fi—fiangonana iray izay manana ny fihoarana izay nalefa avy eto nankany amin'io fiangonana io. Izany dia mba tsy hahavoatery anareo hifanitsa-tongotra sy ny sisa manodidina ny rindrina.

10 Ankehitriny rahariva, raha sitraky ny Tompo, isika dia hanana ny . . . hanomboka aloha isika rahariva. Te-hanontany ny pasitera sy ny—ny komity aho raha tian'izy ireo . . . Ndao isika hanomboka aloha kely fotsiny rahariva, satria ny olona, ny sasany amin'izy ireo dia eto, ary hanana làlana lava hamiliana fiara izy ireo. Ary tiako ny hanomboka farafahakeliny adiny iray mialoha rahariva, raha vitantsika, ary hamita an'izany. Noho

izany ianareo... Vantany vao mahavita ny sakafonareo mihitsy ianareo aorian'ny amin'ny enina ora na amin'ny fotoana rehetra, nahoana, dia hanomboka aho. Hitanareo? Hono ho'aho, mazàna ianareo dia manomboka amin'ny fito sy sasany sa tsy izany? Ndao isika ho, ndao isika, mamelà ahy ho eo amin'ny lampihazo amin'ny fito. Hitanareo? Ary avy eo amin'ny valo na amin'ny valo sy sasany, na zavatra tahaka an'izany, homeko fotoana ianareo mba—mba handehanana any an-tranonareo ary ho vonona ho an'ny asa rahampitso, raha misy ampitso iray.

11 Ankehitriny, homba anareo anie ny Tompo ka hitahy anareo betsaka, ary hiditra aho vantany vao tapitra ity fotoana ity ka haka an'ireto fanontaniana hafa ireto sy hiezaka hamaly azy ireo. Nanoratra teo ambonin'izy ireo fotsiny aho, kely fotsiny—silaka naoty kely sy ny sisa, mba ahafahako—ahafahako... Somary manadino an'ireo Soratra. Avy eo rehefa mianatra ao amin'ny efitra aho, amin'izay fotoana izay aho (tiako ny mitodika amin'izy ireo any ho any, ary manana azy aho eto) ary—mandray naoty azy fotsiny eo amin'ny silaka taratasy iray. Ary noho izany, ilay izy raha ao anatin'ny—ao anatin'ny rakipahalalana iray dia tsy maintsy alaiko izany, na fanehoana teny iray, na anarana iray, dia manana azy voasoratra eto anoloako aho. Tsy mila mitondra andiana boky goavana sy ny sisa aho; efa ananako eo izany.

12 Ankehitriny, raha tsy mahita fahafaham-po ilay fanontaniana aminareo, eny, amin'izay fotoana izay dia izaho, angamba, izaho no nanao fahadisoana iray. Hitanareo? Izaho—izaho—mety nanao fahadisoana iray aho, satria ireo zavatra ireo no tsara indrindra mihitsy amin'ny fahazoako. Ary tiako ireo—ireo mpitoriteny izay mety manana ny fikambanany, na ny fikambanan'ny fiangonana anankiray izay hihaino an'ireto fanontaniana ireto... Tena tsy tiako ity... Raha misy fiantraikany eo amin'ny fampianaranareo sy ny—ny—ny fiangonanareo ilay izy, dia tiako ho azon'ilay fiangonana mazava tsara fa fampianaranay eto amin'ny tabernakla fotsiny ity. Tsy manandrana manery an'izany eo amin'ny vondron'olona hafa aho. Ary izaho—izaho—te-ho Kristiana iray aho ato—ato am-poko, hoe mampianatra an'izay inoako aho. Mitsangana eo amin'ny faharesen-dahatro aho. Raha manao marimaritra iraisana amin'izany aho, dia mpamadika an'i Kristy ary mpihatsaravelatsihy iray aminareo; ary izaho—tsy maintsy mitsangana mahatoky eo amin'izay inoako ho ny Fahamarinana aho. Fa ny olon-kafa rehetra dia manana zò hanao tahaka an'izany. Andriamanitra no Mpitsara antsika rehetra.

13 Ankehitriny, alohan'ny hanombohantsika mihitsy, dia nieritreritra aho fa hanao filazana mikasika ny mpahay tantara tsara iray, Paul Boyd. Maro aminareo no mahafantatra azy; tonga eto amin'ny tabernakla izy. Vao niverina avy tany Jerosalema izy ary nanatrika an'ilay Foara Maneran-

tany. Izy dia tena mpa—mpampianatra faminaniana iray, ary mpahay tantara iray izy, iray amin'ireo tsara indrindra. Rahalahy Mennonite iray izy, izany izy *taloha*, ary nandray ny batisan'ny Fanahy Masina. Ary noho izany dia lasa tena sakaizako manokana mihitsy izy. Ary nandinika foana izy ka nandray naoty ny zavatra rehetra izay nolazaiko mikasika ny faminaniana, mba handinika sy hahita raha miseho ilay izy.

14 Ary ankehitriny, manoratra amiko izy eto (satria eto Etazonia indray izy ankehitriny), ary eo amin'ny tabilaon'afisy izany, heveriko, izao maraina izao. Ary manoratra naoty iray izy eto izay napetrany tao amin'ny iray amin'ireo gazety na zavatra iray na hafa, mikasika an'ireo faminaniana miavaka. Ary milaza an'ilay zavatra fahadimy izy, heveriko fa izay ilay izy, izay hitako telo amby telopolo taona lasa izay mikasika ny zava-bitan'ny, ny fandrosoan'ny, raha ny marina, an'ny siansa. Ary ianareo rehetra izay mahatsiaro, noraisinareo naoty izany. Nanana an'izany tao anatin'ireo bokiko aho. Ary ny zavatra rehetra izay notenenin'ny Tompo . . . teneniny amiko, dia raisiko naoty izany, izay avy amin'ny ankabeazan'ny fahazo- . . . na zavatra izay azoko tenenina amin'ny olona.

15 Ary nieritreritra aho izao maraina izao, alohan'ny anombohantsika an'ity . . . Tsy toriteny ity, fa eto isika dia hiara-hivory mba hianatra avy amin'ny iray hafa an'izay ao am-pontsika. Ndao isika hamahavaha an'ireo zavatra ireo ankehitriny, satria efa nitety an'ireo Taom-Piangonana sy ny sisa isika. Heveriko fa tsara ny mijanona mandritra ny fivoriana iray na roa, ary manamarina, ka mahita an'izay ao am-pon'ny olona, ary avy eo dia mandeha manomboka eo. Hitanareo? Avy eo dia miverena indray ary . . . amin'ny andian'ny—ny fivoriana. Raha sitraky ny Tompo, dia tiako ny hanana an'izany eto amin'ny tabernakla tsy ho ela, andiana fivoriana lava fotsiny; fantatrareo izay tiako lazaina, an'ny—an'ireo lohahevitra samihafa ohatra; ary manohy mandeha fotsiny mandra-Pihaviny ho ahy na izaho no handeha hitsena Azy, ny anankiray. Hitanareo? [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

16 Nanoratra eto i Paul Boyd mikasika an'ireo zavatra fito izay hitako tamin'ny 1933, izay tsy maintsy hiseho. Ary mandinika tsara azy ireo mihitsy izy, ara-teknika, arak'izay vitany, satria mpahay tantara iray izy. Ary mandinika an'izany izy, izay lazainareo marina tokoa. Ary hitany ireo zavatra voateny ireo taona maro lasa izay: mikasika ny hoe ahoana fa i Mussolini . . . sy izay hanjo azy, sy i Hitler, sy izay hanjo azy; ary ahoana no handraisan'ny Kominisma ny Fasisma sy ireo rehetra ireo; ary ahoana fa ilay—ilay Siegfried Line dia haorina, ary ahoana no nahazoan'ireo Amerikana kapoka iray tany (ary tsy te-hanaiky an'izany mihitsy izy ireo raha tsy roa taona lasa teo izay, ary manana an'ireo sary Alemandy ny amin'ilay fahirano tany izy ireo; ary nahazo kapoka iray marina tokoa izy ireo. Tian'izy

ireo. . .Nahavery saiky ny tafiny manontolo mihitsy izy ireo tany); ary ireo zavatra rehetra izay natao.

17 Ary ankehitriny, dia izao koa no voalaza hoe, “Ary izao no hitranga, fa alohan’ny hahatongavan’ny andro farany, dia haka endrika atody iray ireo fiara, ho lasa hitovy betsaka amin’ny atody iray.” Ary nahita fianakaviana Amerikana iray aho nandeha nidina teo amin’ny làla-malalaka iray tao anaty fiara iray izay. . .Nipetraka nifanatrika izy ireo, ary nanana latabatra iray, ary dia, toy ny hoe, nilalao jeu de dames na karatra. Ary tsy nanana familiana izy ireo tao anatin’ilay fiara. Ary izany dia nofehezin’ny hery iray tsy misy familiana. Firy no mahatsiaro ahy naminany an’izany (hitanareo?), izay efa teto?

18 Ankehitriny, tao amin’ny Foara Maneran-tany dia efa nanana an’ilay fiara eny amin’ny tsena izy ireo. Ity ilay. . .Efa lafo izy ankehitriny; orinasa goavana iray no naka ny maro tamin’izy ireo. Ary io fiara io, ity izy. Tsaroan’i Paul Boyd ilay faminaniana, nijery tao anatin’ny bokiny an’izay nolazaiko, ary naka an’ilay sary tao. Ary io izy, amin’ny endrika atody iray marina tokoa, miaraka amin’ny seza roa mipetraka tahaka an’*izao*, ary seza roa mipetraka tahaka an’*ity*, ary latabatra iray eo afovoany mba hilalaovana karatra sy ny sisa, marina tokoa.

19 Marina tanteraka ny Tenin’ny Tompo. Tamin’ny 1933 izany. Izany dia ho. . .Ndao jerentsika, ho inona izany? Roa amby telopolo taona lasa izay, sa tsy izany? Izao dia ’64. Hia, telopolo. . .Hia, iraika amby telopolo taona lasa izay. Iraika amby telopolo taona lasa izay no nitenenan’ny Tompo an’izany tamiko, ary ity ilay izy. Ary eto ilay orinasa izay efa nanafatra azy ireo; ary ireo—ary ireo orinasa mpitatitra entana sy ny sisa dia manana kamiao vita tahaka azy ireo. Afaka mifehy an’izany avy hatrany avy amin’ireo foibeny tahaka an’izany izy ireo, tsy mila manana mpamily iray akory aza ao anatiny. Ary eto dia efa vita daholo izany, ary eo izany miaraka amin’ireo fiara. Ankehitriny, eo amin’ny tabilaon’afisy ao aoriana ao izany, ary afaka mamaky an’ilay faminaniana ianareo ary mahita fotsiny hoe marina toy ny ahoana ny Andriamanitsika, toy ny ahoana Ny Teniny. . .Hoy Izy hoe, “Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho diso mihitsy.”

20 Jereo fotsiny, telo amby telopolo taona lasa izay. Fantatrareo hoe mitovy amin’ny inona—mitovy amin’inona tamin’ny 1931, na inona na inona ilay izy, toy ny inona ny modelin’ny fiara; nitovy tamin’ny vakoka iray izy. Izao no voalaza hoe, “Hitovy amin’ny atody iray mihitsy izy, lasa tahaka ny atody iray.” Mazava ho azy, fa tsy misy olona eto, heveriko, izay velona androany na eo anivontsika izay nandre ahy nilaza an’izany. Izany dia. . . Efa nandre ahy nilaza an’izany ianareo nanerana an’ireo taona, saingy. . .Hia, misy vehivavy iray mipetraka eto. Nahoana, Rtoa. Wilson, tsy nahita anao teo aho. Tsaroanao rehefa niseho izany. Tamin’izay izy no sitrana, teo am-pahafatesana tamin’ny

TB (ilay vehivavy, ny vadiny ary ny zananivavy dia tonga mba handehanako hivavaka ho azy) ka tratry ny fahaverezan-drà izy hany ka ny—ny zoron-trano dia lasa feno an'ireo—ireo fonon'ondana sy ny sisa izay nandrarahany rà. Ary hoy ilay dokotera hoe, "Tsy misy fomba hany hahavelona azy," ary na dia. . .Niezaka izy ny hilaza zavatra tamiko alohan'ny ahafatesany, ka nifantsitsitra teo ambonin'ny bodofotsy sy lambam-pandriana ny rà rehefa teo izy, rehefa nanandrana nikohaka izy. Ary nentiko niala teo amin'io fandriana io izy, ary nentiko tany amin'ny renirano mangatsiaka iray eto izy, ary rano misy gilasy iray, ary nataoko batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy. Ary telo amby telopolo taona lasa izany, ary mipetraka eto izy androany, mbola velona foana, nefa ny ankizy goavana, salama, maro amin'izy ireo no lasa. Eo ianareo izao. "Fahasoavana mahagaga, tena mamy ilay feo, izay namonjy mahantra iray tahaka ahy!" Izany dia maneho fotsiny hoe tanteraka toy ny ahoana no isehoan'izany rehefa izany no HOY NY TOMPO HOE.

21 [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny anabavy iray—Mpand.] Eny, izany dia—marina izany, Ranabavy. Eny, tompoko! Ireo vehivavy. . .Nilaza aho fa ho lasa tena ratsy fitondran-tena ireo vehivavy amin'ny fa-. . .Ankehitriny, fantatrareo hoe toy ny ahoana no niakanjoan'izy ireo telopolo taona lasa izay. Voalaza fa lasa tena ratsy fitondran-tena izy ireo, hany ka handeha eny an-dàlambe manao akanjo tahaka ny atin'ankanjo fotsiny. Dia hoy aho hoe, "Avy eo dia izao no hiseho, ho tena afa-baraka mihitsy aza izy ireo, ka hitafy zavatra mitovy amin'ny ravin'aviavy izy ireo." Hitako izany, ary manana an'izany izy ireo; ary mitafy an'izany izy ireo. Ny—ny fahalotoam-pitondran-tenan'ny vehivavy fotsiny dia ho lasa tena ambany sy hiharatsy! Tsy afaka miha-ambany kokoa intsony isika ankehitriny; tsy afaka miharatsy kokoa ianareo. Eo amin'ny farany izy! Hitanareo, tsy hiboridana tanteraka mihitsy izy ireo. Tsia, izy ireo. . .

22 Nitory teny tamin'ny olona aho, vehivavy an'aliny izay tsy manana pentin'akanjo iray teo amin'izy ireo (hitanareo?), lehilahy tanora, sy vehivavy tanora, ary ny rehetra, nefa tsy fantany fa mitanjaka izy ireo. Hitanareo? Tsy fantatr'izy ireo izany. Ary ny fomba ihetsehan'ireo vehivavy amin'izao andro izao. . .

23 Niresaka tamin'ny sakaizako sasany aho indray hariva rehefa tany ambonin'ny tendrombohitra tany izahay, ary ve—vehivavy tanora iray. . .Vao avy nivavaka ho an'ny zazakeliny aho; tratry ny androbe izy; ary salama ilay zazakely. Ary fianakaviana kely, mahantra, any amin'ny lohasaha milentika iray lavitra any, tanim-paraky tranainy kely iray no manodidina an'ilay trano, ary eo amin'ny efitra roa no ao anatiny, ary ankizy fito na valo. . .Io vehivavy io dia miasa (oh, oadray!), famaky

lehibe iray fotsiny any, mikapa hazo sy ny sisa, sy—sy miasa ny sahany amin'ny angady, ary manao karazan-javatra am-bifotsy. Ary nijery an'ilay vehivavy mahantra aho, akanjo iray ihany izay efa nanaovany nandritra ny taona iray na roa, ary triatriatra tanteraka sy ny zavatra rehetra . . . Ary niezaka nitady ny sasany tamin'ireo akanjon'i Meda aho mba entiko ho azy ny herinandro manaraka.

24 Ary—ary voamarikay nitsangana teo, izaho sy ny rahalahy vitsivitsy, ilay ramatoa mampinono ny zazakeliny. Navoakany fotsiny ny nonony avy tamin'ny—avy tamin'ny—avy tamin'ny akanjony ary nanomboka nampinono an'ilay zazakely; ary somary nahagaga ilay izy nandritra ny iray minitra; izany no fomba nampinonoan'ny reniko ahy! Tena marina tokoa izany.

25 Manana haja betsaka kokoa ho an'ny vehivavy iray tahaka an'izany aho noho ny ananako amin'ny sasany amin'ireo vehivavy izay mametraka tady kely ratsy eo ambanin'izy ireo mba hampisehoana ny tenany. Tsy mitovy amin'ny olombelona iray akory aza. Manana tanjona iray izy ireo amin'ny fanaovana an'izany; mampiseho vatana izany, tsy masina. Ny vehivavy iray hany manao akanjo betsaka ary miezaka manao ny tenany hitovy amin'ny zavatra izay tsy maha-izy azy . . . Izaho . . . Nahoana, ireo vehivavy dia tsy—tsy tahaka an'izany marina tokoa; karazana zavatr'i Hollywood izany. Ary ny fanahin'ny devoly no tonga eo amin'ireo vehivavy mba hanao azy ireo hisintona ny fifantohan'ny lehilahy amin'ny alàlan'ny fananahana. Ny nonon'ny vehivavy iray dia nomena azy mba hampinonoany an'ilay zazakely. Marina tokoa izany. Ilay vehivavy dia tsopiainana mihitsy, saingy mahitsy tsara izy. Manana fanajana bebe kokoa aho ho an'io, ho an'io vehivavy tahaka an'izany io, satria izy . . . Izany no fomba nitaizan'ny reniny azy; izany no fomba . . . Izy ireo—izy ireo tsy mihitsy—tsy miraharaha an'izany. Ilay zazakely dia ninono mihitsy tahaka ny sarin'i Madonna izay hitanareo. Ary raha hanao ny sainy hipetraka tahaka an'izany fotsiny mantsy ny olona, dia ho hafa ilay izy.

26 Fa rehefa mivoaka any ivelany ianareo ka angamba manao blozy sy ny sisa, ary avy eo dia mampiseho ny tenanareo eo miaraka amin'ny tady kely sy ny sisa, izay toa tsy masina ka manao ny lehilahy . . . Fantatrareo ve fa izany no fanahin'ny devoly eo aminareo? Noho izany dia tsy te-hanao an'izany ianareo, ranabavy. Aza manao an'izany; lokon-tarehin'i Hollywood sy fandriky ny devoly izany! Rehefa manao an'izany ianareo, dia manao ny lehilahy hieritreritra zavatra ratsy mikasika anareo; ary rehefa manao an'izany ianareo, dia meloka nohon'ny fijangajangana tamin'izany lehilahy izany, satria nampiseho ny tenanareo tahaka an'izany taminy ianareo. Tsy misy azonareo atao amin'ny fomba nanaovana anareo, fa mandehana fotsiny ary mijanòna arak'izay nanaovan'Andriamanitra anareo. Hitanareo? Aza miezaka

manao ny tenanareo ho zavatra izay tsy maha-izy anareo. Mijanòna ho olombelona fotsiny. Mahatsiravina izany? Eny mety mamaly ny fanontaniana sasany an'olona iray koa izany.

27 Ry Rainay, misaotra Anao izahay androany nohon'ny amin'i Jesosy Kristy sy nohon'ny fahitsian'ny Teny. Raha mahita Anao manao tanteraka tokoa an'ireo teny hiseho aho, dia manao ahy ho tapa-kevitra bebe kokoa izany mba hijanona amin'ny Fahamarinana sy ny teny rehetra an'ny Fahamarinana. Noho izany dia mivavaka aho, Ray, mba Hitahianao anay izao maraina izao, ity vahoaka maha-te-ho tia ity. Ary mahafantatra fa ity horonam-peo ity dia handeha any amin'ny toerana maro izay handre an'ilay fanamarihana mihitsy aza izay vao natao ankehitriny. . . Izaho tsy nanao . . . tsy nomanina mialoha izany; Ianao no mahafantatra ny foko. Tonga tao an-tsaiko fotsiny ilay izy, ary mino aho fa Tianao ny nilazako azy. Ary nolazaiko ilay izy, ary tapitra ankehitriny. Ary—ary izany marina tokoa no faharesen-dahatro sy izay inoako fa Nasainao holazaiko.

28 Aoka ny vehivavy tsirairay izay mandre an'izany manerana an'ireo tany sy manerana ny firenena ary izao tontolo izao; enga anie izy ho lasa menatra ny tenany ka hahita an'izay nitranga, ary hampiakanjo ny tenany tahaka ny ramatoa iray avy eo, mba tsy ho meloka amin'ny fijangajangana. Zava-boahary tsara tarehy, maha-te-ho tia arak'izay Nomenao, ampahan'ny lehilahy iray, ho tahaka an'izany mba—mba—mba hisintona ny fifantohany hiverina amin'izany, mba ho iray izy roa, satria avy tamin'ny lehilahy no nivoahany. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba ho fantatry ny vehivavy fa ny hatsarany sy izay maha-izy azy, dia voatokana ho an'ny vadiny manokana fotsiny ihany. Ekeo izany, Ray.

29 Mangataka izahay mba Hanampianao anay ankehitriny raha miezaka manazava an'ireto fanontaniana ireto izahay. Tsy ampy izahay ny amin'ireto zavatra ireto, fa aoka ho tonga Ny Fanahinao lehibe, Tompo, izay fahampianay; ary enga anie Izy hamaly ny fanontaniana ao anatin'ny fo maro. Misaotra Anao izahay noho izay Nomenao anay: *Ireo Taom-Piangonana*, sy *Ireo Tombokase*, ary ny . . . Oh, toy ny ahoana no Nifanarahanao taminay tamin'ny zavatra tena mahery izay lehibe ho anay, Tompo, satria hitanay fa akaiky ny andro farany.

30 Ankehitriny, mba . . . nihevitra aho fa nety tsara ilay izy na hety tsara ho an'Ny Fanjakanao raha tokony hanamarina aho eo amin'ny vahoaka. Matetika eo ambanin'ny famantarana ary mahita zavatra maro samihafa, ary tsy afaka mifantoka eo amin'ny iray amin'izy ireo ianareo; noho izany dia mieritreritra—navelako hanoratra an'izay noheveriny tao am-pony fotsiny izy ireo. Ary avy eo dia afaka haneho ny eritreritr'izy ireo aho avy eo amin'ny taratasy izay nosoratan'izy ireo, ary avy eo dia Ianao no manome anay ny valiny marina. Miandry izahay rehetra, Tompo. Tongava ao amin'ny fanatrehanay, Tompo, ary mandehana

mandroso sy miverina eo amin'ireo làlantsara, ary mifanaraha amin'ny tsirairay avy araka ny Sitraponao. Mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Terry, izaho... izaho ve...Mbola mandeha foana ve ity, eto amin'ilay raha-...Nokasihako...Mamono an'izany ve ity, sa inona? Tsy manelingelina izany. Nokasihako tamin'ny tànako ilay izy. Tsy nahafantatra aho.

31 Ankehitriny, araka ny lazaiko indray ankehitriny, raha manomboka isika, tamin'ny—ireo mpitoriteny na olona any amin'ireo faritra samihafa eto amin'ny firenena, na izay hihaino ny horonam-peo, ianareo dia—ianareo dia...Mety tsara ny horonam-peo: ity dia ireo fanontaniana ao am-pon'ny olona izay an'ity tabernakla eto ity, izay tsy anananay anaram-piangonana, fa fifampiombonana fotsiny. Ary matoky aho fa izany dia ho...hanazava ny eritreritsika, mba hahafantarantsika an'izay tokony hatao sy hahafantarantsika hoe ahoana no hiainana tsara kokoa rehefa voavaly ny fanontaniantsika. Fantatro, fa ny famakiana azy ireo fotsiny, dia efa fitahiana iray ho ahy.

32 Ankehitriny, vao avy nametraka azy ireo eto amin'ny antontany iray aho, ary handinika aho ka eo amin'ny roa ambin'ny folo latsaka dimy minitra eo, dia hampirava aho. Ary avy eo, dia miverena amin'ity tolakandro ity amin'ny enina sy sasany.

Fanontaniana voalohany izay ananako, mino aho fa fanontaniana dimy misesy izany, nosoratana tamin'ny milina fanoratana eo ambonin'ny silan-taratasy mavo iray.

**236. Inona no dikan'ity? Matio 24:19: "Lozan'ireo bevohoka, sy ireo izay mampinono amin'izany andro izany!"**

Tena hafahafa, tsy nahafantatra an'izany, saika hilaza an'ity aho mikasika ny vehivavy, ary indro ilay izy amin'ity fotoana ity, ilay fanontaniana voalohany.

33 Ankehitriny, Matio 24:19. Nametrahana fanontaniana telo Jesosy. Tao anatin'ireo fanontaniana ireo dia hoe: Rahoviana ny fotoana izay tsy hisian'ny vato anankiray tavela eo ambonin'ny iray hafa? ary, Inona no ho famantarana ny fihavian'ny fahataperan'izao tontolo izao? ary—ary fanontaniana telo samihafa izay Izy—nanontaniana Azy. Ary mamaly an'izany amin'ny fomba telo samihafa Izy, mamaly ny fanontaniana tsirairay. Rahoviana no tsy hisy vato anankiray eo ambonin'ny iray hafa? Ary inona no ho famantarana ny Fihavianao? Ary inona no famantarana ny fahataperan'izao tontolo izao? Ary mamaly an'izany amin'ny fomba telo samihafa Izy. Miteny amin'izy ireo Izy hoe rahoviana no ho tonga ny fotoana izay tsy hisian'ny vato anankiray eo ambonin'ny iray hafa; inona no ho famantarana ny Fihaviany; ary avy eo, amin'ny fahataperan'izao tontolo izao. Ary matetika, raha tsy mandinika

tsara ianareo, ankehitriny, ahoana no Amaliany (hitanareo?), dia hafangaronareo izany ary hametraka azy rehetra ao anatin'ny fotoana anankiray; ary avy eo dia hikorontana tanteraka ianareo.

34 Ankehitriny, tsy hoe tsy miraharaha an'ireo—an'ireo rahalahintsika Adventista izay mandray an'ity ara-bakiteny ho amin'ny ho avy. Mba hidirana amin'io lohahevitra momba ny andro fahafito io hoe: "Mivavaha koa mba tsy ho amin'ny ririnina na amin'ny andro Sabata no handosiranareo," hoy Izy (hitanareo?), mbola hitandrina ny Sabata foana izy ireo. Tsy hoe manambany an'ireo rahalahy ireo, tsy hitovy amin'ny Kristiana ny manao an'izany, fa mba hanitsiana an'izany fotsiny. Hitanareo?

35 Ahoana no ahafahan'ny tontolo Kristiana manontolo hiangona ao anatin'ny manda iray, ary tsy mivoha ireo manda sy mihidy tahaka azy ireo tamin'izany. Hitanareo? Inona no fahasamihafana hataon'izany, hoe na ririnina izany na fahavaratra ho an'ny olona izay nipetraka tany amin'ny faritra mafana. Hitanareo? Ho an'ny Isiraely irery ihany izany. Izany ilay fotoana izay tsy hisian'ny vato anankiray eo ambonin'ny iray hafa. "Lozan'ireo bevohoka, sy ireo mampinono amin'izany andro izany," satria ny reny iray izay bevohoka (hitanareo?), dia ho sarotra ho azy ny hihazakazaka, ary ho an'ireo izay mampinono ny zazakeliny ny hitondra azy ireo, satria tsy maintsy nivoaka ao Jerosalema avy ao amin'ilay tanàna izy ireo hankany amin'ireo . . . hankany amin'ireo tendrombohitr'i Jodia.

36 Ary ankehitriny, afaka hijanona mihitsy mandritra ny maraina manontolo aho eo amin'io zavatra anankiray eo io, mba hanaovana azy hazava fotsiny; fa hiezaka fotsiny aho ny hikasika an'ireo teboka lehibe izay vitako, mandra-pahazoan'ny olona azy, ary avy eo dia mandeha mankao amin'ny fanontaniana manaraka.

37 Ankehitriny, niteny tamin'izy ireo Jesosy hoe izy ireo dia . . . "Raha mahita an'i Jerosalema voahodidin'ny miaramila ianareo, amin'izay fotoana izay dia aoka izay any an-tsaha, tsy hiverina any an-tanàna haka ny akanjony, haka na inona na inona ao an-tranony; aza miverina ao an-tanàna mihitsy, fa mandosira mankany Jodia, fa hisy andro mahory izay tsy mbola nisy tahaka azy hatramin'ny niandohan'izao tontolo izao." Ary izany rehetra izany dia niseho tamin'ny andro nanaovan'ilay jeneraly Romana, Titus, fahirano an'i Jerosalema, nandoro ny tanàna, ary nisy fotsiny ihany . . . ary namono ny olona mandra-pivoakan'ny rà teo am-bavahady ka niparitaka tao . . . teny an-dàlambe. Nataony fahirano izy. Tsy fantatro marina hoe firy taona ilay izy, fa nentiny fotsiny ireo tafiny dia niakatra ary nitoby nanodidina an'ilay tanàna mihitsy. Ary na dia ny olona aza, ireo vehivavy, dia nampangotraka an'ireo zanany manokana ka nihinana azy ireny, nihinana hodi-kazo, ny ahitra amin'ny tany. Izany dia

nohon'ny fandàvana ny Teny. Izany no nahatonga an'ilay izy. Ary avy eo. . .

38 Ankehitriny, ireo izay nandray ny Teny, araka an'i Josephus, ilay mpahay tantara malaza no manoratra. . . Nantsoiny hoe mpihinan'olona izy ireo, nilaza fa nihinana vatan'ny Lehilahy iray nantsoina hoe Jesosy avy any Nazareta izy ireo, Izay nohomboan'i Pilato; ary tonga tamin'ny alina izy ireo ka nangalatra ny Vatany, dia nentin'ireo olona ireo izany ka notetehiny ho potipotika ary nohaniny izany. (Nandray ny Fandraisana izy ireo, hitanareo. Tsy nahafantatra izy ireo.) Tantara iray nandeha fotsiny izany, tahaka ny ananan'izy ireo amin'izao andro izao mikasika antsika sy ny sisa amin'ireo Kristiana. Hitanareo? Milaza an'ireo zavatra ireo izy ireo, saingy. . .

39 Ankehitriny, ireo olona izay. . . Ny antony, "Mivavaha mba tsy ho amin'ny ririnina no andosiranareo," Feno orampanala i Jodia. Hitanareo, Krismasy? Ankehitriny, ahoana no nahaterahan'i Jesosy tany arak'izany tao amin'ireo havoana feno oram-panala ireo? "Mivavaha mba tsy ho amin'ny ririnina, na amin'ny andro Sabata koa no andosiranareo," hitanareo, satria tamin'ny andro Sabata dia nihidy ireo vavahady, ary ho tratra ao amin'ireo fandriny izy ireo. Raha tonga teo i Titus ny—ny—ny Zoma tolakandro, dia natao fahirano tao izy ireo nandritry ny Sabata, satria nikatona ireo varavarana. Nikatona ireo vavahady tamin'ny Sabata ary tsy nivoha. Tsy nisy fidirana sy fivoahana ny tanàna tamin'ny andro Sabata.

40 Ary ankehitriny, hitanareo ve izay nitranga? Avy eo dia hoy Izy hoe, "Lozan'ireo bevohoka, sy ireo izay mampinono amin'izany andro izany," (hitanareo?) satria mandositra sy mihazakazaka. . . Ary araka ny tantara, dia tsy nisy iray tamin'ireo izay nino an'i Jesosy sy nino ny Teny ka tsy niandry an'izany hitranga. Ary afa-nandositra izy ireo, ka niala avy tao Jerosalema nankany Jodia, ary—ary nandositra ho an'ny ainy, nefa tsy nisy iray tamin'izy ireo. . . satria efa nampitandreman'ny Mpiandry ondriny izy ireo ka niambina an'io ora io ho avy. Rehefa ren'izy ireo fa tonga i Titus, dia lasa izy ireo, nandositra ho an'ny ainy, ary nivoaka ny tanàna.

Ankehitriny, ny fanontaniana manaraka izay manaraka.

**237. Matio 24:24: "Ary hisy mpaminany sandoka hitsangana, sy ireo kristy sandoka, ary mpaminany sandoka, ary haneho famantarana lehibe sy fahagagana." Ahoana no hahafantarantsika azy ireo?**

41 "Hisy hitsangana. . . " Amin'izany ankehitriny dia midina mankao amin'ny taona iray hafa ianareo. Hitanareo? ". . . hitsangana ireo kristy sandoka sy mpaminany sandoka." Ny kristy sandoka iray dia voahosotra sandoka iray, satria Kristy no ilay Voahosotra. Firy no mahafantatra fa *Kristy* dia midika

hoe “ilay Anankiray voahosotra”? Hisy voahosotra sandoka, ary hiantso ny tenany ho mpaminany izy ireo. Fa ahoana no hahafantaranareo azy ireo? Amin’ny alàlan’ny Teny; tahaka an’izany no hahafantaranareo azy, amin’ny alàlan’ny Teny, raha marina ny azy ireo. Ahoana no hahafantarantsika azy ireo? Ho amin’ny alàlan’ny Teny. Raha izy ireo . . . Raha milaza izy ireo fa manana ny Teny, nefa avy eo mandà ny Teny, amin’izay fotoana izay dia tsy misy na inona na inona amin’izany, tsy mampaninona izay ataon’izy ireo. Mety manasitrana ny marary izy ireo; mety manokatra ny mason’ny jamba izy ireo; nefa mandà ny Teny, mialà lavitra an’izany. Tsy ahoako na inona ilay izy, mijanòna amin’ity Teny ity tsy mampaninona (hitanareo?), satria matetika aho no nahita an’ireo vaudous sy ireo karazan-javatra rehetra niseho teo ambanin’ny—teo ambanin’ny fanasitranana.

42 Mipetraka eto Rahalahy Sidney Jackson, Ranabavy Jackson izao maraina izao avy any Afrika Atsimo. Afaka hitsangana eto izy ary handray an’io lohahevitra io ka hiteny aminareo marina tokoa an’ireo zavatra sasany mikasika an’izany any. Nahoana azo antoka, manatona an’ireo sampy ny olona ka sitrana. Hitanareo, satria nahoana?

43 Tahaka ny nanomezan’i Dr. Hegre ahy an’io fivazavazana io tamin’izany fotoana izany, nohon’ny filazako fa tsy afaka manasitrana ny devoly. Ary izao no voalaza, “Lehilahy iray izay mitsangana eo anoloan’ny olona maro tahaka anao, sy teolojia mahantra tahaka an’izany,” hoy izy, “milaza fa tsy afaka manasitrana ny devoly.” Hoy izy, “Manana vehivavy iray izahay ao amin’ny fiaraha-moninay mihitsy izay mitondra aron’akanjo manodidina azy, ary mandeha any; ary tonga nanodidina azy ny olona ka asaina mandatsaka vola ao anatin’io aron’akanjo io; avy eo dia hokosehiny izy ireo ary hanesorany volo eo amin’ny lohany sy rà amin’ny làlan-dràn’izy ireo ary—ary apetrany eo ambonin’ny volo iray izany ka atsipiny ao ivohony; ary raha voatery hijery any aoriana izy, dia miverina eo amin’ny olona ilay aretina. Ary,” hoy izy, “lasa salama ny telopolo isan-jaton’izy ireo. Nefa avy eo ianao dia milaza fa tsy afaka manasitrana ny devoly?”

44 Dia nieritreritra aho hoe, “Oh, oadray!” Nanoratra ho azy aho, ary hoy aho hoe, “Andriamatoa hajaina:” hoy aho, “Zavatra iray hafahafa amiko ny hoe loholon’ny kolejy Loterana iray no hanao fototra ny teolojiany eo amin’ny fahatsapana iray raha tokony ho ny Tenin’Andriamanitra.” Hitanareo? “Milaza ny Tenin’Andriamanitra fa i Satana dia tsy afaka mandroaka an’i Satana. Milamina hatreo izany; Jesosy no niteny an’izany.” Raha Satana . . . Hoy aho, “Noho izany dia mety hanontany ianao hoe ahoana no nahasitrana an’ireo olona ireo tamin’ny alàlan’izany, io mpamosavivavy io, izany dia satria ireo olona mihitsy no mihevitra fa manatona an’Andriamanitra amin’ny alàlan’io mpamosavivavy io izy ireo. Ary ny fanasitranana dia

mifototra eo amin'ny finoana, fa tsy eo amin'ny hoe marina toy ny ahoana ianao, tsara toy ny ahoana ianao, impiry no itandremanao an'ireo didy, na inona na inona ilay izy, izany dia mifototra am-panajana eo amin'ny finoana. 'Ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo izay mino!' Hitanao? Izany dia tsy mifototra eo amin'ny hoe tsara toy ny ahoana ianao. Efa nahita mpivaro-tena tonga teo amin'ny lampihazo aho ary sitrana teo no ho eo ary vehivavy masina iray niampita ny lampihazo fa diso an'izany. Azo antoka, mifototra amin'ny finoana izany, 'Raha mety mino ianao,' fa tsy eo amin'ny fahamarinana."

45 Jereo eto any Frantsa izay andehanan'izy ireo any amin'io fasan'io vehivavy io, miditra ao amin'ny seza misy kodiarana ary mivoaka mandeha, amin'ny tsy misy afa-tsy finoanoampoana fotsiny izao, raha ny zavatra iray, momba ny fanahy, ny mivavaka amin'ny olona maty iray. Hitanareo? Kanefa sitrana izy ireo, satria mihevitra izy ireo fa manatona an'Andriamanitra. Ankehitriny, tsy manambany an'ireo vahoaka Katolika, manambany ny rafitra Katolika aho, tahaka ny anambaniako ny rafitra Protestanta (hitanareo?), ireo zavatra rehetra ireo.

46 Ankehitriny, ry mpitoriteny, fantatro fa handrovitra ity, saingy mamaly fanontaniana aho; ary tiako—tiako ianareo hahazo fa (hitanareo?) izaho fotsiny—miteny aminareo ny Fahamarinana avy ao am-poko fotsiny aho; Kristy eo anoloako no tsara indrindra amin'ny fahalalako. Hitanareo? Rafitra daholo izany, ary ireo rafitra ireo no namatotra ny olona tahaka ny . . . Ny olona mandeha mikambana amin'ny Metodista, Batista, Presbyterana, Pentekotista, Katolika; ary mihevitra izy ireo fa manatona an'Andriamanitra rehefa mandeha fotsiny amin'ny alàlan'ny rafitra iray. Manaja an'izany Andriamanitra indraindray ary manaisotra ny—ny aretin'izy ireo amin'ny alàlan'ireo sampy. Eny, ao amin'ireo Hottentots-n'i Afrika mihitsy dia mahazo fahasitranana amin'ireo sampy sy ny sisa izy ireo (hitanareo?), nefa mihevitra izy ireo fa manatona an'Andriamanitra.

47 Mihevitra ve ianareo fa ny masera Katolika iray dia mandeha ary mikambana amin'ilay—ilay tranon'ny masera Katolika satria te-ho vehivavy ratsy iray izy? Mikambana amin'io tranon'ny masera io izy satria te-ho vehivavy tsara iray. Tsy mikambana amin'ny fiangonana Katolika ny lehilahy iray mba ho lehilahy ratsy fotsiny; mandeha ao izy hikambana mba ho lehilahy tsara iray. Ianareo tsy . . . Hoy ianareo, "Eny, inona izany?" Na ireo . . . na ireo Indiana any Inde koa aza tsy mikambana, na ny Hindou dia tsy mikambana amin'ny Hindouisme mba ho olona ratsy iray.

48 Rehefa niditra tao amin'ny tempolin'ireo—an'ireo Jains aho, izay nanontanian'ilay mpisorona ahy, mitovy amin'ny papa iray mipetraka eo ambony ondana goavana iray, ny tongony dia nivalona teo ambaniny, nihazona an'ireo rantsan-

tongony, tamin'ny fahitana tahaka an'izany ka nanoratra fampitahana iray an'ny Soratra izy an'ny Salamo faha-23 miaraka amin'ny masony nisokatra teo ambonin'ny tapa-by izay latsaky ny. . . tsy mihoatra ny ampahefatry ny inch iray. Ankehitriny, ary any ankoatry ny fandanjalanjan'olombelona iray ny manoratra an'izany, ary nataony sokitra teo amin'ny masony ara-boajanahary izany; ary lehilahy iray efapolo taona na mihoatra izy. Hitanareo?

49 Nahoana azo antoka, ianareo—mijanona eto fotsiny ianareo, mandre fotsiny mikasika ny Metodista, Batista, Presbyterana; tokony hivoaka ianareo ary hiditra any amin'ireo sahan'ny misiona indray mandeha. Mahita zavatra hanokatra ny masonareo! Hitanareo?

50 Ankehitriny, mihevitra ianareo anabavy rehetra izay mipetraka eo ireo; izy ireo aza tsy. . . tsy hahandro izy ireo; tsy hihinana izy ireo; tsy maintsy mangataka ny zavatra rehetra izay ananany izy ireo. Izy ireo tsy. . . manao kifafa kely amin'ny tànany izy ireo mba hamafa an'ireo vitsika sy ny sisa hiala amin'ny làlambe, satria mino ny fahavelomana indray izy ireo; mety hanitsaka ny havany izy ireo. Tsy hanitsaka vitsika izy ireo, hamono lalitra, na inona na inona; tsy hampangotraka ny antsy akory aza izy ireo mba handidiana fanondro iray. Mamela an'ilay lehilahy ho faty, satria tsimoka iray izy ireo; izany dia mety ho ny. . . iray amin'ny havan'izy ireo miverina indray. Hitanareo? Mitohy lasa tsaratsara kokoa ianareo, sy tsaratsara kokoa, ary tsaratsara kokoa; farany, dia lasa olombelona iray ianareo, olombelona iray tsaratsara kokoa, ary manohy sy manohy tahaka an'izany, mandra-pahalasanareo ho andriamanitra iray. Manohy fotsiny, sy manohy, ary manohy, mifandimbidimby, lasa tsaratsara kokoa sy tsaratsara kokoa.

51 Ankehitriny, tsy manao an'izany mba ho olona ratsy izy ireo. Amin'ny fahatsoram-po no anaovan'izy ireo izany, saingy hitanareo, "Misy làlana ataon'ny olona ho mahitsy." Zavatra iray ihany, ry olona, no fantatro mba ho tenenina aminareo amin'ny maha—amin'ny maha-kilasy iray izao maraina izao mikasika an'ireto fanontaniana ireto, dia ny Teny, ny Tenin'Andriamanitra. Noho izany dia mino ianareo fa Jesosy Kristy ity Teny ity, ary ity Teny ity dia tonga nofo ankehitriny eo anivontsika, manatanteraka marina tokoa an'izay Nolazainy fa Hataony amin'ity taona ity. Eny àry.

Ankehitriny, tahaka an'izany no hahafantaranareo azy ireo, tsy amin'ny alàlan'ny fiangonany, tsy amin'ny alàlan'ny fanekem-pinoany, tsy amin'ny alàlan'ny famantarany, tsy amin'ny alàlan'ny anaram-piangonany, tsy amin'ny alàlan'ny fanasitranana, tsy amin'ny alàlan'ny inona na inona, fa amin'ny alàlan'ny Teny. Hitanareo?

**238. Matio 24:26** (manaraka) **dia miresaka ny amin'ny "efitrano**

**anankiray" sy "any amin'ny tany efitra." Inona no dikan'izany?**

52 Midika izany fa hisy antikristy, anti-hosotra, sy ny sisa. Ary inona no *anti*-? *Anti*- dia "manohitra." Ireo zava-boahary iray ihany ireo no hanohitra ny Teny. "Ary ho any an-tany efitra sy ao amin'ny efitra miafina izy ireo." Noho izany dia hoy Izy hoe, "Aza manaraka an'izany. Mijanòna lavitra an'izany." Hitanareo?

Ankehitriny, ny fanontaniana fahefatra:

**239. Matio 24:28:** (Midina avy hatrany ilay olona. Tsy nanao sonia mihitsy izy ireo; eny nanao izy ireo. Miala tsiny aminareo aho. Tsy hiantso an'ireto anarana ireto aho, satria tsy ilaina izany. Hitanareo?) **Matio 24:28: "Fa any amin'izay misy ny faty, dia any no hiangonan'ny voromahery." Iza ilay faty ary iza ireo voromahery?**

53 Ankehitriny, fanontaniana tsara iray izany, tsy misy maharatsy an'izany! Inona ny faty? Ny faty no hanin'ny voromahery. Ankehitriny, ny voromahery dia heverina ao amin'ny Baiboly, mpaminany iray. Ny mpaminany iray no voromahery. Andriamanitra—Andriamanitra dia miantso ny Tenany ho voromahery iray, ary isika dia "zana-boromahery" arak'izany, ireo—ireo mpino. Hitanareo? Ary inona ny faty izay hanin'izy ireo? Dia ny Teny. Na aiza na aiza misy ny Teny, dia haneho ny tenany ny toetra marina an'ilay vorona. Hitanareo? Ny voromahery iray, izay mila hena vaovao, dia tsy maintsy manana ny henany vaovao. Izy tsy—tsy papangobe iray (hitanareo?), voromahery iray izy. Tsy afaka manome karazan-javatra ara-anaram-piangonana ho azy ianareo; tsy maintsy manana sakafom-boromahery izy; izany dia ilay hena vaovao indrindra, tsy izay nataon'i Mosesy, tsy izay nataon'olon-kafa, tsy izay an'i Sankey, Finney, Knox, Calvin, fa izao ankehitriny izao, ilay Hena izay novonoina ho an'izao andro izao. Ary izany ilay ampahan'i Kristy izay maty mba hanao an'ity Teny ity ho voamarina. Izany no hanin'izy ireo. Azonareo ve izany? Hitanareo, hitanareo?

54 Tsy izay nataon'i Noa, izay nataon'i Mosesy, ohatra izy ireo; hitantsika sy vakiantsika izay nataon'izy ireo, saingy izany no Nampanantenainy hatao ankehitriny. Izy no Teny tany aoriana tany; izany ilay Faty ho an'izany andro izany. Ny andron'i—i Wesley no faty iray ho an'izany andro izany; ny andron'i Luther no faty iray ho an'izany andro izany; fa tsy miverina amin'izany izy ireo. Efa lò izany. Tsy maintsy dorana izay sisa tavela, na dia ny amin'ny Fandraisana aza; aza avela ho an'ilay taranaka manaraka izany. Nilaza ny Baiboly fa rehefa mandray ny Fandraisana ianareo, izay sisa tavela amin'izany, aza avela hipetraka hatramin'ny maraina akory aza; dory izany. Noho izany dia hitodika amin'izany ve? Tsia, tompoko! Manana Sakafo vaovao isika amin'izao andro izao; izany dia Teny izay

nampanantenaina ho amin'ity ora ity, tonga voaseho amin'ity ora ity. Eo no misy ny voromahery, eo no misy ny faty. Afaka mijanona ela eo amin'izany isika, saingy azoko antoka fa azonareo izay tiako lazaina.

Eny àry, fanontaniana fahadimy:

**240. Hangonina ao amin'ny toerana anankiray ve ny Ampakarina amin'ny Fampakarana, ary ho any Andrefana ve izany?**

55 Tsia, tsy voatery ho any izany. Eny, hangonina ao amin'ny toerana anankiray ny Ampakarina. Marina izany, saingy tsy alohan'ny fitsanganana. Hitanareo? "Fa isika izay velona ka mitoetra hatramin'ny fihavian'ny Tompo. . ." Efesiana, na, Tesaloniana Faharoa ny toko faha-5, mino aho fa izay ilay izy. "Isika izay velona ka mitoetra hatramin'ny fihavian'ny Tompo dia tsy hialoha (na hisakana) an'ireo izay nodimandry (maneran-tany); fa ho tsofina ny trompetran'Andriamanitra, ka ny maty ao amin'i Kristy no hitsangana, ary hakarina hiaraka amin'izy ireo isika mba hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka." Noho izany, ny Ampakarina dia hiaraka daholo rehefa mandeha hitsena ny Tompo Izy. Hitanareo? Hiaraka Izy, saingy tsy voatery midika izany hoe isika. . . izy rehetra dia tsy maintsy hipetraka ao amin'ny toerana anankiray tahaka an'ity; satria ny Ampakarina dia matory ao amin'ny vovoky ny tany manerana an'izao tontolo izao, manomboka any amin'ny Arctique ka hatrany amin'ireo tany mafana, ary avy—avy any atsinanana ka hatrany andrefana, avy any avaratra ka hatrany atsimo.

56 Hoy Jesosy hoe, "Rehefa hiseho ny Zanak'olona," nahoana hoy Izy, "izany dia ho tahaka ny hazavana izay mamiratra avy any atsinanana ka hatrany andrefana." Ny zavatra manontolo, hisy fitsanganana iray, Fampakarana iray, ary handeha Izy. Ary alohan'ny hany Hiakarany hitsena Azy. . .

57 Jereo ny fahendren'ny Tompo. Ankehitriny, ndao atao hoe, ohatra, amin'ny firesahana an'ity. . . Milaza an'izao amin'ny alàlan'ny fieritreretana ny fahasoavana sy ny finoana ny Teny aho, ka milaza aho hoe "isika." Manakambana ny tenako aminareo rehetra aho ary izaho—ary miaraka amin'ny Vatan'i Kristy manontolo, maneran-tany. Izaho dia—mino an'izany aho. Rehefa milaza aho hoe "isika" arak'izany, ny tiako lazaina dia, nohon'ny fahasoavana aho—no inoako an'izany. Amin'ny finoana no inoako an'izany ao amin'ny Fahasoavany, hoe ho eo anivon'ireo olona izay hakarina ireo isika.

58 Ankehitriny, ny zavatra voalohany mitranga rehefa atsangana isika. . . Ireo izay velona dia mbola hijanona fotsiny. . . Ny fitsanganana no hiseho voalohany, ny fitsanganan'ireo izay nodimandry. Hisy ny fotoana fifohazana iray, ary ireo izay nodimandry ao amin'ny vovoka ankehitriny,

tsy ireo izay nodimandry ao amin'ny fahotana, satria mitohy matory mihitsy izy ireo. Tsy mifoha ho an'ny arivo taona iray hafa izy ireo. Fa ireo izay—izay matory ao anaty vovoka no hofohazina aloha, ary izy ireo. . . ireto vatana mety lò ireto dia hitafy ny tsy fahalòvana ao amin'ny fahasoavan'ny fampakarana an'ny Tompo. Ary avy eo dia hikambana miaraka isika. Ary rehefa manomboka mikambana miaraka izy ireo, amin'izay fotoana izay dia hovàna isika izay velona ka mitoetra. Ireto vatana mety maty ireto dia tsy hahita fahafatesana, fa tampoka mihitsy, dia hisy toy ny famafana iray handeha eo ambonintsika, dia hovàna ianareo. Hiova tahaka an'i Abrahama ianareo, avy amin'ny lehilahy antitra iray mankany amin'ny lehilahy tanora iray, avy amin'ny vehivavy antitra iray mankany amin'ny vehivavy tanora iray. Inona io fiovana tampoka io? Ary afaka kelikely ianareo—manao dia tahaka ny eritreritra iray ianareo, ary afaka mahita an'ireo izay efa nitsangana amin'izay fotoana izay. Oh, ora iray toy ny inona izany! Avy eo dia hiangona miaraka amin'izy ireo isika ary avy eo dia hakarina miaraka amin'izy ireo hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka.

59 Tsy ilaina izany, raha nalevina any Kentucky atsimo ny dadatoanareo, raha tsy maintsy nentina tany Indiana izy, na nalevina tany Indiana ka tsy maintsy nentina nankany Kentucky atsimo. Tsy mampaninona izay misy azy. . . Ireo izay maty any anaty ranomasina dia hitsangana avy ao amin'ny ranomasina. Ireo izay nopotehina tao amin'io kianja io ka lanin'ny liona, ireo izay natsipy tao anaty lafaoro afo ka tsy hisy taolana na ny vovoka akory aza ho tavela, mbola hitsangana foana izy ireo! Na tany Roma izy ireo, na ilay kianja any Roma, na tany amin'ny aty ala mafanan'ny Atsimo, na any amin'ireo faritra mamanala any Avaratra, hitsangana amin'ny maty izy ireo ary hovàna ka hakarina; ary ny velona dia hovàna vetivety, indray mipi-maso ka hakarina miaraka.

60 Jereo ireo misionera izay maty any amin'ireo sahan'i Afrika. Jereo ireo izay maty tany ao—ao amin'ireo—ireo faritra mamanala any Avaratra. Jereo ireo izay maty tao amin'ilay kianja, manerana an'izao tontolo izao, any Congo, ary manerana an'izao tontolo rehetra izao. Maty hatraiza hatraiza izy ireo, Chine, Japon, manerana an'izao tontolo izao; ary ny fihavian'ny Tompo dia ho maneran-tany, ho izany io Fampakarana io.

61 Diniho ilay fiovàna. "Hisy roa eo am-pandriana; Halaiko ny anankiray ary havelako ny anankiray," ilay fotoana iray ihany, "Hisy roa eny an-tsaha; Halaiko ny anankiray ary havelako ny anankiray," anankiray any amin'ilay ilany maizina an'ny tany ary anankiray any amin'ilay ilany mazava an'ny tany. Hitanareo? Ho Fampakarana iray maneran-tany izany. Eny, hiaraka daholo ilay Fiangonana, saingy aoriana, aorian'ny fisian'ny fitsanganana sy ny Fampakarana.

62 Ankehitriny, raha tsy izany no fomba ahitanareo azy,

nahoana, mety tsara izany ankehitriny. Tsy dia miresaka loatra aho rehefa milaza an'izany; ataonay horonam-peo ity. Hitanareo? Ary mety misy mpitoriteny hafa izay tsy hifanaraka amin'izany. Mety tsara izany.

**241. Rahalahy Branham malala, ny fanontaniako dia mikasika ny batisa. Oviana no voavonjy ny olona iray? Efa reko fa izany dia rehefa nino ny olona iray. Ny sasany dia milaza fa rehefa mandray ny Fanahy Masina ianareo dia voavonjy, na dia tsy natao batisa tamin'ny rano aza ianareo, tahaka ny amin'i Kornelio ao amin'ny Asa 10:47. Ny sasany dia milaza fa voavonjy teny amin'ny làlana ho any Damaskosy i Paoly, nefa ao amin'ny Asa 22:16, dia milaza fa mbola nanana ny fahotany foana izy telo andro tatỳ aoriana. Afaka atao batisa amin'ny Fanahy Masina tahaka an'i Kornelio ve ny olona iray, ary mbola manana foana ny fahotany, satria tsy mbola nahazo ny batisan'ny rano izy, eo, sa tsy misy fandehanan'ny olona iray ho any An-danitra raha tsy efa nahazo ny batisan'ny rano izy, na dia manana ny Fanahy Masina aza?**

63 Ankehitriny, ry sakaizako malalako. . . Ankehitriny, manao sonia ny anarany ity rahalahy ity; tsy mahafantatra azy aho, fa manao sonia ny anarany izy. Fa izaho—tsy hiantso an'ireo anarana aho, satria tsy ilaina izany; satria hanatona azy ireo ny olona hafa ka hanao hoe, "Eny, izaho—tsy mifanaraka aminao aho eo amin'*ity* sy *itsy*." Hitanareo? Ary tsy hiantso anarana mihitsy aho. Ny ankamaroan'izy ireo dia nanao sonia ny anarany, saingy izaho. . . ho ahy fotsiny ihany. Hitanareo? Apetrako eto indray izy ireo, mba ahafahako mitahiry azy ireo. Noho izany dia sora-tànana manga fotsiny ilay izy; ny sasany amin'izany dia natao tamin'ny milina fanoratana sy fomba hafa.

64 Ankehitriny, fanontaniana voalohany eto dia: "Oviana ianareo no voavonjy?" Ary ny manaraka, ny. . . manaraka an'ity, "Mety voavela ve ny fahotana tsy misy batisan'ny rano, satria Kornelio efa nandray ny Fanahy Masina, izy sy ny ankohonany, nefa tsy mbola natao batisa tamin'ny rano." Ary Paoly tsy nanana. . . rehefa avy nahavita ny traikefany tany. . . teny amin'ny làlana ho any Damaskosy, izy, ihany koa, dia mbola nanana ny fahotany talohan'ny nanaovana batisa azy; satria izao no voalaza (Efa namerina namaky an'ireto Soratra rehetra ireto indray aho mba hahazoana antoka). . . Ary noho izany ilay izy dia. . . Hoy Izy hoe, "Mitsangàna ka mandehana avy hatrany ary aoka hatao batisa, miantso ny Anaran'ny Tompo, aoka hatao batisa, navela ireo fahotanao (voavela), ary—ary mandehana miantso ny Anaran'ny Tompo."

65 Ary avy eo, "Ny batisan'ny Fanahy Masina ve. . . mety ho vita batisa amin'Izany ve ny olona ary mbola manana ny fahotany foana nefa tsy—nefa tsy natao batisa tamin'ny rano."

66 "Azo antoka ve ny fandehanan'ny olona iray any An-danitra rehefa vita batisa, na dia manana ny Fanahy Masina aza izy ireo; kanefa tsy maintsy atao batisa amin'ny rano izy ireo, alohan'ny hahazoana antoka ny fandehanany any An-danitra?" Ankehitriny, mino aho. . . Ankehitriny, izaho tsy—tsy fantatro ity rahalahy ity, ary fanontaniana iray tena tsara sy hendry ity. Ary tokony ho voasana amin'ny antsipiriany izy, satria zavadehibe ny ahafantarantsika an'ireto zavatra ireto. Hitanareo?

67 Ankehitriny, somary mino aho fa mety hilaza amiko ilay rahalahy na hanao ahy hiteny an'izany (na angamba mino an'izany izy, tsy fantatro) ary. . . ny zavatra izay tena heveriko fotsiny fa—fa mifanohitra kely amin'ny tena, finoana marina ny Teny. Izaho. . . Izany dia toy ny hoe milaza ilay rahalahy. . . Ankehitriny, mety tsara izany, Rahalahy; mety mipetraka eto ianao; ary tsara izany. Izaho—heveriko fa izany dia tsara iray. . . Tena faly aho nametraka an'izany eto ianao. Ankehitriny, hitanareo? Fa tena tsy mino ny atao batisa amin'ny rano ho amin'ny fahaterahana indray aho (hitanareo?), satria rehefa manao ianareo, dia manala ny Rà izany. Hitanareo? Atao batisa amin'ny rano ianareo mba haneho fa niseho ny fahaterahana indray. Hitanareo? Izany dia ivelany iray fotsiny. . . maripamantarana iray an'ny fahaterahana indray. Mipetraka ampanajana eo amin'ny fifidianana mialoha ny zavatra manontolo. Hitanareo? Saingy tsy fantatsika hoe iza no izy ary iza no tsy izy; noho izany, dia mitory ny Filazantsara isika. Amin'ny finoana fotsiny no itoriantsika.

68 Fa eo amin'ny fahaterahana indray ankehitriny, eo no tsy itoviako amin'ireo rahalahy an'ny Tokana. Ary ianareo rahalahy an'ny Tokana izay mandre an'ity horonam-peo an'ny fanontaniana ity, raha hilatsaka ao amin'ny biraonareo izany, na ao an-tranonareo, na eo anivonareo vahoaka izay olon'ny an'ny Tokana, aza diso fahazo ahy, ankehitriny, hoe izaho—izaho—satria tsy mifanaraka fotsiny isika.

69 Tsy mifanaraka izaho sy ny vadiko; azo antoka fa izany izahay. Miteny aminy aho fa tiako izy, nefa milaza izy fa tsy mino fa tia aho. Koa noho izany—koa noho izany dia tsy mifanaraka tokoa izahay, saingy teneniko aminareo, azo antoka fa mifankahazo tsara mihitsy izahay.

70 Mariho ankehitriny. Angamba tsy dia maneho famantarana betsaka aminy aho, ataoko izany. Fa mivoaka aho mitory teny, avy eo tonga ao an-trano ary maka ny haranjonoko dia mandeha manjono. Hitanareo? Saingy ao am-poko ambany ao dia tiako izy; tsy maintsy mijanona lavitra azy fotsiny aho, izay ihany.

71 Ankehitriny, mariho ao amin'ity. . . Ankehitriny, raha tsy mifanaraka isika, dia mety tsara izany; fa hitanareo, tsy mamela fahotana ny rano; famaliana iray an'ny fieritreretana tsara iray izany.

72 Ankehitriny, mino aho fa ny antony tsy maintsy nanaovana batisa an'i Paoly tany, dia satria ofisialy ary tena ilaina ao amin'ny Baiboly ny anaovana batisa antsika. Satria miverina amin'ity avy hatrany aho arak'izany: rehefa nihantona teo amin'ny hazo fijaliana ilay mpangalatra . . . Ary maty tsy vita batisa mihitsy izy, kanefa niaraka tamin'ny teny fikasana iray hoe hihaona aminy ao Paradisa Jesosy tamin'io andro io; ao Paradisa, tsy tany amin'ny faritry ny very, satria izany no fotoana voalohany nanolorana taminy an'ilay fanararaotra.

73 Ary mino aho fa ireo toerana iray ireo ihany no nisy an'ireo fo tao an-tranon'i Kornelio rehefa nandray ny Tenin'Andriamanitra tamin'ny hafaliana izy ireo. Ary ny Fanahy Masina dia io Teny novelombelomina io, ary efa novelombelomina ho azy ireo Izany. Izany no antony hanombohan'ny Fanahy Masina miteny tamin'ny fiteny hafa sy naminany. Ny fo vazin'ny olona no nilatsahan'ny Teny, rehefa nahita an'ilay ivelan'ny voajanahary rehetra.

74 Izany no mahavery hevitra ahy androany ao amin'ity ora izay iainantsika ity. Taorian'io andian'ny Romana io nanana fo- . . . sy ireo Grika, mba ilazana azy, nahita ny fisehoan'ny fahitana iray nohamarinina, dia tena nanaitra ny fon'izy ireo ny Fanahy Masina hany ka raha mbola niteny an'ireo teny ireo i Petera, dia nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina. Hitanareo?

75 Tahaka fotsiny . . . Hitanareo, hoy i Kornelio hoe, "Mandehana antsoy . . . " Mpifehy zato iray izy, ary io lasa "fifehezan-jato" dia avy amin'ny zato. Nifehy lehilahy zato izy. Romana iray mpifehy zato izy; ary izy dia—nahita fahitana iray izy raha nivavaka, ary nanatona azy ny Anjely anankiray. Lehilahy tsara iray izy. Hoy izy hoe, "Midina mankany Jopa. Simona anankiray, mpandon-koditra, ary misy anankiray any antsoina hoe Simona Petera. Izy dia any . . . Ho hitanao any izy, ary ho avy izy hiteny aminao an'ireo Teny."

76 Eny, nihevitra izy fa tena nisy ilay fahitana. "Tsy afaka natory aho; izaho nijery tsara an'ilay—ilay Anjely." Noho izany naniraka ny sasany tamin'ireo miaramilany mahatoky indrindra izy.

77 Ary raha mbola teo, dia nanao an'ilay apostoly ho vonona teo amin'ny faran'ilay laharana hafa Andriamanitra. Ary hoy Izy hoe, "Ankehitriny, mitsangàna." Hoy Izy . . . Hitany fa teo an-tampon'ilay trano izy niandry ny . . . Rtoa. Simona hanomana ny sakafo hariva. Ary raha mbola teo ambony teo izy . . . Noana izy, angamba nandeha an-tongotra, ilay apostoly izany, nitety an'ireo—ireo tany efitra. Ary—ary nandry teo ambonin'ny trano izy mialohan'ny sakafo hariva mihitsy, teo an-tampon-trano, araka ny fanao. Mbola manao an'ilay zavatra iray ihany foana, mandry eo ambonin'ny tafo, ary midina amin'ny tsivalan-kazo

izy ireo ary indraindray tohatra sy ny sisa, eny amin'ny tafo; mipetraka eo amin'ny hatsiatsiakan'ny hariva.

78 Fa tafatory ilay apostoly, ary raha mbola tao anatin'ny torimaso izy, dia lasa tany ankoatry ny torimaso nankao amin'ny tsy fahatsiarovan-tena; ary tamin'izay fotoana izay izy dia nahita lambam-pandriana iray nidina niaraka tamin'ireo tsy madio rehetra sy ny sisa tao anatiny, ary nandre Feo izy nanao hoe, "Mitsangàna, vonoy dia hano."

Hoy izy hoe, "Tsia mihitsy, Tompo, tsy nisy na inona na inona tsy madio hany niditra tao am-bavako."

79 Ankehitriny, hitanareo, fahitana iray io. Ankehitriny, diniho! Tokony ho voadika izany. Ankehitriny, izany dia toy ny hoe handeha hanao dia fihazana iray i Petera ary hitady karazana biby iray izay tsy mbola nohaniny tany aloha mihitsy ary hanandrana hihinana an'izany. Hoy izy hoe, "Tsia mihitsy, Tompo, izaho—tsy mbola nampiditra zavatra tsy madio teo amin'ny molotro mihitsy aho."

80 Hoy Izy hoe, "Aza antsoina hoe madio izay Ataoko . . . tsy madio izay Ataoko madio." Hoy Izy, "Mitsangàna, misy lehilahy miandry anao eo am-bavahady. Mandehana, aza misalasala na inona na inona." Tamin'izay fotoana izay ihany no nandondòna teo amin'ny varavarana izy ireo. [Mandondòna eo amin'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

81 Ankehitriny, hitanareo? Ary avy eo rehefa hitany teo io lehilahy io, ireo miaramila mahatoky ireo, arak'ilay fahitana mihitsy . . . Ary indro niverina niaraka tamin'ilay lehilahy mihitsy izay nolazain'Andriamanitra tao amin'ilay fahitana izy ireo . . . olona tsy fantatra iray, mpanjono kely iray tsy fantatra fotsiny. Saingy teo anivon'io vondrona kely io, dia tena nisy dikany ny nahitany an'io mpanjono kely io. Ary indro izy eto miditra ao an-trano ankehitriny, ilay tena toerana nahitany an'ilay fahitana mihitsy. Namory ny olona rehetra i Kornelio ka nanao hoe, "Nahoana, araka ny nahitako azy marina tokoa ilay izy." Ary noho izany dia nitsangana i Petera ka nanomboka niresaka mikasika ny hoe ahoana no nandraisan'izy ireo ny Fanahy Masina, ary raha mbola niteny izy . . . ! Nahita ny zavatra rehetra tena tanteraka araka ny fahitana anankiray izy ireo. Andian'olona izay Jentilisa, izay nahita fahitana anankiray niseho, ary nandre ny Tenin'ny Fahamarinana izy ireo hoe ahoana no hahazoan'izy ireo Fiainana; dia nilatsaka teo amin'izy ireo talohan'ny nanaovana batisa azy ireo mihitsy aza ny Fanahy Masina.

82 Inona no tokony hataon'izany amin'ity tabernakla ity izao maraina izao? Ny marary, ny ory, ny jamba, ny marenina, ny moana, ny—ny mpanota, ny zavatra rehetra . . . Eritrereto fotsiny, tamin'ireo zavatra an'aliny, tsy mbola nisy iota iray hany diso

na dia indray mandeha aza! Nahoana, tokony handrehitra ny fontsika izany!

83 Ankehitriny, ankehitriny, izy mbola, raha mbola niteny an'ireo teny ireo izy, dia nilatsaka ny Fanahy Masina. Noho izany dia hoy i Petera hoe, "Afaka mandrara ny rano ve isika, hita fa nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika ireto." Mino aho fa efa lasa ny fahotan'izy ireo, satria tsy ho niditra ny Fanahy Masina; ary tsy ho niditra Izy raha tsy efa fanaka iray voafidy mialoha izy. Fantany fa hanaraka izy ireo. Fantany . . .

84 Mino aho fa i Paoly, ny antony tsy maintsy nanaovana batisa azy indray dia, efa nanenjika an'ireo Kristiana izy. Marina izany. Ary Izy, Andriamanitra dia efa nahafantatra, satria hoy Izy hoe, "Efa nifidy azy Aho," hoy Izy tamin'i Ananiasy, ilay mpaminany. Rehefa Fantany fa tao amin'ny efitra iray i Saoly, ny tarehy mainty ary ny maso maizina, ary izy—nivavaka mafy izy ary vovoka no nanerana azy manontolo, ary nohajambaina tamin'ny Andry Afo izay niseho taminy teny amin'ny làlana izy; ary hoy Izy hoe, "Izaho efa nifidy azy ho fanaka iray ho an'ny Jentilisa." Fantatr'Andriamanitra fa—fa Ananiasy dia afaka hanao batisa azy amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy tao amin'ny Reniranon'i Damaskosy telo andro taty aoriana. Saingy mino aho fa efa voavela ny fahotany, saingy tsy maintsy nanao an'io izy mba hanehoana amin'izao tontolo izao. Ary mino aho fa izany no antony tsy maintsy hanaovana batisa antsika amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Ary mino aho fa ny voa voafidy mialoha no hahita an'izany, ary izy ireo irery ihany no hahita an'izany.

85 Ankehitriny, ry rahalahy ao amin'ny finoana triniterana, tsy manipy an'izany any aminareo aho, ry rahalahiko malala, mamaly fanontaniana fotsiny aho. Manome an'ireo hevitro marina ny amin'izany fotsiny aho. Mety ho tonga any Afrika ity horonam-peo ity indray andro. Mino aho fa ao amin'ny aloky Ny Fihaviany isika. Mino an'izany isika rehetra.

Manana namana sarobidy aho, ireo duPlessis sy Schoemans, ary ny rehetra, Yeager, ary ireo rahalahy mahafinaritra any—any Afrika Atsimo. Saingy misy olona iray foana izay misongadina tsara mihitsy eo amin'ny fiainan'ny lehilahy iray. Ary amin'ny lehilahy rehetra izay—ary tiako izy ireo malala mihitsy tahaka ny itiavako an'ity rahalahy ity, malala mihitsy, fa Rahalahy Jackson sy ny vadiny dia nisongadina foana teo amin'ny fiainako. Tsy mety azoko fotsiny izany; izy—nisongadina izy. Ankehitriny, misy an'i Justus duPlessis, sakaiza akaiky, ary oh, betsaka amin'ireo mahafinaritra, rahalahy sy anabavy Afrikaans mahafinaritra.

86 Eny, nahoana Rahalahy Jackson sy ny vadiny no misongadina amiko? Satria mpihaza iray ve izy? Tsia! Satria manana namana mpihaza mahafinaritra maro aho any. Fa nahoana izy no nisongadina? Ary nahoana? Raha mba fantatrareo fotsiny mantsy ny tsiambaratelo ao ambadik'izany rehetra izany. Saingy

tsy miteny amin'ny olona an'ireo tsiambaratelo rehetra fantatro aho. Eny, nahoana ilay izy no tamin'ilay ora iray ihany izay nilazan'ny Tompo hoe, "Mifandraisa amin'i Sidney Jackson any Afrika Atsimo," no nitenenan'ny Tompo tamin'i Sidney Jackson mba ho tonga eto? Alahady tamin'ny herinandro iray dia natao batisa izy, izy sy ny vadiny, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, teto mihitsy tao anatin'ny fotoana maloka. Hitanareo, voafidy mialoha ho an'ilay antony. Hitanareo?

87 Ankehitriny, mino aho fa ianareo dia—dia—dia voavonjy tamin'ny nanekena an'i Jesosy Kristy. Ary ny batisan'ny rano dia fanehoana ivelany mba hampiseho fa nisy zavatra nitranga tao anaty, satria tsy misy hery ny rano; mari-pamantarana iray fotsiny izany. Ary mino aho fa voavonjy ianareo rehefa ianareo . . .

88 Ankehitriny, misy olona maro (avelao aho hanitsy an'izany ho an'ny rahalahy) . . . Misy olona maro izay . . . milaza fa voavonjy izy ireo; maro no vita batisa amin'ny Anaran'i Jesosy; maro no miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary manana an'ireo karazana famantaran'ny Fanahy Masina, nefa tsy mbola voavonjy akory aza. Marina izany. "Maro no hanatona Ahy amin'izany andro izany ka hanao hoe, 'Tompo, tsy efa naminany tamin'Ny Anaranao ve aho?' (mpitory teny) 'Izaho ve tsy efa, tamin'Ny Anaranao, namoaka devoly sy nanao asa lehibe maro.'" Hilaza Izy hoe, "Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka; tsy nahafantatra anareo akory aza Aho." Hitanareo? Noho izany ireo zavatra rehetra ireo, kanefa izany—izany dia—Andriamanitra izany; eo an-Tànany izany. Saingy rehefa hitako fa . . .

89 Hoy ianareo hoe, "Noho izany àry, nahoana ianao no mampahatsiahy ny olona hatao batisa indray?" Satria manaraka an'ilay modelin'ny fiandohana aho. Tsy afaka manary an'io planina io isika.

90 Ankehitriny, raisintsika i Paoly apostoly rehefa nahita mpianatra sasany izay olona nahafinaritra izy. Mino aho fa voavonjy izy ireo, kanefa tsy mbola vita batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, na dia efa natao batisa aza izy ireo (Asa 19). Nitety ny morontsiraka ambony an'i Efesosy i Paoly; nahita mpianatra sasany izy. Ary hoy izy tamin'izy ireo hoe, "Efa nandray ny Fanahy Masina ve ianareo fony ianareo vao nino?"

Ary hoy izy ireo taminy hoe, "Tsy mahafantatra mikasika ny Fanahy Masina izahay, na hoe misy ny Fanahy Masina iray."

Hoy izy hoe, "Noho izany dia ho amin'ny inona no nanaovana batisa anareo?"

Hoy izy ireo hoe, "Natao batisa izahay. Jaona no nanao batisa anay, ilay lehilahy iray ihany izay nanao batisa an'i Jesosy." Batisa iray tena tsara izany.

91 Diniho anefa ity apostoly henjana ity. Hoy izy hoe, "Fa Jaona dia nanao batisa ho amin'ny fibebahana fotsiny ihany," fa tsy ho

famelàna ny fahotana, satria tsy mbola novonoina ilay Fanatitra, nanao batisa ho amin'izany. . . Ary rehefa nandre an'izany izy ireo, dia natao batisa indray tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ary nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina.

92 Ankehitriny, inona no nataon'izany? Naneho fa ireo olona voafidy mialoha ho amin'ny Fiainana ireo, vantany vao nahita ny Fahamarinana ara-tSoratra izy ireo, dia nandeha tamin'ny Fahamarinana ary nahazo ny valisoan'ny mpino hoe: tonga tamin'izy ireo ny Fanahy Masina, ary niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo, naminany, nankalaza an'Andriamanitra. Azonareo ve ilay izy ankehitriny? Hitanareo? Nanao an'izany izy ireo rehefa avy nahazo fifaliana lehibe, nihiakiaka, ary nidera an'Andriamanitra.

93 Ao amin'ny Baiboly dia nanana mpitory teny Batista iray izy ireo tany; natao batisa ihany koa izy. Saingy izy dia, ary izy dia—nanaporofo tamin'ny alàlan'ny—tamin'ny alàlan'ny Baiboly fa Jesosy no Kristy. Ary nanana fifaliana lehibe ny olona, ary tena faly izy ireo ny amin'izany; nefa mbola tsy nanana ny Fanahy Masina foana izy ireo! Tsy maintsy natao batisa indray izy ireo. Ary hoy i Paoly ao amin'ny Galatiana 1:8 hoe, "Raha Anjely avy any An-danitra no tonga ka mitory filazantsara hafa noho izay notoriko taminareo, dia aoka ho voaozona izy." Tsy ahoako na ho inona izany.

94 Noho izany, mahafantatra an'ireo zavatra ireo. . . Angamba tsy fantatrareo izy ireo, ry rahalahiko; fa mahafantatra an'ireo zavatra ireo, dia voatery aho ary manana adidy amin'Andriamanitra hanatanteraka an'ilay drafitry ny fanorenana voalohany, satria tsy misy olon-kafa afaka mametraka fanorenana hafa afa-tsy izay efa napetraka; izany hoe ireo apostoly sy ireo mpaminany. Ireo mpaminany no niteny mialoha azy, ary ny apostoly no nahatanteraka azy; ary nasaina hanohy hitondra an'izany isika mandra-pahavitan'ilay tranobe.

95 Ankehitriny, mino aho arak'izany, fa voavonjy ny olona iray raha mino an'i Jesosy Kristy Tompo amin'ny fony rehetra izy, ary avy amin'ny fony, fa tsy avy amin'ny fieritreretany ivelany ankehitriny. . .

96 Hitanareo, ianareo—olona roa ianareo, olona telo ao anatin'ny anankiray, aina, vatana, ary fanahy. Ankehitriny, mino an'ireo taovam-panamboloanareo ivelany aho, ny—ny fanahinareo avy amin'ny. . . tsy ny fanahinareo, fa ny fieritreretanareo ivelany, ireo taovam-panamboloanareo. . . Rehefa mifoha ianareo, amin'ny teny hafa, ianareo dia—miasa amin'ny alàlan'ireo taovam-panamboloana dimy ianareo: mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, ary mandre. Nomena anareo izy ireo mba hifandraisana amin'ny fonenananareo eto an-tany fotsiny ihany; ary izy ireo dia—izy ireo dia tsy nomena anareo mba hifandraisana amin'ny fonenanareo

any an-danitra. Misy taovam-panamboloana enina tokoa ao amin'ny vatan'olombelona, satria isa enina izy ao amin'ny Baiboly. Noforonina tamin'ny andro fahenina izy, ary isa enina izy, ny olona izany. Ary izy dia manana ny mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, mandre, ary finoana izy. Ny finoany no mamaritra ny fitodiany, izay halehany.

97 Ankehitriny, ny finoana no fahatokiana an'ireo zavatra antenaina, ny porofon'ireo zavatra tsy hitanareo, andramanareo, tsapanareo, na fofoninareo, na renareo. Fa amin'ny finoana, rehefa mahazo ny Teny izy, dia Izany no mandefa azy mankao amin'ny faritra iray (hitanareo?) izany no manao Azy ho tena misy aminy, hany ka tsara toy ny nahazo an'izany teo an-tànany mihitsy izy. Fantany fa hitranga izany.

98 Ankehitriny, izany ilay zavatra iray ihany eo amin'ity fanontaniana eto ity mikasika ny batisan'ny rano. Hitanareo? Fantatr'Andriamanitra fa hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ireo olona ireo. Ary Paoly, nametraka ny filazana izy fa tsy misy olona, na dia Anjely iray avy any An-danitra aza, dia tsy tokony hampianatra foto-pampianarana hafa afa-tsy izay efa nampianarina azy; koa noho izany, raha tonga aho amin'ny maha-mpitory teny iray, amin'ny maha-mpitoriteny iray, amin'ny maha-mpaminany iray, na mety ho inona aho, na Anjely iray aza no midina, ka hampianatra zavatra mifanohitra amin'izay nampianaran'io apostoly io, ary tsy nandidy ny olona hatao batisa indray amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho, dia ho hita amin'ny alàlan'ny Baiboly ho vavolombelona sandoka ny amin'ilay zavatra izay ihamboako fa inoako aho.

99 Noho izany dia mino aho fa efa napetraka ilay modely. Ny olona tsirairay ao amin'ny Baiboly dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Tsy nisy olona iray mihitsy na dia indray mandeha aza hany natao batisa tamin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Hitanareo? Tsy nisy olona iray mihitsy hany nofafazana; nasitrika izy rehetra.

100 Noho izany dia mino aho fa rehefa ianareo tokoa no . . . Ho an'ny fanontanianao, ry rahalahy sarobidy, mino aho fa rehefa fantatr'Andriamanitra ny fonao . . . Hisy an'arivony any izay natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy. Midina fotsiny ianareo mpanota maina iray ary miakatra anankiray lena. Hitanareo, hitanareo? Fa amin'ny maha-mpino tena izy, marina, hoe tsy maintsy mandeha amin'ny finoana sy ny fieritreretana tsara eo anatrehan'Andriamanitra ianareo, rehefa hitanareo izany, dia vita batisa ianareo! Saingy mino aho fa fanehoana iray ivelany fotsiny ihany izany izay mampiseho fa nisy asan'ny fahasoavana iray vita tao anatiny.

101 Tahaka ny nanamboaran'Andriamanitra ny sambofiara mihitsy. Hoy Izy, "Noa, midira ao, ianao sy ny fianakavianao ary ny ankohonanao." Dia niditra tao izy ireo. Ankehitriny,

mino aho fa raha tsy nisy sambofiara iray teo, dia ho namela an'i Noa nipetraka teo ambonin'ny vatan-kazo iray Andriamanitra na nandeha teo ambonin'ny rano. Hitanareo? Fa nanao sambofiara hidirany Izy, ary izany no fomba nanaovana azy; izany no làlana nomanin'Andriamanitra. Mino aho fa fahasoavana no amonjen'Andriamanitra ny olona iray. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy amin'ny alàlan'ny fanehoana ivelany no làlana omanin'Andriamanitra hidirana ao, satria tahaka an'izany no nanaovana batisa azy rehetra.

102 Tsy manameloka an'ilay olona aho, fa izany fotsiny dia... Heveriko fa izay ilay izy. Tsy mahavonjy ny olona ny rano, izany dia maneho fotsiny fa voavonjy izy; fanehoana iray ivelany izany. Ankehitriny, mety tsy ho marina izany, rahalahy. Raha tsy marina izany, eny, halaintsika izany amin'ny fotoana hafa na... Eny àry.

**242. Ao amin'ny Genesisy 6:4, taorian'ny safodrano, dia avy taiza ireo olombe?**

103 Tena anankiray tsara izany, tena tsara. Fanontaniana iray tena matotra izany. Avy taiza ireo olombe ireo? Adama dia tsy olombe iray araka ny fantatsika, satria raha izany no izy, dia ho niteny an'izany ny Baiboly. Lehilahy iray tsotra fotsiny izy. Avy taiza izy ireo? Ankehitriny—ankehitriny, fifandirana lehibe iray ity, ary vao avy natolotra ahy ity. Ilay izy dia eo amin'ny taratasy iray goavana, mainty, ary ilay izy dia, na, litera goavana, mainty eo ambonin'ny singan-taratasy fotsy.

104 Ankehitriny, ireto olombe ireto...Mino aho fa izany dia anankiray...olona iray teto vao tsy ela akory izay...Mety ho i Josephus ilay izy. Izaho tsy—tsy milaza aho ankehitriny hoe, ry rahalahy mpitoriteny, hoe i Josephus ilay izy. Saingy toy ny hoe mety ho izy ilay izy amiko, na Dr. Scofield, na ny sasany tamin'izy ireo, izay nilaza fa ireto olombe izay tao amin'ilay tany ireto dia tena fanahin'Andriamanitra lavo tokoa izay nihaino ny—ny laingan'i Satana, araka ny noteneniny tao amin'ny...nanerana ny Lanitra...Ary i Mikaela no... Niezaka nanangana ady tamin'i Mikaela tany An-danitra... dia noroahina...Fa ireto zanakalahin'Andriamanitra ireto dia nahita an'ireo zanakavavin'ny olona, ary tao amin'ilay tany ireto olombe ireto tamin'izany fotoana izany, ka nanatsofoka ny tenany tao amin'ny nofon'olombelona izy ireo. Raha manao an'izany ianareo, dia manao an'i Satana ho mpamorona iray. Tsy afaka manao an'izany ianareo.

105 Tsy mihoatra noho i Dr. Smith, ao amin'ny Adventista an'ny Andro Fahafito mikasika an'ilay fanatitra osilahy. Nilaza izy fa osy anankiray no...Namono osilahy roa izy ireo tamin'ny—ny andro fanatitra, ilay Andron'ny Fanaovam-panavotana, ka ny osilahy iray novonoina ary ilay iray hafa navotsotra. Ary avy eo dia nilaza izy fa ilay osilahy izay novonoina dia naneho

an'i Jesosy, Mpitondra ny fahotantsika izay maty; fa ilay osilahy izay navotsotra dia naneho ny devoly, izay mitondra ny fahotantsika ary mankany amin'ny mandrakizay miaraka amin'izany. Ankehitriny, hitanareo, ny . . . Araka ny hevitro . . . Raha mba miverina any amin'ny rahalahy Adventista iray ity, tsy milaza na inona na inona mikasika an'io lehilahy malaza io aho, Dr. Smith. Oh, izy dia Kristiana iray manan-tsaina, mahay, tsara, voakolokolo, mpino iray; fa ho ahy, hitanareo, tsy misy dikany izany. Rehefa manao an'izany ianareo, dia manao fanatitra ho an'ny devoly ianareo amin'izay fotoana izay. Izy roa ireo dia samy naneho ny fahafatesan'i Kristy, ny fandevenany, ary ny fitsanganany. Maty nohon'ny fahotantsika koa Izy ary nitondra ny fahotantsika lavitra; izy roa ireo dia samy i Kristy.

106 Noho izany dia tsy avy amin'ny fanatsofohana ny tenany mihitsy ireo olombe. Ireto olombe ireto dia ireo zanakalahin'i Kaina, izay ny menarana no rainy, izay nitovy tamin'ny lehilahy iray marina tokoa tamin'ny lafiny rehetra, saingy lehilahy lehibe, makadiry, goavana kokoa noho ny lehilahy iray. Ary teo no nihavian'ireo zanakalahy ireo, satria zanakalahin'i Kaina izy ireo, satria Kananita tany amin'ny tany Kanana izy ireo, izay nihaviany; ary tany no nandehanan'i Kaina. Ary izany dia . . . Hitanareo, izany koa no manaporofo ny taranaky ny menarana. Taranak'olona hafa tanteraka izany. Izany no taranaky ny menarana. Hitanareo?

107 Ankehitriny, io—io fanontaniana mikasika ny taranaky ny menarana io dia ato, noho izany isika dia—ho tonga eo amin'izany isika, ary tiako ianareo hihazona an'ity ao an-tsaina. Hitanareo? Ankehitriny, mba hanaovana fototra an'ity fotsiny.

108 Hitanareo, izy ireo—Kananita izy ireo, ireto olombe ireto; ary zanakalahin'i Kaina izy ireo, izay zanakalahin'ny menarana. Ary ilay menarana dia lehilahy olombe iray, lehibe, karazan-dehilahy makadiry be, tsy biby mandady iray mihitsy, tsara tarehy. Izy no fetsy indrindra tamin'ny bibidia rehetra an'ny saha. Ary izy no tokana . . .

109 Hitanareo, ireo—tsy hiteraka mihitsy ireo tsimoka avy amin'ny biby mankao amin'ny vehivavy iray. Efa nanandrana an'izany hatrany sy hatrany izy ireo; tsy mahalonaka ny tsirinain'ny vehivavy izany. Ary ankehitriny, tsy afaka mahita an'izany izy ireo. Alaivo ny rajako iray, io no zavatra akaiky indrindra amin'ny olona izay mety hitan'izy ireo, na ny rajakobe, na ny iray amin'ireo manakaiky ny olona. Satria nanomboka nanao ny trondro Andriamanitra tao amin'ny Fivoarany lehibe; ary avy eo dia nanao ny vorona Izy; ary avy eo dia nanao zavatra hafa Izy, biby, ary nanohy niakatra izy ireo, mandra-pivoakan'ny rajako iray, ary nankany amin'ny gidro iray, ary nitohy nankany amin'ny rajakobe, ary avy eo nankao amin'ny endriky ny menarana, ary avy eo avy tamin'ny menarana nankany amin'ny olona iray.

110 Ary ny olombelona dia niezaka nikaroka, ny siansa, niezaka hahita an'ireo taolana, inona io biby teo akaikin'ny olombelona io. Ary ny olombelona dia biby iray. Ny olona, ilay ampahany nofo dia nofom-biby; fantatsika izany. Isika dia biby mampinono, izay biby mafana rà; fantatsika izany! Fa inona no manao an'ilay fahasamihafana? Ny biby dia tsy manana an'io fanahy anaty io, fa ny olombelona no manana. Tsy fantany ny tsara sy ny ratsy.

111 Ny alika vavy kely dia tsy mahafantatra fa tokony hanao akanjo izy, ary tsy mino aho fa hanao sorta izy raha izy. . . nahazo. Tsy hanao koa ny kisoavavy iray, fa ilay izy dia ny taranak'olombelona lavo. Hitanareo?

112 Ankehitriny, eo—eo no ihavian'izany. Teo no nihavian'ireto olombe ireto. Zanakalahin'ny menarana izy ireo.

113 Ary hitanareo, rehefa nahita an'i Eva tao amin'io toerana io izy, izy. . . Niditra tao anatiny i Satana ka nanao azy ho. . . Hitanareo, Adama dia mbola tsy nahita mihitsy. Izaho—tsy fantatro hoe ahoana no ampiasana an'ireo teny ireo. Ho mety tsara ilay izy aminareo rehetra eto, saingy tena manakiana an'izany ny olona iray. Fantatrareo, miezaka hahita zavatra foana izy ireo. Fa hitanareo, tsy mbola nahalala an'i Eva mihitsy i Adama, ny vadiny. Mbola tsy tonga teo amin'io toerana io mihitsy izy, ary nihoaran'i Satana izy teo. Hitanareo? Ary avy eo rehefa bevohoka izy, tamin'izay fotoana izay izy vao nahalala azy. Ho tonga eo amin'izany isika amin'ity fanontaniana manaraka ity na ny iray amin'ireto fanontaniana ireto. Tsy fantatro hoe aiza no misy azy; isika. . . Hitako ato fotsiny ilay izy. Ankehitriny, fa teo no nihavian'ireo olombe.

**243. Rahalahy Branham malala, ho voavonjy ve ireo zanakalahy sy zanakavavin'ireo mpino marina, nateraka indray?**

114 Tsia, rahalahy; tsia, azo antoka fa tsy ho voavonjy izy ireo. Jereo, tahaka ahy—tahaka ny nangalako tahaka an'i David duPlessis teo amin'ity fanamarihana ity hoe, "Tsy manana zafikely Andriamanitra (hitanareo?), zanakalahy sy zanakavavy fotsiny." Hitanareo, tsy maintsy hateraka marina tokoa tahaka ny rainy sy ny reniny izay nateraky ny Fanahy izy ireo. Hitanareo? Izany no mahatonga ny olona iray ho olom-baovao, satria nateraka indray izy, naverina hateraka. Ny fahaterahany voalohany dia manao azy ho olona ara-boajanahary iray eto an-tany; ny fahaterahany faharoa dia manao azy ho olona ara-panahy iray avy any An-danitra. Hitanareo? Manova azy izany, ny fanahiny, fa tsy ny fieritreretany ivelany, ny tenany ivelany, ireo taovam-panamboloany; mbola mahatsapa foana izy, sy manimbolo, manandrana, ary mandre; fa ireo ampahany anaty, ireo faniriany, izay mandrisika azy, dia novaina ho amin'Andriamanitra. Hitanareo?

115 Ankehitriny, tsarovy, ny fomba izay ahafahan'izany hitranga dia ho ity: tahaka ny tamin'ny andron'ilay mpifehy zato Romana. Niteny tamin'ilay Romana i Paoly, izy sy Silasy, rehefa te-hanatsoaka ny sabany izy ka hamono ny tenany, satria nanozongozona an'ilay fonja tamin'ny horohorontany iray Andriamanitra; hoy izy hoe, "Aza manisy ratsy ny tenanao, satria eto izahay rehetra. Mitsangàna!" Ary te-hahafantatra an'izay azony atao izy. Hoy izy hoe, "Mitsangàna ary aoka hatao batisa, miantso ny . . . amin'ny Anaran'ny Tompo, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao." Hitanareo? Amin'ny teny hafa, "Minoa an'i Jesosy Kristy Tompo, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao."

116 Ankehitriny, ahoana? Raha mino amin'ilay fomba iray ihany izay inoanareo ny ankohonanareo. Hitanareo? Mivavaka sy mametraka ny zanakareo amin'Andriamanitra ianareo ary mifikitra amin'Andriamanitra, mino fa hovonjena izy ireo.

117 Vao avy nandalo an'ilay fahatsapana aho tamin'i Rebekah-ko. Hitanareo? Apetraho amin'Andriamanitra fotsiny ilay izy. Rehefa lasa "adolantsento" kely iray izy, ary niaraka tamin'ny zazavavy iray fony izahay nandeha tany voalohany, nandeha . . . nandeha nankany an-tranon'ny zazavavy iray naka leson'ny mozika . . . Ary ity zazavavy ity . . . Nandalo aho indray andro, ary indro nipetraka teo amin'ny piano io zazavavy io nitendry rock-and-roll. Eny, ampy ahy mihitsy izany! Noho izany dia niteny taminy aho mba hiala lavitra avy eo. Hitanareo? Ary noho izany dia hoy izy hoe, "Eny, io no toerana tokana tsy maintsy handehanako hakana leson'ny mozika." (Fantatrareo hoe ahoana no ataon'ireo "adolantsento.")

118 Dia hoy aho . . . Tsy maintsy mandalo an'izany ny ankizy tsirairay. Saiky ny olona rehetra dia mandalo amin'io taona io. Nandalo ianareo; nandalo aho. Ary tsy maintsy nieritreritra ny eritreritr'izy ireo isika.

119 Koa noho izany, andro vitsivitsy taorian'izany dia nananatra azy nohon'ny zavatra iray ny reniny, ary nanivaiva azy izy. Ankehitriny, tsy Rebekah mihitsy izany. Lasa ary nanakapoka ny varavarana, ary saiky nanjera an'ireo zavatra teo amin'ny rindrina, nandeha nankany an-tsekoly.

120 Ankehitriny, izaho dia tokony, toy ny hoe, hanala ny fehikiboko mihitsy, ary nanaraka azy teny an-tokotany, ka nitondra azy niverina niaraka tamin'ny rojo nanodidina azy. Hitanareo? Saingy nieritreritra aho hoe, "Andraso iray minitra, tsy maintsy mieritreritra an'ireo eritreritr'ireo valo ambin'ny folo taona aho." Hitanareo? "Ankehitriny," hoy aho, "Neny, fantatro fa . . . " Nanomboka nitomany izy, i Meda. Hoy aho hoe, "Fantatro fa nanao an'izay rehetra azonao atao ianao; nanao an'izay rehetra azoko atao aho. Ankehitriny, raha any ivelan'ireo

tànantsika ilay izy, dia tsy maintsy manao an'ilay dingana manaraka isika."

121 Tahaka ny nosoratan'ny ramatoa iray tamin'ny fomba mamy indray andro (ao amin'ny iray amin'ireto fanontaniana eto ireto izany), hoy izy, "Ranadahy Branham, tsy Mesia ianao, sa tsy izany?"

Hoy aho hoe, "Tsia, madama."

Hoy izy hoe, "Mino anao ho mpiandry ondrinay izahay, nefa ianao dia manondro anay mankany amin'ilay Mpiandry ondry Lehibe foana."

Hoy aho hoe, "Marina izany; marina izany." Hitanareo?

122 Hoy aho hoe, "Eny jereo, Malala, ankehitriny, tsy maintsy mihaino ahy ianao. Sarotra aminao ny manao an'izany; vadinao aho. Saingy ny olona dia mitondra fiara manerana an'ireo firenena sy ny manodidina ho an'ireo tenin'ny toro-hevitra vitsivitsy fotsiny. Ankehitriny, raha ianao. . . Niresaka taminy aho indray andro, ary nanalavitra ahy fotsiny izy."

123 Ankehitriny, tsy nanao an'izany tamiko mihitsy i Becky. Hitanareo? Ary rehefa nilaza zavatra mikasika an'izany ny reniny, dia nakapony ny varavarana ka hoy izy, "Manantena ahy hijanona eto ve ianao ka hipetraka eto ary ho peta-drindrina iray mandritry ny fiainako rehetra?" Ary fanomezan-tsiny! Nakapony ny varavarana dia lasa nivoaka. Ny devoly izany.

124 Tsaroako, ny roa taona voalohan'ny fiainany izay nitomaniany. Niditra tao amin'ny trano fisakafoanana iray izahay ary nihinana; nentiko nitsangatsangana teny an-dàlambe izy raha mbola nihinana i Meda, ary avy eo dia izy no nitondra azy nitsangantsangana raha mbola nihinana aho. Nitomany ary nitomany fotsiny. Ary indray andro teto tany Canada, nitomany nandritra ny alina manontolo izy, ary tsy afaka niala sasatra aho sy ny sisa; nitsangana teo aho. . . Ankehitriny. Ary nisy Zavatra nanao tamiko hoe, "Ny devoly manafika ny asam-panompoanao izany."

125 Hoy aho hoe, "Atolory ahy io zazakely io." Hoy aho hoe, "Satana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, esory aminy ny tànanao." Nijanona teo no ho eo izy ary tsy nitomany intsony mihitsy. Izy no zaza mangina indrindra izay nananako. Nanomboka tamin'io ora io mihitsy dia lasa ilay izy. Ianareo tsy maintsy manana an'izany. . . Tsy maintsy manana an'izany ao anatinareo ianareo na izany aza, alohan'ny ahafahanareo hanao an'ilay izy!

Ary avy eo izy rehefa. . . ary avy eo izany. . . nanomboka an'izany izy. Ary nentiko teo amin'ny adiny iray teo i Meda. Hoy aho hoe, "Meda, esory ny tànanao."

"Izaho ve? Zanako io!"

126 Hoy aho, “Tsy ahy koa ve izy?” Eny àry. Hoy aho, “Raha maty izy izao maraina izao, dia tsy maintsy mametraka azy amin’Andriamanitra ho an’ny fitodiany mandrakizay ianao. Nahoana isika no tsy afaka mametraka azy amin’Andriamanitra ankehitriny ho an’ny diany eto an-tany?”

Dia hoy izy hoe, “Eny, zanako io!”

Hoy aho hoe, “Ahy koa izy.”

Hoy aho hoe, “Ankehitriny, ianao ve afaka maka ny . . . ”

“Tsy hilaza na inona na inona aminy ve aho?”

127 Hoy aho hoe, “Tsy nilaza an’izany mihitsy aho. Hijanona tsy hikitakita azy isika, manoro hevitra azy fotsiny. Mila namana izy, ary ianao no anankiray ho namany, izaho sy ianao. Ray amandreniny isika.”

128 Mila namana ireo ankizy ireo amin’izao andro izao. Raha manana reny sy ray iray hijanona ao an-trano izy ireo ary hikarakara azy ireo, raha tokony any amin’ny trano fisotroana iray eto mandehandeha mandritra ny alina manontolo sy ireo zavatra tahaka an’izany, dia tsy ho nanana—tsy ho nanana ditran-jatovo. Hitanareo?

129 Niala tamin’ny Baiboly izy ireo; nandeha tany ampiangonana izy rehetra ireo ary nanao lalao bunco sy ireo zavatra tahaka an’izany ary . . . Hitanareo? Miezaka ny hampamiratra tahaka ny tanin’i Satana an’i Hollywood ianareo. Tsy afaka hitondra an’i Hollywood ao am-piangonana mihitsy ianareo, ianareo tsy maintsy . . . Ny tiako holazaina dia mitondra ny fiangonana hankao Hollywood, ianareo no tsy maintsy mitondra an’i Hollywood mankany amin’ny taninareo. Hitanareo? Aza mandeha eo amin’ny taniny, aoka izy ireo no ho avy eto. Manana zavatra isika izay tsy misy na inona na inona fantatr’izy ireo.

130 Noho izany dia nandohalika izahay ary nametraka an’izany tamin’Andriamanitra. Hoy aho hoe, “Fantatro fa valo ambin’ny folo taona izy, ho izany afaka andro vitsivitsy, ary izy . . . ary ny zazavavy iray amin’izany taona izany dia hieritreritra mikasika an’ireo sakaiza, nefa isika nihazona azy tato.” Hoy aho hoe, “Izaho—tsy te-hahita azy hanambady mihitsy aho. Tiako ny hametraka azy ao amin’ny birao eto, hanao ny asa. Tiako ny hahita azy feno ny Fanahy sy—sy—sy miaina tahaka an’izany.”

Ary izy . . . Eny, tia an’izany isika rehetra. Hoy izy hoe, “Eny, tsy afaka manao an’izany isika.” Hoy izy, “Tsy hihaino an’izany fotsiny izy.”

131 Hoy aho hoe, “Andraso iray minitra! Nitaiza azy arak’izay rehetra vitantsika isika, ankehitriny dia hametraka azy eo an-tànan’Andriamanitra, hametraka azy.” Dia hoy aho hoe, “Amin’izay fotoana izay rehefa manao zavatra izy dia manaova hoe, ‘Becky, ry malala, tsy tian’i neny hanao an’izany ianao, fa izaho no namanao; hifikitra aminao aho.’ Hitanao?

Ampahafantaro azy fa tia azy ianao. Hitady olona hitia azy izy, nefa mety ho vehivavy ratsy ilay izy." Hitanareo? Hoy aho hoe, "Aoka ianao no ho ilay vehivavy manao ny fitiavana." Hoy aho hoe, "Malala, toa karazany sarotra izany, saingy tonga hatraiza hatraiza ny olona, ary manao fifampiresahana manokana, sy ny sisa." Hoy aho hoe, "Tena tsotra aho; samy tsotra isika, satria vady lahy sy vady vavy isika, saingy tsy hamela an'izany hitranga mihitsy. Tsy maintsy mahatsiaro ianao, izany no Anaran'ny Tompo!"

Noho izany dia hoy izy hoe, "Eny àry."

Nandohalika izahay ary nametraka an'izany tamin'Andriamanitra. Nilaza izahay fa hanala ny tànanay amin'izany.

Niditra izy tamin'io tolakandro io; hoy izy hoe, "Eny, ataoko fa mbola milaza foana ianao fa tsy tokony handeha any aho!"

132 Hoy i Meda hoe, "Tsia, tsy nilaza na inona na inona mikasika an'izany mihitsy aho." Hoy izy, "Fantatrao, fa tsy tian'i Neny hanao an'izany ianao; ary fantatrao fa saiky namono ny dadanao ilay izy rehefa nandre anao nitendry an'io mozika boogie-woogie io izy, na inona ilay izy, niaraka tamin'io zazavavy io." Hoy izy, "Ankehitriny, tsy tiany hanao an'izany ianao, ary tsy tianay hanao an'izany ianao, Becky, fa napetrakay tamin'ny Tompo fotsiny izany. Tiako ho fantratrao fa tianay ianao. Na inona ataonao, dia mbola tianay foana ianao."

Nihorakoraka izy, nanao hoe, "Handeha aho na ahoana na ahoana!"

Hoy izy, "Eny àry, Malala." Noho izany dia nandroso izy. Hoy izy, "Eny àry, hanomana sakafo hariva aho rehefa miverina ianao." Tsy nandeha mihitsy izy! Tsia, tsy nandeha mihitsy izy hatramin'io. Hitanareo?

133 Tsy ela taorian'izay dia nifankahita tamin'i George izy; Kristiana iray i George. Izany—nilamina hatreo izany tamin'izay fotoana izay.

134 Niezaka niteny tamin-dRtoa. Wood mikasika an'izany izy indray andro. Hoy izy hoe, "Oh, lasa tsy voafehy mahatsiravina aho." Hoy izy, "Natolotr'i Dada sy Neny ho an'ny Tompo aho." Hoy izy, "Tsy voafehy mahatsiravina." Fa izany—tsy voafehy izany taminay; tsy te-hanana tsy voafehy kokoa noho izany izahay. Hitanareo? Namela an'izany handeha tahaka an'izany fotsiny. Eny àry.

**244. Ranadahy Branham, inona no hevitrao mikasika ny. . .** (Oh, oh! Tsaroako aho namaky an'ity anankiray ity. Izaho tsy. . . Saika ho tehiriziko ho an'ny aoriana ilay izy, saingy heveriko fa mety ho tsara ny namaky azy. Sora-tànan'ny vehivavy iray. Tsy maintsy avy any Kentucky izy, satria izy dia manana ny—ny etiketin'ny Kosmos Portland Cement

eto.) **Ranadahy Branham, inona no hevitrao mikasika an'ireo rahavavinay ao am-piangonana manao akanjo tena fohy? Tsy manimba ny fanambarantsika ve izany ary mametraka ohatra ratsy ho an'ireo olontsika tanora ato amin'ity fiangonantsika ity? Ilay izy toa tena i-n-. . . ny mahita tanora iray. . .ny mahita vehivavy lehibe iray manao akanjo tena fohy ka mampiseho ny lohaliny izany rehefa mandeha izy.**

135 Na iza na iza ianao, Ranabavy na Rahalahy, na iza na iza izany, dia mifanaraka aminao zato isan-jato aho. Fahafahambaraka iray izany, saingy teneno amiko hoe inona no hatao mikasika an'izany! Mitory an'izany mafy arak'izay fantatro hitoriana azy aho; manao an'ilay izy ihany izy ireo. Noho izany dia fitsarana azy ireo izany, satria efa nivoaka ny Teny. Eny, manohitra an'ireny akanjo ratsy kely miraikitra amin'ny hoditra ireny tokoa aho izay mitovy amin'ny. . .Mitabataba tsy ankitsahatra amin'ireo zanako aho, Becky sy Sarah. Tsy ahoako na kely toy ny ahoana izy ireo, izaho. . .izany. . . Mitabataba amin'izy ireo foana mihitsy aho. Heveriko fa manao an'ireo akanjony mihitsy aza izy ireo. . .Mitondra an'i Becky mitokana isan'andro i Meda mikasika an'izany. Hitanareo? Ireo akanjo miakatra hatrany amin'ny. . .Satria ireo ankizy, afaka manantena an'izany ao amin'ireo ankizy ianareo, ary tsy maintsy manitsy azy ireo; fa rehefa tonga eo amin'ny vehivavy iray ilay izy, dia misy zavatra tsy mety ao. Hitanareo?

136 Tsy mandratra fihetseham-po ankehitriny, mamaly fanontaniana fotsiny aho. Manontany ahy avy amin'ny fonao ianao; izaho miteny aminao avy amin'ny foko. Raha hitanao ny vahaolana, izaho—azafady tongava teneno amiko, azoko antoka fa hataoko izany, raha afaka manao zavatra mikasika an'izany aho.

137 Tahaka ny nolazain'ny olona iray indray andro, hoy izy hoe, "Eny, teneniko aminao, Rahalahy Branham," hoy izy, "teneniko aminao fa Adama sy Eva. . . " Hoy izy, "Marina tokoa izany; nanana paoma iray izy ireo!" Ary voamariko fa novain'izy ireo izany ankehitriny; nilaza izy ireo fa nanana inona izy ireo? Mino aho fa ilay izy dia nantsoina *zavatra* iray? [Hoy ny rahalahy iray hoe, "Abricot."—Mpand.] Abricot, hia, abricot iray no nohanin'izy ireo. Eny, izao no fotoana handefasana indray an'ireo abricot raha izany no manao azy ireo hahatsapa fa mitanjaka izy ireo. Hitanareo?

**245. Ranadahy Branham, nanaiky ny Hafatr'Andriamanitra an'izao andro izao aho, ary ny zanakalahinay koa. Ary samy natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo izahay. Ny vadiko—ny vadiko dia tsy nanaiky ny Hafatra ary miady amin'ity Hafatra ity. Ary nitaona ny zanakalahinay izy ka mitondra azy mankany amin'ny fiangonana Metodista iray. Tiany handeha any am-**

**piangonana hiaraka aminy aho rehefa tsy manao fivoriana isika eto amin'ny tabernakla. Mety ve ny hiarahako aminy sa ho tsaratsara kokoa ny mijanona any ivelan'io anarampiangonana io?**

138 Eny ankehitriny, Ranabavy malala...Tsy nanao sonia anarana mihitsy izy, fa angamba mihaino ny fanontanianao ianao; raha tsy mihaino ianao, dia ho renao eo amin'ny horonampeo izany. Mandehana miaraka amin'ny vadinao, fa aoka tsy ho mpandray anjara amin'ny—amin'izay ataon'izy ireo. Hitanao, nasaina ho tia ny vadinao ianao, ary ny fitiavana no manao an'ilay izy. Aoka ho tena mamy sira mihitsy; hangetaheta izy raha misy zavatra ao anatiny.

139 Aza mikambana amin'ny anaram-piangonan'izy ireo. Hoy Izy, "Mijanòna lavitra an'io anaram-piangonana io." Aza mikambana amin'izany; mandehana mankany amin'izany. Raha tsy afaka mahazo mofo iray manontolo ianao, dia makà antsasany; raha tsy afaka mahazo antsasany, dia makà silany iray fotsiny. Hitanao, hitanao? Fa tahaka an'izany no hahazoanao ny vadinao, amin'ny fanaovana an'izany. Aza miavonavona, amin'izay fotoana izay dia ho fantany fa manana betsaka tahaka ny anananao mihitsy izy. Hitanao? Fa rehefa afaka maneho zavatra izay anananao ka tsy ananany ianao, dia izany no hanao azy hangetaheta ny hitovy aminao. Ny vehivavy nohamasinina dia manamasina ny vadiny.

140 Toro-hevitra iray fotsiny izany. Noho izany aho—afaka handany fotoana ela eo amin'izany aho, saingy te-hahavita betsaka arak'izay vitantsika mihitsy isika, satria hitako fa eo amin'ny roa amby roapolo minitra eo fotsiny no ananako arak'izany. Eny àry.

**246. Rahalahy Branham, mino ny Hafatra izay ampianarinao amin'ny foko rehetra aho. Mampientanentana ny fanahiko izany; kanefa, tsy mankasitraka ny Teny ny vadiko sy ny zanakolahy. Tsy maniry ny hanasaraka ny tenany amin'ny sasany amin'ireo fahazaran'izao tontolo izao izy ireo. Nilaza ianao fa isika dia tokony hitaky ny—hitaky ny fianakaviantsika. Hitako fa sarotra ny manao an'izany, toy ny hoe tsy miaina amin'ny Teny na ao amin'ny Teny izy ireo. Inona ny anjara raisiko, tompoko? Hitaky azy ireo ve aho ka mino, sa hivavaka aho hoe, "Ray, hatao anie ny Sitraponao," ka hifaly amin'ny toerana ahitako ny tenako? Mankasitraka ny fitarihanao aho, Rahalahy Branham.**

141 Andriamanitra hitahy anao, ry Rahalahiko na Anabaviko, na mety ho iza na iza ianao. Izaho—hanolotra azy ireo amin'ny Tompo fotsiny aho. Izaho...Hitanareo, satria, "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy." Hitanareo? Ankehitriny, ny zavatra tokana hataonareo olona...

142 Nanao ny foko ho vontom-pifaliana izany indray andro rehefa nandeha nandroso sy niverina nahita an'ireto lehilahin'ny tranom-bahiny ireto. Ny. . . Nandeha nankany amin'Atoa. Becker aho. Hoy izy hoe, "Billy, mba fantatrao moa? Mamahana ny fiangonanao manontolo aho isaky ny Alahady," nefa mamahana telonjato saiky isaky ny Alahady ny Blue Boar! Hitanao? Ary nandeha teto aho ary io zalahy etsy io, io lehilahy mihaja etsy io eto amin'ny—ny Ranch House, lehilahy tena mahafinaritra. Nihaona taminy aho. Hoy izy . . .

Hoy aho hoe, "Eny, mahafinaritra marina tokoa izany." Hoy aho hoe, "Misaotra anao aho nanala lavitra an'io karazan-javatra rehetra io avy teto, io hadalana rehetra eo io."

Hoy izy hoe, "Eny, tompoko, Rahalahy Branham."

Hoy aho hoe, "Ahoana no nahafantarany ahy?" Hitanareo? Hoy aho hoe, "Ahoana no nahafantaranao ahy?"

Hoy izy hoe, "Fantatro ianao," Hoy izy, "Mamahana ny fiangonanao manontolo eto aho isaky ny Alahady eo amin'ny . . . Eny," hoy izy, "ary te-hiteny zavatra aminao aho: olona mahafinaritra izy ireo. Olona mahafinaritra izy ireo!"

143 Jereo ankehitriny, nanao ahy hahatsapa ho tsara izany. Ianareo no zanako. Hitanareo? Rehefa mandre ny zanako tsara sy tena tsara aho, dia manao an'i Papa hahatsapa ho tena tsara izany. Hitanareo? Noho izany dia mahazo ianareo.

144 Ankehitriny, ankehitriny, Neny, oviana . . . Ry Anabaviko, raha tian'ny vadinao handeha any amin'ilay fiangonana Metodista ianao, dia mandrosoa. Mety tsy manana mofo iray manontolo ianao, fa raha milaza aza izy ireo hoe mino fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra, dia minoa an'izany, satria isika dia mino koa. Ankehitriny, raha handeha any amin'ny tabataba hafa sy ny sisa izy ireo, izao fotsiny—avelao handroso fotsiny izy ireo, fa hano io habetsaha-mofo io. Hitanao? Ary ao amin'izany, dia maneho fotsiny amin'ny alàlan'ny fahamorampanahin'ny fiainananao sy ny fiheveranao ny hafa ianao . . . Ary raha tsy manana an'izany ianao, Ranabavy malala, dia mivavaha mandra-pahatongan'izany aminao, mba tsy hahavoatery anao hanao zavatra artifisialy, satria rehefa manao an'izany ianao, dia tsy tena izy izany. Afaka miteny an'izany ny vadinao. Fa ianao, rehefa nivavaka marina tokoa ianao ho eo amin'ny toerana iray hany ka feno siran'ny Mpamonjy ny fiainananao, dia hanao fifandraisana iray izany. "Raha asandratra Aho, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy Aho." Izaho handeha; mitandrema tsara mihitsy. Aza mikambana amin'ny fiangonan'izy ireo na izany aza! Aza manao an'izany azafady; aza mikambana amin'ny fiangonan'izy ireo, fa manohiza mandeha!

**247. Ranadahy Branham, ity misy fanontaniana iray izay somary nanahiran-tsaina ny maro amintsika eto. Iray—eo—eo** (mamelà ahy) **eo amin'ny sasany amin'ireo**

**horonam-peo dia miresaka ianao fa ireo Jiosy fotsiny ihany no voavonjy rehefa avy nampakarina ny Ampakarina.** (Ary misy tsipika iray eo.) **Azafady azavao feno tanteraka ny momba an'ireo Jentilisa izay tsy mandeha ao amin'ny Fampakarana. Noheveriko fa nilaza ianao fa ny Jentilisa izay tavela dia nandalo ny Fahoriambe ary nanolotra ny ainy nohon'ny filazana an'i Jesosy. Rehefa miverina avy amin'ny Jentilisa mankany amin'ny Jiosy Izy... rehefa mitodika avy amin'ny Jentilisa mankany amin'ny Jiosy Izy, amin'izay fotoana izay dia tsy misy anjara intsony hahavoavonjy ny Jentilisa, fa ireo Jentilisa izay voavonjy fotsiny, fa tsy nandray ny Fahamarinany an'ny andro farany no handeha ao amin'ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe ary amin'izay fotoana izay vao hovonjena amin'ny farany. Marina ve izany? Azafady azavao, satria nilaza ianao fa hisy isa kely fotsiny handeha ao amin'ny Fampakarana. Ahoana ny amin'ireo olona nino ny Tompo—mino ny Tompo ankehitriny ary ny fomba...nefa tsy mino an'ity Hafatry ny andro farany ity araka ny itorianao azy? Ho voavonjy ve izy ireo?** Ary avy eo dia nanao sonia ny anarany ilay anabavy.

145 Ankehitriny, fanontaniana tena tsara. Ankehitriny, ny toerana voalohany, misy an'ilay fifanjevoana dia, dia izay nolazaiko mikasika ny fiafaran'ny andron'ny Jentilisa rehefa ny fahoriambe...ao amin'ny fahoriambe. Ankehitriny, tena tsy mahita ny Jentilisa ao amin'ny Baiboly aho...Ny Ampakarina Jentilisa, Ampakarina, fa tsy ilay fiangonana Jentilisa ankehitriny, ny fiangonana Jentilisa dia handalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe (hitanareo?), fa tsy ho an'ny... Hitanareo, ny Ampakarina dia ilay Voafidy; tsy mandalo na inona na inona afa-tsy ny Fampakarana Izy ireo. Ovaina fotsiny izy ireo ary esorina amin'izao tontolo izao. Hitanareo? Ankehitriny, hanazava an'izany aho amin'ny fanontaniana iray manaraka eto, mitondra an'izany manomboka amin'i Luther, ary ho hitanareo avy eo ny dikan'izany; ny fahamatoran'ilay Vatana izany. Hitanareo?

146 Mariho ankehitriny. Ankehitriny, ireo Jiosy tavela no ilay anankiray izay hitorian'ireo mpaminany roa, Elia sy Mosesy.

147 Ankehitriny, eritreritro manokana ity, ry rahalahy mpitoriteny, amin'ny fombako manokana izay tsapako fa ny Fanahy Masina no nanambara tamiko.

148 Ankehitriny, ny zavatra manaraka hitranga dia ny Jiosy, na, ny Jentilisa, Ampakarina voafidy mba hakarina miaraka amin'ny sisa amin'ny Jentilisa, Ampakarina voafidy izay efa nisy nandritr'ireo taona, hakarina ao amin'ny Fanatrehan'i Kristy any an-danitra. Mitsangana ny maty; ireo izay velona ka mitoetra dia ovaina; ary akarina miaraka eny amin'ny habakabaka izy ireo hitsena ny Tompo. Noho izany, satria...

149 Aorian'ny lanonan'ny Mpanambady ao amin'ny Voninahitra, Jesosy, rehefa avy akarina eny amin'ny lanitra izany, dia miverina eto an-tany Jesosy ary mampahafantatra ny Tenany amin'ny Olony, amin'ny endrika mitovy tamin'ny nampahafantaran'i Josefa ny tenany tamin'ireo rahalahiny. Ary ny vadiny, tsy nisy Jentilisa nanatrika, tsy nisy afa-tsy Josefa irery ihany, rehefa nampahafantatra ny tenany tamin'ireo rahalahiny izy. Mahazo an'izany ve ny rehetra ankehitriny?

150 Nalefany. . . Na ny vadiny aza dia tao an-dapa, ilay tandindona hoe ny Ampakarina dia ho ao an-dapa ao amin'ny Voninahitra amin'izany fotoana izany. Amin'izay fotoana izay dia mampahafantatra ny Tenany amin'ny Jiosy Jesosy (hitanareo?) aorian'ny lanonan'ny Mpanambady, ireo telo taona sy tapany, ary—ary—ary ny fahorian'i Jakoba, io telo taona sy tapany io, ny faran'ny fahafitopolo herinandron'i Daniela. Ny Mesia dia tsy maintsy esorina eo afovoan'ny. . . Ary naminany telo taona sy tapany Izy dia nesorina. Noho izany dia misy telo taona sy tapany tavela ho an'ireo mpaminaniny, Mosesy sy Elia, ary avy eo amin'ny fiafaran'ny fitopolo andron'izy ireo izay mbola voatendry ho an'ny vahoaka, araka ny nolazain'i Daniela; noho izany amin'ny fiafaran'io fitopolo andro io, no tokony hampahafantatra ny Tenany amin'izy ireo Jesosy. Izy io Andriana izay tokony ho tonga amin'ny Jiosy io. Hitanareo?

151 Ankehitriny, ary avy eo amin'io fotoana io. . . Hitanareo, ny Ampakarina Jentilisa dia any An-danitra, ary ilay virijiny matory, ny virijiny Jentilisa, dia tsy hovonjena mandritr'io fotoana io; efa voavonjy izy, saingy nolavina tao amin'ny Ampakarina. Ary mandalo amin'ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe fotsiny izy ho an'ny fotoan'ny fanadiovana, satria nandà an'i Kristy izy, ny Teny, ho fanadiovana azy. Noho izany dia tsy maintsy miaritra izy nohon'ny asany, fa ny Ampakarina izay lasa ny Teny, fanaovam-panavotana feno dia vita avy tamin'i Kristy, satria Izy no Teny. Io vatana io dia norovitina, ary rehefa norovitina io vatana io, dia tao amin'io vatana io ny Ampakarina, satria Izy no Teny rehetra! Amena! Hitanareo ve izany?

152 Rehefa niaritra tao amin'io vatana io Jesosy, dia nijaly Izy . . . Satria ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia olona anankiray. Nesorina avy tamin'i Adama i Eva, ary ilay Fiangonana. . . Inona no nitranga? Nosokafan'Andriamanitra ny lanivohon'i—i Adama ka naka mpanampy iray avy tao, ny ampakarina. Ary nosokafan'Andriamanitra ny lanivohon'i Jesosy teo Kalvary ka namoaka ny Ampakarina. Hitanareo? Ary rehefa maty teo Kalvary Jesosy. . . Tsarovy, ny Ampakarina dia tsy nesorina avy tamin'ny vatana raha tsy maty ilay vatana. Efa maty Izy, ary saika hanapaka ny Tongony izy ireo. Ary hoy ilay mpaminany hoe, "Tsy hisy taolana iray ho tapaka." Noho izany dia efa notsoahin'izy ireo ilay maritoa hanapahana tongotra

iray, ary nanatona ny lehilahy iray niaraka tamin'ny lefona ka nanatsofoka an'izany tao amin'ny Fony; ary rano sy Rà no nivoaka; efa maty Izy. Efa navotana tao amin'ny vatana tamin'ny Fahafatesany Izy, noho izany dia tsy misy Vanim-potoan'ny Fahoriambe hijaliana intsony ho an'ny Ampakarina. Hitanareo? Miditra Izy. Fa ny fiangonana Jentilisa izay mino Azy fotsiny ary mandray an'ireo fanekem-pinoana ara-anaram-piangonana sy ny sisa, ary mbola . . .

153 Tahaka ny nolazain'ity olona mahantra ity hoe: "Ny vadiko sy ny zanakolahy, mbola tia an'ireo zavatr'izao tontolo izao foana izy ireo sy ireo zavatra tahaka an'izany . . ." Hitanareo, tsy nanaiky an'io fanavotana io izy ireo, satria rehefa manaiky ianareo, dia manadio anareo ho azy izany. "Izay naterak'Andriamanitra dia tsy manota." Tsy misy faniriana, na inona na inona ao aminy ny amin'ireo zavatr'izao tontolo izao.

154 Hoy Jesosy hoe, "Izay tia an'izao tontolo izao (*Kosmos* ankehitriny), na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatiny akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra." Tsy latsa-pitia amin'ilay Mpampakatra izy. Hitanareo? Noho izany, tsy maintsy mandoa an'io sazy io izy, ary tsy . . . Tsy voavonjy izy nandritr'io fotoana io; voavonjy amin'ny fahafatesana mandrakizay izy ankehitriny; saingy tsy maintsy handalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe izy ho amin'ny fanadiovana. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Ankehitriny, ankehitriny, eo, mino aho fa izany no mandamina an'ity fanontaniana ity.

155 Ndao jerentsika, misy zavatra hafa eto.

> **Azavao azafady, satria nilaza ianao fa hisy isa kely fotsiny handeha ao amin'ny Fampakarana.**

Izany dia ireo eto an-tany izay hovàna. Hoy Jesosy hoe, "Ety ny vavahady ary tery ny làlana, nefa vitsy no hahita azy."

> **Ahoana ny amin'ireo olona izay mino ny Tompo ankehitriny nefa tsy . . . ary tsy arak'izay itorianao azy** (Tsy voatery hino an'izany izy ireo. Tsy voatery hino araka ny itoriako azy izy ireo. Hitanareo? Tsy voatery hino an'izany.) **. . . ho an'ny Hafatry ny andro farany. Ho voavonjy ve izy ireo?**

156 Eny, raha mino ny Tompo izy ireo. Hitanareo? Ary izy ireo raha—raha tsy mifanaraka izy ireo ka manao hoe, "Tsy mino aho fa Izy no Teny. Tsy mino aho fa marina izany. Tsy mino ny batisan'ny Fanahy Masina aho," izany no mampiseho hoe mandeha mankaiza izy ireo, ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe. Fa ireo izay afaka manaiky ny Teny amin'ny Fahafenoany, tsy hoe izaho no mitory Azy, fa satria ny Baiboly no miteny an'Izany. Ireo izay afaka manaiky an'izany dia afaka, satria izy ireo . . . efa voatsara ny Teny.

157 Ankehitriny, afaka mitsara olona iray indroa ve ny Mpitsara marina iray nohon'ny zavatra iray raha efa voaloa ilay sazy? Raha tao amin'ny trano fampisamboram-bola misy antoka iray

aho, ka tonga ianareo ary nanao hoe, “Hanavotra azy aho”; ary niditra ianareo ka nandoa ny vidin’ny fanavotana ahy (ary izany no saziko satria ao amin’ilay trano fampisamboram-bola misy antoka), ary aloanareo ny fanavotana ahy, amin’izay fotoana izay dia ahoana no ahafahan’ilay mpampisambo-bola hitaky amiko indray? Raha tsy hoe namidy indray aho. Eo ianareo izao. Rehefa nolaviko ny Fahafenoan’ny Teny, amin’izay fotoana izay dia miverina avy hatrany ao amin’ilay trano fampisamboram-bola misy antoka indray aho. Hitanareo, hitanareo? Noho izany dia miady ny làlako ivoahana aho amin’izay fotoana izay, raha vitako. Saingy efa nanavotra ahy Izy. Eny àry. Manantena aho fa izany . . . Izaho dia—manana betsaka mihitsy aho eto ka tiako ny haka an’ireo izay . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

**248. . . . ity no Sintona Fahatelo ary miteny ny Teny. Toy ny hoe azo atao tanteraka aminao ny miteny ny teny ka ho tafaverina amin’ny laoniny tanteraka sy feno ny olona iray, tafapetraka tanteraka ho vonona ho amin’ny Fampakarana ao amin’ny fitsanganana, ny Zanak’olona. Marina izany, sa tsy izany? Ary hataonao izany raha voatery tsara, sa tsy izany? “Afa-mandositra amin’ireo zavatra rehetra ireo** (misy faingo roa sosona eo)**—afa-mandositra amin’ireo zavatra rehetra ireo ary mitsangana eo anatrehan’ny Zanak’olona”? (Lioka 21:36)**

158 Ankehitriny, ry—ry sakaizako malala. Hitanao? Ankehitriny, heveriko eto fa ianao—ianao—ianao dia nanao—nanao filazana tsara iray ianao. Eny, tompoko! Eny, tompoko! Ankehitriny, mety ho izany. Hoy ianao hoe, “Rahalahy Branham . . . ” Amin’ny teny hafa, ity no izaho . . . Tsy mino aho fa ilay izy dia . . . Afaka aho . . . Mino aho fa izaho . . . Tsy mampamiratra an’izay nolazainao, fa mino aho fa afaka manao an’ilay izy hazava kely kokoa amin’ny olona aho. Hitanareo? Mino ianareo, nohon’ny Teny Voambara sy ireo zavatra tahaka an’izany izay Nolazainy. Ary ianareo rehetra eto dia vavolombelona ny amin’ireo vontsira sy ireo zavatra hafa rehetra izay vita ireo. Fa efa voamarikareo ve, nomena tamin’ny Fahamasi-mandidy izany! Tsy nangataka Taminy mihitsy aho hoe, “Tompo, avelao aho hanao an’ity, hiteny an’ireo zavatra ireo hisy tahaka an’izao, hanao an’ireo zavatra eo ireo.” Tsy nangataka an’izany Taminy mihitsy aho. Izy tamin’ny alàlan’ny Sitrapony Masina Manokana no nanatona ahy ka nanao hoe, “Mandehana ataovy *ity*.” Hitanareo? Tsy nangataka zavatra anankiray mikasika an’izany aho. Tsy nangataka ny handeha tany Egypta mihitsy i Mosesy, fa Andriamanitra no naniraka azy hankany Egypta. Hitanareo?

159 Ankehitriny, mino aho fa raha ho tonga amiko ny Fanahy Masina ary hilaza ao amin’ny fahitana iray hoe, “Mandehana teneno ny olona *izao-sy-izao* fa izy ireo dia tsy—miezaka handresy zavatra *anankiray* izy ireo, nefa tsy afaka manao an’izany. (Ary mifoka izy ireo; misotro izy ireo; mandainga

izy ireo, mangalatra, na mijangajanga, na mety ho inona ilay izy; na manana fanahy feno fitsiriritana izy ireo.) Ary mandehana eo amin'izay misy azy ireo fotsiny ianao ka manaova hoe, 'Ianao ry fanahy, mivoaha avy eo; manafaka an'ity babo ity aho.'" Hitranga ve izany? Tanteraka tokoa! Eny, tokoa, hitranga tanteraka tokoa izany; hiseho izany. Fa ankehitriny, araka ny fanombatombanako manokana. . . Ankehitriny, *manombatombana* dia. . .midika hoe "sahisahy tsy misy fahefana." Hitanareo? Mandeha any aho hanampy an'io olona io; manombatombana fotsiny aho fa ho mety tsara izany. Hitanareo? Noho izany dia tsy fantatro; afaka miantso ny Anaran'ny Tompo eo amin'izy ireo aho; afaka mivavaka ho azy ireo aho, manao an'izay iriako hatao.

160 Raha nanana ny fanaoko manokana aho izao maraina izao. . .Izaho—vao avy nanana fifampiresahana tamin'io ramatoa kely mipetraka amin'io seza misy kodiarana io aho. Mba hahatongavana amin'ity fivoriana androany ity, dia tsy maintsy niantso ny sampan-draharahan'ny mpamono afo izy ireo mba hitondra azy hiala tao an-tranony tany Chicago; nefa mipetraka eo ampitan'ny làlambe ny olona fa tsy tonga amin'ny fivoriana. Hitanareo?

161 Inona no hataoko? Raha teo amin'ny fahefako ilay izy. . . Izany dia ao amin'ny. . .Manana fahefana hanao an'izany aho, saingy tsy maintsy miandry baiko hanaovana an'izany. Hitanareo? Manana fahefana avy amin'Andriamanitra aho hanaovana an'izany; fa ankehitriny, rehefa manome baiko Izy, dia hiverina hody salama izy. Hitanareo? Fantatro fa izany no fahamarinana. Hitanareo? Vonona ny ho faty ho an'izany mihitsy aho izao maraina izao tahaka ahy—hahavonona ahy ho an'ny inona na inona. Hitanareo? Izany no fahamarinana.

162 Fa voalohany, hitanareo, izany rehetra izany. . .Tsy nisy olona, na dia Jesosy Izy tenany aza dia nanao hoe, "Ny Zanaka dia tsy afaka manao na inona na inona amin'ny Tenany, fa izay Hitany ataon'ny Ray, dia izany koa no ataon'ny Zanaka." Fantatsika izany. Masindahy Jaona 5:19. Eny àry. "Ny Zanaka dia tsy manao na inona na inona amin'ny Tenany, fa izay Hitany ataon'ny Ray, dia izany koa no hataon'ny Zanaka." Eny àry.

**249. Ilay fahitana azonao taona maro lasa izay mikasika an'ilay fahagagana lehibe hitranga eo akaikin'i Corydon, Indiana, ve efa mba niseho?**

163 Nijery tao amin'ny bokiko aho rehefa nahazo an'ity ary nametraka teboka fanontaniana iray. Ankehitriny, tsy maintsy nisy fotoana izay izaho. . .tsy maintsy nandinihako ny toerana misy an'ireo hazo sedera ireo. . .Raha vao manomboka midina an'ilay havoana any mihitsy ianareo, eo amin'ilay ilany hafa, midina mankany Corydon, rehefa avy mivoaka ny tampon'ilay havoana any New Albany ianareo, dia tsy maintsy nandinika

an'ireo hazo sedera ireo aho nohon'ny loza mahatsiravina izay ho nisy ahy. Ary nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia afa-nandositra an'izany aho rehefa nisy zazavavy tanora iray, nisotro whisky iray tavoahangy, novonoina; voadidin'ilay tavoahangy izay nananany teo am-bavany mihitsy ny tendany, zazavavy enina ambin'ny folo taona, ary teo mihitsy aho tamin'io fotoana io. Hitanareo? Ankehitriny, mety ho izany ilay noresahanao. Namaky an'izany aho.

164 Ary avy eo koa, rehefa nanao an'io fivoriana tany amin-dry Rahalahy Beanblossom io aho. . . Mety ho izany ilay izy. Mety ho i Georgie Carter izany. Hitanareo? Nisy hafa koa nitranga tany. Ary avy eo dia misy efatra na dimy amin'izy ireo ao. . . Tsy nahita na inona na inona aho ka tsy niseho. Raha—raha ilay olona izay nanoratra an'ity no hanoratra fotsiny azy indray ka hiteny amiko an'izay nolazaiko tamin'io fotoana io, amin'izay fotoana izay dia hohamariniko ilay izy. Hitanareo? Raha hiteny amiko fotsiny an'izay nolazaiko ianao, ilay fahitana. . . Satria voamariko tao amin'ilay fahitana tany ireo zavatra izay nalaiko naoty tao amin'ilay boky, ary eto no mitranga tahaka an'izao ilay izy. Tsy nandray naoty na inona na inona aho, izay fantatro, zavatra anankiray ankoatran'izany.

165 Ary avy eo dia nisy zavatra hafa; izany dia ny fiovam-pon'i Omar Price tany tamin'io fotoana io rehefa tena nanakiana nanohitra ahy izy. Ary fantatrareo, tonga tato amin'ny tabernakla izy ary natao batisa tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Oh, niady mafy tamiko teo amin'izany izy; ary nijanona niaraka taminy aho ny alina. Nanohy nitia azy fotsiny aho, nijanona teo mihitsy na izany aza; fa farany dia tonga izy, satria ny Tompo no niteny tamiko fa ho avy izy, ary noho izany aho—nijanona tsara tamin'izany fotsiny aho. Hitanareo?

166 Mitovy amin'ilay mpitory teny kely mipetraka aoriako eto. Nandeha tany Clarksville aho indray mandeha mba hiresaka taminy, niresaka ho azy tao amin'io fiangonana Metodista io, ary Metodista hatrany sy hatrany izy, no tiako lazaina. Niverina teto aho; hoy aho hoe, "Indray andro any dia hanao batisa azy amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo aho." Dia nataoko izany; Rahalahy Neville izany!

**250. Raha tsy mety amiko ny—tsy mety ve ny hitantanako ny—trano fiasana momba ny hatsaran-tarehy? Mpikarakara tarehy aho ary tsy mino fa ireo Kristiana dia manapaka ny volony, saingy manapaka ny an'ny hafa aho ary** (Heveriko fa ilay izy dia m-a-n-d-o-k-o, **mandoko,** izany dia midika hoe ny loko, heveriko, sa tsy izany?) **mandoko koa.**

167 Ranabavy malala, izaho dia—tsy fantatro izay ho tenenina aminao. Henoy, tsy afaka milaza ho an'ny vehivavy mikasika an'izany aho, manisy loko eo amin'ny volony. Tsy manana Soratra manohitra an'izany aho; afaka mijanona amin'ny

Soratra fotsiny ihany aho. Hitanareo? Tsy milaza amin'izy ireo mba tsy hanao an'izany ny Soratra. Ny Soratra dia milaza fa tsy maintsy manana volo lava izy ireo, ary aorian'izany, dia tsy fantatro hoe aiza no haleha. Hitanareo? Izaho—tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany aho.

168 Ankehitriny, mpitoriteny kely iray izay manatrika eto any ho any izay fantatro, sakaiza malalako iray, niara-niresaka izahay indray andro tao amin'ny Blue Boar rehefa nihinana ny sakafo hariva izahay. Hoy izy hoe, "Ny vadiko dia somary menatra ny ho tonga eo anoloanao." Vehivavy iray tena masina, tsara fanahy, kely, ary izy dia ra—ramatoa kely tsara tarehy, renibe, ary. . .Saingy tsara izy, madio, tena. . .Ny vadiko dia adala amin'io vehivavy io mihitsy, ary—ary heveriko fa izy dia tena, tena vehivavy iray. Izy. . .Tsy fantatro raha mipetraka eto izy; heveriko fa eto izy. Heveriko fa eto ny vadiny. Ary hoy izy tamiko; hoy izy hoe, "Navelany naniry ny volony rehefa avy nandre anao nitory teny izy ary hitany fa marina ilay izy, saingy," hoy izy, "nampiasa loko iray tamin'ny volony izy; ary miezaka ny tsarany indrindra izy hampanjavona an'io loko rehetra io alohan'ny hahatongavany eo amin'izay misy anao."

169 Jereo ankehitriny, Ranabavy malala, tena manaja an'izany aho. Manana haja ho an'ny vehivavy iray izay hanao an'izany aho. Satria ny vehivavy sasany dia ho tonga fotsiny ka hanao ny volony amin'ny fomba rehetra, na mandrora eo amin'ny tongotrareo ary mandehandeha miavonavona sy tsy manaja mihitsy, dia tsarovy, hoy Jesosy hoe, "Izay ataonareo amin'ireto, dia Tamiko no nanaovanareo an'izany." Hitanareo? Ary manaja an'izany ao aminao aho, ary hitahy anao Andriamanitra ny amin'izany.

170 Fa, Ranabavy, momba ny lokom-bolo na zavatra tahaka an'izany, izaho—tsy fantatro. Izaho—tsy afaka manohana an'izany amin'ny Soratra aho, noho izany aho. . .miankina aminao fotsiny izany. Hitanao? Ianao, raha te-hanao an'izany ianao, dia mety tsara amiko tanteraka izany. Araka ny fantatro, dia tsy manana an'izany fomba izany ny fiangonana. Raha tianao. . .Ny zavatra rehetra izay tsy ao anatin'ity Baiboly ity, eny, ianao fotsiny. . .Miankina aminao izany. Hitanao? Fa homeko anao fotsiny ny torohevitro, hitanao, ary araka ny fantatro. . .Fantatrareo, natioran'ny vehivavy fotsiny ny te-ho tsara tarehy; natao ho tahaka an'izany izy.

171 Fantatrareo, amin'ny fiainana rehetra izay misy, ny lahy no tsara tarehy indrindra, afa-tsy ny taranak'olombelona. Alaivo ny vorona iray, ombivavy. Alaivo ny andiana biby fiompy iray. Iza no tsara tarehy indrindra, ilay ombivavy antitra miolan-tandroka sa ilay ombilahy goavana? Alaivo ny diera iray; iza no izy, ilay dieravavy kely sa ilay dieralahy? Alaivo ny andiana ombimanga iray; iza no tsara tarehy indrindra, ny lahy sa vavy? Ombimanga, na inona na inona tianareo hatao. Alaivo

ilay izy—alaivo ilay izy ao amin'ny vorona; alaivo ilay izy ao amin'ny akoho, ilay akoholahy sa ilay akohovavy? Alaivo ilay izy ao amin'ny vorona, ilay kely. . .kardinaly goavana tsara tarehy sa ilay akohovavy kely voapentimpentina, mipetraka eo ambonin'ny akaniny ka mikotrika an'ireo atodiny? Hitanareo? Ny zavatra rehetra ao amin'ilay taranaka manontolo, isan'andro dia ny—ny lahy no tsara tarehy indrindra, fa ny vavy ho an'ny olombelona. Nahoana? Izy no nahatonga ny fahalavoana. Teo mihitsy no nifidianan'i Satana azy, ary avy amin'ny devoly ny hatsaran-tarehy. Hitanareo?

172 Satana no anjely tsara tarehy indrindra. Izy no kerobima izay nanaloka. Jereo hoe toy ny ahoana no fahasamihafan'ny vehivavy ankehitriny amin'izay naha-izy azy ireo taloha. Firy no mahatsiaro an'i Pearl, na, namaky ny amin'i Pearl Bryan? Aoka ho hitanay ny tànanareo, ny sasany aminareo olona antitra. Azo antoka. Hitanareo? Natao ho vehivavy tsara tarehy indrindra eto Amerika. Ny adolantsento kely sahisahy rehetra eny an-dàlambe dia ho tsara tarehy avo roa heny noho izy ankehitriny. Nahoana? Izany marina tokoa no nolazain'ny Baiboly hoe: "Rehefa hitan'ireo zanakalahin'Andriamanitra fa tsara tarehy ireo zanakavavin'ny olona. . ." Izany dia andiana jiolahimboto iray izay nandefa ny safodrano teto ambonin'ny tany, izay nandringanan'Andriamanitra ny taranak'olombelona manontolo. Hitanareo? Marina tokoa. Ary amin'izao andro izao ny zava-drehetra dia mifototra amin'ny Hollywood sy—sy ny hatsaran-tarehy ary ireo zavatra tahaka an'izany, nefa ny hatsaran-tarehy dia ilay zavatra miafin'ny fo (hitanareo?) fa tsy ny fisehoana ivelany. Aoka izy ireo hampihaingo ny tenany, tsy amin'ny fisehoana ivelany, fa ny ao anaty, amin'ny fanahy malemy, mora. Izany no—izany no Kristiana.

Noho izany ankehitriny, eo amin'ny fanontanianao, Ranabavy, tsy fantatro fotsiny izay ho tenenina aminao.

Ankehitriny, afaka mijanona aho izao ankehitriny izao na haka telopolo minitra hafa avy eo, ary noho izany. . .Ho telopolo minitra. . .? Firy no hijanona mandritra ny telopolo minitra hafa fotsiny, ary avy eo dia izany no hanome antsika fotoana bebe kokoa rahariva? Eny, handeha haingana mihitsy aho arak'izany.

**251. Rahalahy Branham, io Timoty Voalohany 2:9 io ve dia midika hoe tsy afaka mandrandrana ny volony ny vehivavy iray? Ny *mandrandrana* volo dia midika hoe "volo mirandrana"?**

173 Jereo ankehitriny, Ranabavy, ankehitriny ity. . .Izaho dia—faly aho fa ity dia nanaraka an'izany. Tsy nanamboatra azy mihitsy aho teo, fa ilay izy fotsiny—nanaraka tsara an'ity fotsiny ilay izy.

Mariho, ny volo voarandrana tamin'izany andro izany no famantarana ny vehivavin'ny làlambe; izany no nataony,

nandrandrana ny volony. Ary hoy Paoly tamin'ireo Kristiana hoe, "Ankehitriny, izany haingo izany, aoka izany tsy ho voarandrana . . . " (na "mandrandrana" sy "mirandrana" dia ilay zavatra iray ihany), handrandrana ny volony, satria mitovy amin'ny sisa amin'izao tontolo izao izany.

174 Ankehitriny, natao tsy hitovy amin'izao tontolo izao ianareo na hihetsika tahaka an'izao tontolo izao! Hitanareo? Ny vehivavy dia natao ho hafa eo. Hitanareo? Tsia, ankehitriny, mandrandrana volo . . . Ankehitriny, tsara tarehy ny mirandrana, ary lavitry ny lamaodin'izao tontolo izao izany. Ankehitriny, hitanareo ireo vehivavy, ny fomba anaovany ny volony amin'izao andro izao . . . Amboary amin'ny fomba rehetra fotsiny ny volonareo; aza mitovy amin'izao tontolo izao fotsiny! Hitanareo? Aza mitovy na manao akanjo tahaka an'izany! Raha manao sorta izy ireo, dia manaova akanjo ianareo. Raha izy ireo—raha manao ny volony rehetra tanteraka izy ireo . . . manapaka azy tanteraka sy manafohy azy, ary manao an'ireo mandrakariva . . . Ianareo—ianareo—avelao hipetraka tsara fotsiny ny anareo. Hitanareo?

175 Ary ny randrana—fa mirandrana . . . Ny fanontaniana dia hoe: Ny "mirandrana" ve dia midika . . . *mandrandrana* ve dia midika hoe "mirandrana"? Eny, marina izany. Ary ankehitriny, eny an-dàlambe . . .

176 Ankehitriny, nikaroka an'izany aho mba hahita taona maro lasa izay hoe ny volo "mirandrana" dia midika inona. Hitanareo? Ny vehivavy, raha ny marina, ireo vehivavy fahiny, dia nisintona ny volony nankany aoriana fotsiny izy ireo ary namatotra azy, mitovy betsaka amin'ny rambon-tsoavaly amin'izao andro izao. Ary nandeha izy ireo . . . Nanao akanjo tahaka an'izany izy ireo, fa ireo vehivavin'ny làlambe dia naka ny volony ka nandrandrana azy rehetra nanerana lohany, ka nofonosiny nanodidina tahaka an'izao izany, ary nasiany voninkazo tao anatiny sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary izany ilay karazan'ny—ny flapper teny an-dàlambe; tahaka ny ahitantsika an'ilay flapper amin'izao andro izao, ny fomba fiakanjony. Milaza aho hoe *flapper*, satria fantatrareo fa lehilahy antitra aho; koa izany no niantsoan'izy ireo azy ireny tamin'ny androko. Inona no iantsoan'izy ireo azy ireny amin'izao andro izao? Izaho . . . Oadray, tsy fantatro. *Chicks* na zavatra iray na iray hafa. Noho izany . . . Na inona ilay izy. Omeo karazana anarana rehetra izy ireo, tian'izy ireo izany.

**252. Ranadahy Branham, nilaza ianao tao amin'ny iray tamin'ireo horonam-peo fa namonjy ny ankohonany i Noa. Midika ve izany fa afaka manana an'ilay finoana iray ihany ho an'ny ankohonany ny reny iray? Ary midika ve izany fa ho voavonjy ny tsiraira avy amin'ilay fianakaviana raha mino an'izany isika?**

177 Ankehitriny, izany dia . . . hia, izany dia karazan'ny . . . Tsy

maintsy mitandrina ny fomba amaliako an'ity ianao ankehitriny. Hitanao? Voalohany, "Hoy ianao . . . (Ankehitriny, mamelà ahy hahita an'izany.) Nilaza ianao tao amin'ny iray tamin'ireo horonam-peonao fa namonjy ny ankohonany i Noa." Nahoana? Satria nino izy ireo. Izay ilay izy, satria nino ny hafany izy ireo.

178 "Midika ve izany fa afaka manana an'ilay finoana iray ihany ho an'ny ankohonany ny reny iray?" Eny, Ranabavy! Toa hitako ny fon'ny reny kely iray mitomany ho an'ny olony. "Ary midika ve izany fa ho voavonjy ny tsirairay avy amin'ilay fianakaviana raha mino an'izany isika?" Eny, raha hanaiky an'izany izy ireo. Marina izany.

179 Tsarovy ilay mpiandry tranomaizina Filipiana. Minoa ho anareo roa . . . Raha manana finoana ampy ho an'ny famonjenao manokana ianao, dia tsy afaka hanana an'izany finoana iray izany ihany ve ianao izay hiasa eo amin'ny olonao? Inona no atao hoe finoana? Hery iray tsy hita maso izany. Hitanao? Inona ny—inona ny—Fanahy iray izany. Ny Fanahy Masina no mitondra finoana. Hitanao? Hery iray tsy hita maso izany.

180 Nahoana aho no hametra-tànana amin'ny marary? Hitanao? Raha afaka mahazo an'izany fifandraisana manokana izany amin'io fanahy ao amin'io olona io aho, dia hisy zavatra hitranga. Hitanao? Eto no mitsangana ny Fanahy Masina; Izy no hanambara ny tsiambaratelon'ny fo. Hanao marina tokoa an'izay Nolazainy fa Hataony amin'ny andro farany Izy. Mino an'izany ny olona; mijery an'izany izy ireo, "Eny, tompoko, mino an'izany aho."

181 Ankehitriny, raha tsy lasa mahazatra loatra fotsiny aminareo aho (hitanareo?), lasa zavatra mahazatra fotsiny. Mandalo ianareo indray andro ary mandalo ianareo ny andro manaraka. Hitanareo? Izany no—mitsapa vintana fotsiny izany. Voalohany dia tsy inoanareo ilay izy (hitanareo?), satria vantany vao mino an'izany marina tokoa ianareo . . . Hoy ilay vehivavy hoe, "Raha afaka mikasika ny Fitafiany aho, dia ho salama amin'ny manontolo rehetra," ary nataony izany. Hitanareo? Tsy nilaza izy hoe, "Avelao aho hanandrana an'ilay izy indray." Hitanareo? Nino an'izany izy. Hitanareo? Izany no—izany no . . .

182 Ankehitriny, raha hino fotsiny amin'izay rehetra ao aminao ianao ho an'ny fianakavianao . . .

183 Ankehitriny, tahaka ny eto, inona no mandrisika ahy? Inona—inona io hery eo amin'ny sandriko io? Tsy ny hozatro mihitsy tokoa izany, ny fanahiko izany. Izany tokoa, esory io fanahy io, dia inona no hataon'ny hozatra? Maty arak'izay mety haha-izy azy izy. Hitanareo? Ho lò izy, fa ilay izy dia . . . Hitanareo, ny fanahy no manatanjaka.

184 Jereo i Samsona kely. Maro tamin'izy ireo no nahita an'ireo varavarana mitovy amin'ireto anelanelan'ny andry roa ireto. Nahoana, lehilahy iray goavana tahaka an'izany dia afaka

maka liona iray ka mandrovitra azy ho potipotika, Rahalahy Jackson. Ny liona iray mitsambikina eo amin'ny lehilahy iray tahaka an'izany miaraka amin'ny varavarana . . . miaraka amin'ny soroka tahaka ny varavaran'ny tranom-biby, nahoana azo antoka, tsy ho zava-miafina izany; fa ilay zava-miafina dia hoe, karilahy kely iray olioly volo fotsiny izy, zalahy bitika kely, antitra, saiky, sarimbavy kely, zanakalahy kelin'i mama, foto-bolo kely fito an'ny sarimbavy no mihantona eo amin'ny lamosiny. Fa mariho, tsy afa-nanoatra fotsiny tahaka ny zavatra rehetra izy mandra-pahatongan'ny Fanahin'ny Tompo teo aminy. Ary rehefa tonga tao aminy ny Fanahin'ny Tompo, dia nihazakazaka io liona io ka nierona, norovitiny potipotika fotsiny izy. Tsy i Samsona izany; Fanahin'ny Tompo Izany.

185 Ankehitriny, ahoana no hitondrany ny valanoranon'ny ramole iray, izay nandry teo amin'io tany efitra io ary lasa fotsy . . . Ary ireo fiarovan-dohan'ny Filistina ireo dia varahina mafy saiky iray inch ny hateviny. Eny, raha alainareo io valanorano io ka akapokareo amin'ny iray amin'ireo fiarovan-doha ireo izy, dia ho lasa potipotiny arivo izany. Fantatrareo izany. Ho nopotehin'izy ireo io valanorano tranainy, maina io . . . Fa jereo eo, nitsangana teo izy niaraka tamin'io valanorano io teny an-tànany ka nahafaty Filistina arivo; ny sisa tamin'izy ireo dia nandositra nankany amin'ny vatolampy. Hoy izy hoe, "Avia, raha mila sasantsasany amin'izany koa ianareo?" Mbola—mbola nihazona an'ilay izy foana! Inona izany? Tonga teo aminy ny Fanahin'ny Tompo. Hitanareo?

186 Noho izany, dia ny Fanahin'ny Tompo Izany. Ary rehefa manana ny Fanahin'ny Tompo ao anatinareo ianareo mba hino ho an'ny famonjenareo manokana, dia apetraho eo amin'ny fianakavianareo izany. Manaova hoe, "Mitaky azy ireo amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho; mitaky an'izany aho! Andriamanitra, tsy fantatro hoe ahoana no Hanaovanao azy hanao an'izany, ary ahoana no Hanaovanao azy hanao an'izany, fa mino an'izany aho. Mino izany aho, Tompo! Vonjeo amin'ny tsi-finoako aho." Takio ilay izy dia diniho izay mitranga. Hataony izany.

**253. Ny Ampakarina ve—ny Ampakarina ve alohan'ny ahatongavan'i Jesosy, hanana ny herin'ny Fanahy Masina rehetra hanaovana fahagagana ve Izy, hanangana ny maty, sy ny sisa araka ny fara-orana—sa ho an'ny Jiosy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy io fara-orana io? Hanana an'izany ve ny mpitoriteny rehetra, izany ve isika, sa, miandry ny fihaviana fotsiny isika?**

187 Eny. Jereo, ry sakaiza, izaho—izaho—tsy teolojiana aho. Tsy teolojiana aho; noho izany, dia tsy maintsy mampianatra an'izay rehetra fantatro mikasika ny Baiboly avy amin'ny aloka sy ny tandindona aho. Somary miantso ahy hoe mpanao tandindona ianareo. Fa raha afaka mijery eo amin'io rindrina io aho, ka

tsy mbola nahita ny tenako mihitsy; ary mijery aho, ka afaka mahita aho fa nanana loha iray, sy sofina, ary tànana, ary . . . mahafantatra zavatra aho mikasika ny hoe hitovy amin'ny inona aho raha mba mahita ny tenako. Hitanareo? Raha mahita ny taratro eo amin'ny fitaratra iray aho, dia fantatro hoe hitovy amin'ny inona aho raha afaka mihataka ka mijery ny tenako.

188 Ankehitriny, izany no fomba iheverako ny Baiboly. "Ireo zavatra rehetra ireo," hoy ny Romana 26 hoe, "dia nitranga ho ohatra ho antsika." Afaka mijery any aoriana isika ka mahita hoe inona ilay izy, tahaka ny volana mampitaratra ny masoandro. Fantatsika hoe ho inona ny masoandro, rehefa, raha tsy mahita masoandro mihitsy isika, afaka mahita ny volana isika, ka mahita fa ho lehibe noho io ilay izy. Eny, rehefa hitanareo ny nitranga tao amin'ny Testamenta Taloha, dia taratr'izay mitranga ao amin'ilay Vaovao fotsiny izany.

189 Ankehitriny, ato, mino amin'ny foko manontolo aho fa izaho . . . izany isika, na amin'izao andro izao . . . Raha tsy izany isika, dia olona iray izany; tsy maintsy izany ilay izy. Tapitra ny fotoana; eo amin'ny farany isika!

190 Ny tsirairay . . . Izao tontolo izao . . . Enina arivo taona no nanaovan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, ary nitsahatra Izy tamin'ny arivo fahafito. Nilaza Izy fa tsy ho velona mihoatra an'io fotoana io mihitsy ny olona iray, ta—taona iray, na—na, andro: "ny andro ihinananao azy, no andro hahafatesanao." Adama, na, Metosela no lehilahy antitra indrindra izay hany velona ao amin'ny Baiboly, ary sivy amby enimpolo amby sivinjato taona izy; ary tsy velona arivo taona izany mihitsy izy. Fa ny olona izay ho velona mandritry ny Arivo taona, arivo taona, mba haneho fa ny—fa efa voaloa ny sazy . . . Velona mandrakizay ny olona; tapitra ny andro; tapitra ny fotoana; ao amin'ny mandrakizay izy ireo.

191 Eo amin'izay ihany, nahazo taratasy maro aho mikasika ny hafatro roa na telo Alahady lasa izay mikasika ny—*Ny Fonenana ho Avin'ny Ampakarina sy ny Mpampakatra*. Azo antoka fa niantraika tamin'ny maro tamin'izy ireo izany tany ho any. Izany . . . Niantraika koa ilay izy tamiko. Tsy mety afako mihitsy ilay izy.

192 Ankehitriny, mariho. Eo amin'ity (hitanareo?), Abrahama dia nahita . . . Ankehitriny, tahaka ny Nifanarahany tamin'i Abrahama, dia toy izany koa Izy amin'ny taranany. Ankehitriny, indray andro any rehefa hiverina aho indray andro, dia tiako ny hitondra an'izany tsara kokoa ka haneho aminareo marina tokoa an'ireo dingam-piainan'i Abrahama. Miaraka amin'i Luther marina tokoa izany, Wesley, ary mitohy midina hatreto, ahoana marina tokoa no Nifanarahany tamin'ireo fiangonana tahaka ny Nifanarahany tamin'i Abrahama; ahoana no Nisehoany; ahoana fa rehefa nanamarina an'ilay fanekena taminy Izy tany teo

ambanin'ny rà nalatsaka, dia izany no taonan'i Filadelfia. Eny, tompoko, izany ilay taonan'ny rà, Luther . . . ny taona Wesleyana.

193 Fa avy eo dia diniho ilay taona Pentekotista. Rehefa tonga tany Izy, dia nanao ny teny fikasan'i *El Shaddai* Izy, "minonò avy Amiko." Ny fanontaniana dia hoe: Afaka minono ve ianareo? Nentina teo anatrehan'ireo Pentekotista izany. Hitanareo? Afaka minono ve ianareo? Fa tsy nanao an'izany izy ireo; norambasan'izy ireo ny—ny nono iray avy amin'ilay anaram-piangonana izay nivoahan'izy ireo. Fa avy eo ilay Taranaka, tena Taranaka, dia tonga mba hinono an'io nono io.

194 Ary inona ilay famantarana farany azon'izy ireo, talohan'io zanaka nampanantenaina izay nandrasan'izy ireo nandritr'ireo taona rehetra ireo io, rehefa niverina Izy? Izany dia Andriamanitra nitsangana tao amin'ny endrika Lehilahy iray ka afaka namantatra an'ireo eritreritra tao am-pon'i Saraha (Saraha no ilay Fiangonana, misolo tena an'ilay Fiangonana), namantatra an'ireo eritreritra izay tao amin'ilay Fiangonana izay Taoriany mihitsy aza. Marina ve izany? Ary taorian'izany avy hatrany, dia niova ho vehivavy tanora iray izy ary izy lehilahy tanora iray; ary nentina teo amin'ilay sehatra i Isaka, ilay zanaka nampanantenaina.

195 Mino aho fa eo am-pahitana an'ilay zavatra farany izay hitranga amin'ilay Fiangonana alohan'ny Fampakarana ianareo. Marina tokoa izany. Mino an'izany aho. Tapitra ny orana. Vakio fotsiny ireo toko telo voalohany an'ny Apokalypsy dia ho hitanareo izay nampanantenaina an'ilay Fiangonana. Izany no nampanantenaina, Fiangonana, eo mihitsy, ireo taom-piangonana.

196 Nahamarika ianareo indray andro rehefa nanomboka an'ireo Trompetra ireo isika, hoy ny Fanahy Masina hoe, "Tsy an'ny eto izany." Hitanareo, hitanareo?

197 Ankehitriny, fara-orana, ireo Jiosy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, tsia, izany tsy . . . izany . . . izy ireo tsy . . . izany dia—izany dia rehefa i Elia sy Mosesy . . . Eo no miseho ireo fahagagana. Ireo zavatra izay nandrasan'ny olona, ireo Pentekotista, ireo fahagagana, eo no hiseho izany ao amin'io, eo ambanin'izy ireo. Hitanareo, an'i Elia sy Mosesy izany. Mamely ny tany amin'ny ozona arak'izay tiany izy ireo; manidy ny lanitra izy ireo mba tsy hilatsahan'ny ranonorana amin'ny andron'ny faminaniany. Ary hitsangana Andriamanitra ka hiady ho azy ireo tahaka ny Nataony, ary Izy no hitondra azy ireo hivoaka eo ambanin'ny tànana mahery tahaka ny Nataony tany Egypta (hitanareo?), avy amin'ireo "isma" an'izao tontolo izao. Ary Hataony izany, fa izany tsy . . .

198 Miandry fotsiny ny Fihavian'ny Tompo isika. Miandrasa fotsiny; tehirizo voadio ny fanilonareo, feno solika ny rehetra.

Mivavaha isan'ora, tsy isan'andro, isan'ora. Manohiza vonona fotsiny; aoka ho vonona, aoka ho mora fanahy, ary miambena.

> Oh, miandry ny fihavian'io andro Arivo taona mahafinaritra io isika,
> Rehefa ho avy ny Tompontsika finaritra ka hampakatra Ny Ampakariny miandry;
> Oh, oadray—oh, feno fampakarana ny foko raha miasa, miambina, ary mivavaka aho,
> Satria hiverina eto an-tany indray ny Tompontsika.

Izay ilay izy; izany no fanantenan'ilay Fiangonana amin'ity ora ity.

**254. Ny Anaran'i "Jesosy Kristy" ve dia mety tsara ho an'ny batisa, sa ilay izy tsy maintsy amin'ny Anaran'i "Jesosy Kristy Tompo"?**

199 Na ny iray. Izaho dia mandray azy ho *Jesosy Kristy Tompo* (hitanareo?), satria heveriko fa Izy no Tompontsika. Ankehitriny, ny *Anaran'i Jesosy* fotsiny, tahaka ny anaovan'ny sasany amin'ireo rahalahintsika batisa, izaho—eo no tsy ifanarahako (hitanareo?), satria fantatro fa manana sakaiza maro aho manana anarana hoe Jesosy, maro be—maro be amin'ireo sakaiza mpitory teny any Mexico, sy—sy Italie, sy ny sisa. Antsoin'izy ireo hoe *Jesosy* izy ireo, ary noho izany dia tsy ampy ny *Jesosy*. Teraka ho Kristy ilay Mpamonjy Izy, satria teraka ho Mpamonjy Izy, Kristy, ilay voahosotra. Ary valo andro taty aoriana vao nomena Azy ny anarana hoe *Jesosy*. Hitanareo? Noho izany dia Izy no Jesosy Kristy Tompo. Izany no naha-izy Azy. Eny àry.

**255. Rahalahy Branham, hamela anao hampianatra anay mikasika ny resaka fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana ve ny Tompo amin'ity fotoana ity? Fanontaniana: Afaka manambady vehivavy iray ve ny lehilahy iray ary misaraka aminy ka manambady iray hafa avy eo? Raha samy manambady iray hafa izy roa, dia samy mijangajanga ve izy roa? Nilaza ianao fa hifamatotra amin'ny taranaky ny menarana izany. Ahoana izany?**

200 Ankehitriny, ity—ity ny iray amin'ireo fanontaniana mamitaka indrindra ananantsika amin'ireto andiany ireto, ary izany no anontaniana indrindra eto amin'ny—eto amin'ny—eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao. Ankehitriny, henoy aho, ary manana antony iray ho an'ity aho. Raha nitondra marina tokoa ho an'ity fiangonana ity aho sy eo amin'ity horonam-peo ity izao maraina izao, ny zavatra marina mikasika ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana, dia ho nandrava ny fiangonana tsirairay ato amin'ny firenena izany, raha nihaino an'izany izy ireo. Hitanareo? Marina izany.

201 Ankehitriny, mianiana aho, ity mipetraka eto anoloako ity ny Baiboly, izaho manana eo an'ity fanontaniana ity, ny

HOY NY TOMPO HOE! Ary samy diso ny andaniny roa izay mifamaly. Ireo anankiroa izay manambady indray an'ilay efa nanambady sy ny sisa, dia samy diso izy roa eo amin'ny ataony, fa eo anelanelany no misy ny Fahamarinana, ilay afovoan'ny làlana. Izaho tsy-te. . . Hanao horonam-peo iray aho ka raha misy zavatra mitranga amiko, amin'izay fotoana izay dia afaka mandefa azy ireo rahalahy rehefa lasa aho (hitanareo?) ho an'ireo fiangonana. Fa izaho—te-hanao horonam-peo mikasika an'izany aho ary haneho aminareo fotsiny hoe aiza no misy an'izany; fa mandra-pahatsapako ho voatariky ny Tompo, dia tsy hilaza na inona na inona mikasika an'izany aho. Saingy tsapako fa amin'ireo zavatra ireo dia tsy maintsy tarihan'ny Tompo aho; raha tsy izany aho, dia hanao fanimbàna betsaka kokoa noho ny anaovako soa. Hitanareo?

202 Ankehitriny, tiako ianareo hanamarika an'ity. Fanontaniana: "Afaka manambady vehivavy iray ve ny lehilahy iray ka misaraka aminy ary manambady iray hafa avy eo; ary raha samy manambady iray hafa izy roa, dia samy mijangajanga ve izy roa?" Ankehitriny, ry sakaizako, tsy te-handratra ny fihetsehamponao aho, fa izany no Fahamarinana. Hoy Jesosy hoe, "Na iza na iza manambady an'izay voasaotra dia mijangajanga." Hitanareo? Izaho—tsy te-hilaza an'ilay izy fotsiny aho, fa izany no Fahamarinana.

203 "Nilaza ianao fa hifamatotra amin'ny taranaky ny menarana izany." Hitanareo? Tsy tsaroako aho nilaza an'izany, fa nilaza aho angamba tany ho any, nilaza zavatra mikasika an'izany.

204 Tahaka an'ilay indray andro, nanao zavatra nifangaro aho, sendra reko ilay izy, ary izany dia. . . Tratrako teo no ho eo ilay izy; ary eo amin'ny horonam-peo izany, ary izaho—handre avy amin'izany angamba aho. Raha niresaka mikasika an'ireo Trompetra Fito aho, dia nilaza aho fa trompetra fito ilay izy. Nanondro nankany amin'ny fety Pentekotista aho. Manomboka amin'ny fety Pentekotista ka hatrany amin'ireo fito. . . hatrany amin'ireo—ireo Trompetra, dia nisy Sabata fito. Sabata fito no teo anelanelan'ny Fetin'ny Paska ka hatrany amin'ny Pentekosta (hitanareo?), izay nanao an'ireo dimampolo andro. Hitanareo? Fa ny tiako notondroina, dia izany, hoy aho hoe, "Izany dia midika an'ireo Taom-Piangonana Fito."

205 Amin'io horonam-peo io, raha sendra mahazo azy ianareo na inona na inona, amin'io horonam-peo io ilay izy dia tokony ho, hoe ny volana fahafito taorian'izany dia nitondra ny—ny Fetin'ireo Trompetra, izay midika hoe ireo Taom-Piangonana Fito, fito volana, fa tsy Sabata fito. Sabata fito no nikasika ny. . . Nanazava an'izany aho teo. Nilaza aho hoe Sabata fito, tahaka an'izany, fa avy eo aho dia nanohy teo amin'io fisainana iray io ihany, nefa ilay izy dia ny volana fahafito aorian'ny Fetin'ny Paska, na, amin'ny Fetin'ny—ny Pentekosta, avy eo dia tonga ny fety rehefa avy nentina ny amboara, nahevaheva.

Hitanareo avy eo—avy eo. . .Tsaroanareo teo, fa mivadika ho mofo iray ilay amboara aorian'io fotoana io. Hitanareo? Rehefa ilay—ilay amboaran'ny. . .amboara anankiray, avy eo dia lasa mofo anankiray izy rehetra. Oh, fampianarana lehibe iray izany eo; tsy nokasihako ny sisin'izany. Fa raha sendra azonareo izany eo amin'ny horonam-peonareo, tsarovy, jereo ao amin'ny Baiboly. Hitanareo, ilay izy dia fito volana aorian'izany. Manisà fito volana: Janoary, Febroary, Martsa, Aprily, Mey, Jona, ary Jolay; ho Jolay izany, fito volana, izay maneho an'ireo Taom-Piangonana Fito feno. Mety haka an'izany ny mpitoriteny iray, ary amin'izay fotoana izay dia hanana an'izany ianareo, hitanareo, eo. Eny àry.

206 Ankehitriny, amin'ity eto ity, ndao—ndao—ndao isika somary fotsiny. . .Ianareo. . .Ity no lazaiko. Mamelà ahy hilaza an'ity, tsy ny Tompo, fa mamelà ahy hilaza azy. Raha manambady ianareo amin'izao fotoana izao, ka samy voavonjy ianareo roa, ary feno ny Fanahy Masina, ary mifankatia ianareo, ary manana zanaka kely (ankehitriny, tsarovy fa izaho ity, fa tsy ny Tompo. Hitanareo?), mandrosoa ary miaraha miaina; aoka ho sambatra; satria tsy afaka niaina niaraka tamin'ny vadinareo voalohany ianareo na tsy ho nanambady azy ianareo. Noho izany raha miala amin'ity ianareo ka miverina amin'ilay anareo voalohany, dia manao ratsy kokoa noho izay nataonareo tamin'ny voalohany ianareo. Hitanareo? Noho izany dia hitanareo, mikorontana tanteraka ianareo; tsy misy fomba hivoahana amin'izany. Fomba anankiray ihany marina tokoa no azoko lazaina avy ao amin'ny Baiboly: samia miaina ho mpitovo ianareo roa. Hitanareo?

207 Ankehitriny, fa. . .Izany no fomba tokana azoko lazaina izao ankehitriny izao, saingy misy zavatra hafa ao anatiny ao, izay izaho—tsy azoko tenenina aminareo ankehitriny, ary ny antony ilazako hoe, "Tsy izaho, fa ny Tompo, manohiza." Raha hany hitondra an'izany eo amin'ny horonam-peo iray ianareo, ary indray andro any, raha hitondra an'izany aho, dia tsarovy ny fomba nilazako an'izany. Raha hendry ianareo, dia ho afaka nahazo an'izany (hitanareo?), hoe ahoana no nilazako an'izany tamin'izany, ary amin'izay fotoana izay dia hahafantatra ianareo.

**256. Rahalahy Branham, tokony handeha any amin'ireo fiangonana hafa ve izahay na dia tsy mifanaraka aminao aza izy ireo?**

208 Eny, eny! Nanao an'izany i Jesosy rehefa tsy nifanaraka Taminy izy ireo. Mandrosoa. Mahamarika isika eto, hoy izy, "Tokony handeha any amin'ny fiangonana hafa izay tsy mifanaraka aminao ve izahay?" Azo antoka, izaho tsy. . . Tsy izaho irery no vato kilonjy eny amoron-dranomasina, fantatrareo. Misy—misy an'ireo lehilahy masina hafa mihitsy hatraiza hatraiza; manantena aho fa isan'izy ireo aho. Hitanareo? Fa aza tonga eto mihitsy. . .

209 Nantsoina mikasika ny zavatra tahaka an'ity aho indray andro. Ny—vondrona iray tany Arizona no nisarika ny fifantohako teo amin'izany. Hitanareo? Hoy ny vondron'ny mpitoriteny iray hoe, "Ny zavatra tokana anoheranay anao, Rahalahy Branham, dia (iray amin'ireo zavatra) ireo olona tonga eto miaraka aminao, tsy afaka mitondra azy ireo mankany amin'ny fiangonana na aiza na aiza izahay." Hoy izy, "Manana zanaka sy ny zavatra rehetra izy ireo; tsy handeha any am-piangonana izy ireo." Dia hoy izy, "Eny, noteneninay izy ireo fa tongasoa izy raha ho tonga—tonga ao amin'ny fiangonanay."

210 Ankehitriny, fantatro fa manery anareo izy ireo ary tiany ianareo hikambana, saingy tsy voatery hikambana ianareo; fa apetraho ao amin'ny sekoly Alahady any ho any ireo ankizy! Ary mandehana any am-piangonana ianareo; aza mijanona ao an-trano, mandeha manjono, sy mihaza, ary ireo zavatra tahaka an'izany amin'ny Alahady.

Hoy ianareo hoe, "Eny, tsy mpanaraka lalàna aho."

Eny, tsaratsara kokoa aminareo ny ho tahaka an'izany vetivety, tsy manaja ny fitsanganan'i Kristy ianareo. Mandehana any am-piangonana any ho any!

211 Raha izaho—raha nandeha aho. . .Raha tsy afaka manana aho. . .Raha nandeha tany amin'ny fiangonana *anankiray* aho ka fantatro fa misy zavatra anankiray fotsiny ihany hany lazain'ireo olona ireo izay ninoako: nilaza izy ireo fa izy ireo dia mino fa Jesosy no Zanak'Andriamanitra. Nilaza an'izany izy ireo (misalasala an'izany aho), saingy handeha aho handre azy ireo milaza an'izany. Angamba hoy ianareo. . .Ity fiangonana ity izany, angamba ilay fiangonana manaraka dia ho zavatra iray tahaka ny Batista. Hoy izy ireo hoe, "Hia, mino aho fa tsy maintsy manana traikefa ianao." Izaho dia—handeha hiaraka amin'izy ireo aho eo amin'izany. Noho izany dia mino aho fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra; mino aho fa tsy maintsy manana traikefa ianareo. Eny àry.

212 Avy eo angamba dia misy an'ireo Assemblées de Dieu. Ankehitriny, izy ireo dia mino. . .Hitanareo, izaho—ankehitriny dia afaka mihinana eo amin'ny sila-mofo telo na efatra miaraka amin'izy ireo aho (hitanareo?), satria afaka mino izy ireo. . .

213 Tahaka an'ilay indray andro, io olona iray io ihany no niantso ary te-hahafantatra mikasika an'izany, ary nilaza hoe, "Nilaza ianao. . ." (Io mpitoriteny any io, io lehilahy any io izay te-hiady hevitra an'izany. Rahalahy mampalahelo, ao anatin'izany fahadisoan-kevitra izany izy.) Hoy izy hoe, "Eny, Rahalahy Branham," hitanareo, hoy izy, "manohitra anareo Assemblées de Dieu izy." Ary raha sendra maka an'ity horonam-peo ity ny mpitoriteny iray an'ny Assemblée, dia tiako ianao hiteny amiko hoe oviana aho no mba nanohitra ny olon'ny Assemblée de Dieu na olona hafa! Nahoana izany, nefa ireo

foibenareo manokana dia manaiky fa izaho dia nandefa nankany aminareo ny telo ampahefatry ny iray tapitrisa tamin'ireo zanako izay naterako ho an'i Kristy? Ahoana no hanoherako ny Assemblées de Dieu? Nahoana aho no hanohitra ny an'ny Tokana? Izaho tsy manohitra ny an'ny Tokana, ny Assemblées de Dieu, ny Fiangonan'Andriamanitra, na olona! Manohitra ny rafitra rehetra izay mampisaraka ny olona aho.

214 Jereo, nandefa nankany amin'ny Assemblées aho, araka ny fanisan'izy ireo manokana, telo ampahefatry ny iray tapitrisa tamin'ireo zanako. Raha tena ratsy izy ireo, dia nahoana aho no nanao an'izany? Nahoana? Heveriko fa izany no tsara indrindra eto amin'ny firenena handefasana azy ireo, na ny an'ny Tokana na ny . . . ny sasany amin'ny finoana Pentekotista, satria mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy ireo; mino ny ivelan'ny voajanahary izy ireo; mino ny batisan'ny Fanahy Masina izy ireo. Izany no tsara indrindra . . . Izaho—tsy afaka mitondra azy rehetra ireo eto aho; manerana an'izao tontolo rehetra izao izy ireo. Manana sakaiza aho manerana an'izao tontolo rehetra izao, ireo zanaka izay naterako ho an'i Kristy. Halefako any amin'ny tsara indrindra izy ireo . . . Efa mba nandre ahy ve ianareo rehefa nanao antso iray eny amin'ny alitara aho? Milaza aho . . . Rehefa entiko eo izy ireo ka manao azy ireo ho voavonjy, dia milaza aho hoe, "Ankehitriny, mandehana mankany amin'ny fiangonan'ny Filazantsara Feno tsara iray ianareo ary mahazoa trano fiangonana iray ho anareo." Firy no mba nandre ahy nilaza an'izany? Azo antoka, azo antoka. Eny, nahoana àry aho no handefa azy ireo any? Ho mpihatsaravelatsihy iray ve aho handefa an'ireo zanako mankany amin'ny fahafatesana? Ho lavitra ahy anie izany. Tsia, tompoko!

215 Raha tsy afaka mandeha ianareo . . . Raha tsy afaka ho tonga eto amin'ny tabernakla ianareo, dia mitadiava fiangonana iray any ho any; mandehana any amin'izany. Tsy voatery haka an'izay rehetra alain'izy ireo ianareo. Izay ampahany amin'ny mofo hanin'izy ireo, dia hano ilay mofo. Rehefa mihinana tongolo gasy izy ireo, nahoana, avelao hipetraka tsara fotsiny izany. Hitanareo? Marina izany. Tsy afaka manao azy ireo hanao an'izany aho, fa izany no marina . . . Azo antoka, mandehana any am-piangonana. Na aiza na aiza isokafan'ilay varavaram-piangonana, dia mandehana mafy araka izay azonareo andehanana. Raha tsy mino izy ireo, eny . . . Ankehitriny, tsy mila mandray anjara ianareo. Aza mikambana amin'izy ireo, aza mikambana amin'ny iray amin'ireo fiangonana; fa mandehana mankany amin'izy ireo; miombòna amin'izy ireo. Ahoana no ahafantaranareo fa tsy ny Tompo izany? Nilaza Izy fa hanao ny zavatra rehetra hiara-hiasa hahasoa Izy! Ary angamba misy fanahy iray ao izay tokony hovonjena, ary afaka mampamiratra ny Hazavana amin'izy ireo ianareo. Hitanareo?

Mandehana mankany. Aza miavonavona, mandehana mora fanahy; dia hanomboka hilaza ny olona hoe, "Izany no vehivavy Kristiana iray, ary mpivady Kristiana iray; izany no zazalahy na zazavavy Kristiana iray. Oadray, ho tiako ny. . . Ry tovolahy, mihetsika marina tokoa toy ny hoe manana zavatra izy ireo." Hitanareo? Ary hoy izy ireo, "Inona izany?"

"Io ilay izy." Avy eo dia teneno amin'izy ireo. Fa aoka ho mamy sira fotsiny ianareo, dia hangetaheta izy ireo.

**257. Rahalahy Branham malala: Mino ve ianao fa tokony hanaraka an'izay rehetra manana ny Fanahy Masina ireo famantarana?**

Jesosy no niteny an'izany, Marka 16.

**Raha eny, dia ahoana ny amin'ireo olona izay mino ny Hafatra amin'izay rehetra ao anatiny, kanefa tsy manana an'ireo famantarana ireo? Tsi-mpino ve izy ireo sa mila ny Fanahy Masina? Raha eny, dia ampianaro anay androany, hoe ahoana no handraisana ny Fanahy Masina. Mino izahay fa ianao no mpitondratenin'Andriamanitra amin'ny andronay. Ny rahalahinao.**

216 Misaotra anao, ry rahalahiko, nohon'ny fiheveranao ahy ho—ho rahalahinao, ary heveriko fa fanontaniana iray tena tsara izany. Ry sakaiza, eny, tsirambina kely iray izany. Tiako ny hamelabelatra lavalava kely kokoa eo amin'izany raha vitako. Hitanareo? Tsirambina izany. Jereo! Ny sasany aminareo. . . Hitanareo? Rehefa, tsy afaka mandray ny batisan'ny Fanahy Masina ianareo raha tsy manana fahatsapana iray rehefa mitranga izany. . . Ankehitriny, raha mino ianareo "ny pentina tsirairay an'ny Teny," milaza ianareo. . . Milaza ianareo fa mino ny pentina tsirairay an'Izany, amin'izay fotoana izay dia mipetraka ao ny Teny miandry ny Fanahy Masina hanao an'Izany hiasa; saingy mila ny firehetan'ilay labozia izany.

217 Ity ilay labozia miaraka amin'ny lahin-jiro ao anatiny, ary miaraka amin'ny—ny jabora rehetra, ary izay rehetra tokony ananany ao anatin'io labozia io; fa mandra-pahatongan'ny afo eo aminy, dia tsy hampamirapiratra hazavana mihitsy izy. tsy mampaninona na tanteraka toy ny ahoana aza ilay labozia, ary tanteraka toy ny ahoana no hirehetany sy ny zavatra rehetra, tsy maintsy ampirehetina izy, ary amin'izay fotoana izay izy vao hirehitra. Ary rehefa mino sy voaorina amin'ny fampianarana ny amin'ny hoe inona ny Fanahy Masina ianareo, fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, ny voa izay entin'Izany, raha tsy midina miaraka amin'ny fahatsapana mirehitra ny Fanahy Masina ka mandrehitra an'io labozia io, amin'izay fotoana izay ianareo dia—ianareo dia. . . tsy nandray ny Fanahy Masina ianareo. Hitanareo? Tsy maintsy manana an'ilay fahatsapana ianareo mba hahazoana ny Fanahy Masina.

**258. Mikambana amin'ny sendikàn'ny mpiasa iray aho. Ratsy ho an'ny Kristiana iray ve izany? Hoy ny Teny hoe, "Aza mianiana—aza mianiana." Tsy maintsy mianiana izahay fa hanohana ny lalàm-panorenan'ny sendikàn'ny mpiasa. Tsy nandray anjara mavitrika aho hatramin'ny nahalasa ahy ho Kristiana iray, saingy mbola mandoa an'ireo latsak'emboko foana aho.**

**259. Voafafa tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ve ny anaran'i Jodasy Iskariota, sa tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry izany?**

218 Eny àry. Momba ny sendikàn'ny mpiasa, fantatro fa ianao dia miasa. . . Ianareo lehilahy dia manana an'ireo sendikàn'ny mpiasa sy ny sisa izay ianareo. . . Raha te-hiasa ianareo, dia tsy maintsy mikambana amin'izany. Marina tokoa izany. Tsy maintsy manao an'izany ianareo. Saingy araho maso izany (hitanareo?), satria ho tonga avy amin'ny asa izany hankany amin'ny fivavahana indray andro any. Hitanareo? Ankehitriny, tsarovy fotsiny, izany no mpialoha làlana iray an'ny zavatra rehetra izay ho lasa firaisana. Tsy afaka miasa ianareo; tsy hamela anareo eo amin'ilay asa izy ireo; ianareo dia—ianareo dia "mpamadika" iray, raha tsy ianareo—raha tsy mikambana amin'io sendikà io ianareo.

219 Ankehitriny tsarovy, ianareo olona tanora, tsarovy izay lazain'i Rahalahy Branham. Ary enga anie ireo teniko ho vita sokitra amin'ny penina vy ao amin'ny—ny—ny tendrombohitra vy iray! HOY NY TOMPO HOE, izany ilay zavatra iray ihany izay hitranga ao amin'ny fivavahana. Hikambana amin'ny karazana anaram-piangonana iray ianareo, raha tsy izany dia tsy afaka hividy na hivarotra ianareo. Noho izany dia mitandrema tsara, Rahalahy. Avelao handeha ho an'ny asa irery fotsiny ihany izany. Araho maso izany; fampitandremana iray izany!

220 "Voafafa tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ve ny anaran'i Jodasy Iskariota, sa efa teo amin'Izany hatramin'izay?" Eny, efa teo amin'Izany ilay izy ary voafafa. Hitanareo? Satria ao amin'ny Matio ny toko faha-10, dia niantso an'i Jodasy sy ny sisa rehetra tamin'izy ireo Jesosy, ary nanome fahefana azy ireo hanohitra an'ireo fanahy maloto. Dia nivoaka izy ireo ka namoaka devoly, ary hoy Jesosy hoe, "Nahita an'i Satana latsaka avy tany An-danitra mihitsy aza Aho." Marina ve izany? Dia niverina izy ireo, ireo mpianatra rehetra ireo niaraka, ka nifaly izy ireo; ary hoy Izy hoe, "Aza mifaly fa ny anareo. . . manaiky anareo ny devoly, fa mifalia fa voasoratra eo amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anaranareo." Hitanareo? Marina izany. Ary niaraka tamin'izy ireo mihitsy i Jodasy! Hitanareo?

221 Noho izany dia tsarovy, eo amin'ny Fitsarana, diniho, eo amin'ny Seza Fitsarana, "Napetraka ny fitsarana; novelarina

ireo boky; ary nisy Boky iray hafa novelarina, dia ny Bokin'ny Fiainana, ary ny olona rehetra dia notsaraina toy izany."

222 Ankehitriny, eo ianareo izao, ny amin'ilay fanontaniana vao teo. Hitanareo? Eo amin'ny Seza Fitsarana. Jesosy, ilay Fiangonana, ilay Ampakarina, dia nakarina, niakatra nankao amin'ny Voninahitra, ary tany ambony tany ka nanambady, niverina teto an-tany indray, ka niaina arivo taona. Teo amin'ny fiafaran'ireo arivo taona dia novahana avy tao amin'ny tranomaiziny i Satana, izay nofatoran'ny Anjely iray tamin' ny rojo, tsy rojon-kazo iray, fa rojon'ny toe-javatra; tao amin'ny helo ireo olony rehetra. Izay rehetra natsangana teto an-tany dia navotana ary niaraka tamin'izy ireo Jesosy. Tsy afaka niasa teo amin'ny inona na inona izy; fa teo amin'ny fiafaran'ireo arivo taona, ny fitsanganana faharoa... "Sambatra sy masina izay manana anjara amin'ny fitsanganana voalohany izay tsy ananan'ny fahafatesana faharoa fahefana."

223 Mariho ankehitriny, ao amin'io fitsanganana faharoa io, rehefa miseho izy ireo, dia novahana avy tao amin'ny tranomaiziny nandritry ny vanim-potoana kely i Satana; avy eo dia napetraka ny fitsarana. Diniho ankehitriny, Jesosy miaraka amin'ny Ampakarina, amin'ny maha-Mpanjaka sy Mpanjakavavy, mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana, Seza fiandrianana Fotsin'ny Fitsarana; ary novelarina ny boky, ireo bokin'ny mpanota. Ary nisy Boky iray hafa novelarina, dia ny Bokin'ny Fiainana; ary ny olona rehetra dia notsarain'ny Ampakarina toy izany. "Tsy fantatrareo ve (mitondra an'ireo raharaha kely ireo eo anatrehan'ny lalàna), tsy fantatrareo ve fa ireo olo-masina no hitsara ny tany?" Hitanareo, hitanareo? Eny àry.

**260. Azonao azavaina ve azafady hoe iza ilay vondrona an'ny Apokalypsy 20:4? Ampahan'ny Ampakarina an'ny lasa ve izy ireo sa an'ny ho avy?**

224 Izy ireo no Ampakarina tanteraka, na lasa na ankehitriny. Izy ireo no Ampakarina feno, satria miaina ao anatin'ny Arivo taona izy ireo. Eny àry.

**261. Afaka ve ianao azafady...**(Eny, ilay fanontaniana iray ihany izany.) **...Apokalypsy 20:4, izy ireo ve no fanahin'izay notapahan-doha nohon'ny filazana an'i Kristy izay tsy nivavaka tamin'ny bibidia na nandray ny marikany ao amin'ny** (Oh, hitako izay ahatongavan'izy ireo ankehitriny. Vao avy nomena ahy ity, vao avy natolotra ahy.) **...satria voalaza fa velona sy nanjaka niaraka tamin'i Kristy arivo taona izy ireo? Noho izany dia manahiran-tsaina ilay izy, nohon'ny fanenjehana ny Ampakarina, fa ho iza indray moa izy ireo ka hanjaka miaraka amin'i Kristy arivo taona? Izy ireo ve—izy ireo...**

**izy ireo ve no ho ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy?**

Tsia, tsia! Izy ireo no Ampakarina. Ankehitriny, tsarovy, tsarovy, izy ireo . . .

225 Hoy ianao hoe, "Nefa notapahan-doha izy ireo nohon'ny filazana . . ." Ankehitriny, hoy ianao hoe, "Satria ny . . . tsy nivavaka tamin'ny bibidia . . ." Azo antoka! Hoy ianao hoe, "Mbola ho avy ilay bibidia."

226 Ilay bibidia dia efa teo foana; ny bibidia no anankiray izay nandefa azy ireo tao amin'ireo lavaky ny liona ireo, nandefa azy ireo teo amin'io kianja io tany Roma. Izany no antikristy; izany ilay bibidia tany mihitsy, nanangana endrika fivavahana iray. Mitovy marina tokoa, saika, modely iray. Niala tamin'ny Baiboly mihitsy ilay fiangonana Romana, ary avy eo . . . Ny nataon'izy ireo, nandrafitra an'ilay zavatra izy ireo ary nanao fikambanana iray ka nanao fi—fiangonana maneran-tany iray avy amin'izany, ary izay rehetra tsy niankohoka tamin'izany dia tsy maintsy noravàna. Hitanareo? Izany ilay izy.

227 Ary avy eo tao amin'ny ampahan'ilay Vatana izay nisy tamin'izany . . . Ankehitriny, ilay Vatana dia nitombo tahaka ny hazo iray fotsiny mandra-Pahatongany teo amin'ny Loha. Hitanareo? Ary ny rehetra, na maritiora, na nenjehina, sy ny sisa . . .

228 Fa Jesosy nanome antsika fiadanana amin'ity ilan'ny renirano ity, tahaka ny Nataony tamin'ireo foko izay . . . tany (hitanareo?) tsy niampita. Ankehitriny.

**262. Inona no azoko atao ho azy? Tokony hanohy** (Oh!) **hikarakara an'i Dada any amin'ilay toeram-piompiana ve aho? Inona no azoko atao . . . hanao fi—fivelomana ho an'ny . . . ?** Ary manasonia ny anarany izy.

Eny, ry rahalahiko . . . Izany—voasoratra eto izany. Tsy fantatro hoe iza . . . Izao no voalaza, "Rahalahy Branham . . ." Ilay izy dia manomboka fotsiny hoe, "Inona no azoko atao ho azy?"

229 Ankehitriny, angamba zazalahy iray mikasika ny dadany. Jereo, ry Rahalahy malalako, sambatra ianao raha hikarakara ny dadanao, satria ny rainao no nikarakara anao fony ianao tsy afaka nikarakara ny tenanao. Ary ny didy voalohany miaraka amin'ny teny fikasana, ny didy voalohany miaraka amin'ny teny fikasana: "Manajà ny rainao sy ny reninao mba ho maro andro ambonin'ny tany izay omen'ny Tompo Andriamanitrao anao." Hitanareo? Hia, karakarao amin'ny fomba rehetra izay vitanao i Dada. Jereo izay ahazoany ny tsara indrindra.

**263. Nilaza ianao fa i Kaina dia avy amin'ny taranaky ny menarana. Nahoana i Eva no nilaza hoe, "Efa nahazo lehilahy avy amin'ny Tompo aho"?**

Eto isika izao. Tsaratsara kokoa ho ahy ny miandry aorian'ny sakafo hariva eo amin'ity. Hia, hiandry aorian'ny sakafo hariva aho eo amin'izany. Oh, hila fotoana kely hanazavana an'izany. Eny àry.

**264. Rahalahy Branham malala: Hanazava amiko an'ity andininy ity ve ianao, Isaia 2:2: "Ary izao no hiseho fa amin'ny andro farany, ny tendrombohitry ny Tompo. . .ao an-tendrombohitry ny tranon'ny Tompo dia haorina eo an-tampon'ny tendrombohitra, ary hasandratra ho avo noho ny havoana; ary ny firenena rehetra hitanjozotra hankany."**

230 Eny, nanao aho, ny Alahady talohan'ny farany. Hitanareo? Ny—ny tranon'ny Tompo dia haorina eo an-tampon'ny tendrombohitra, ary ny firenena rehetra hitanjozotra hankany. Ilay goavana. . .Ianareo raha tsy manana ny. . .Raha manana an'ilay horonam-peo mikasika ny *Fonenana ho Avin'ny Mpampakatra sy ny Mpampakatra* ianareo, dia tahaka an'izany marina tokoa no anazavany an'izany.

Oh, oadray! Tsara amiko ny mijanona izao ankehitriny izao, satria oadray, oh oadray, rahalahy, tsy ho vitantsika mihitsy ireto rehetra eto ireto. Fioo!

**265. Rahalahy Branham, ny. . .**(Ndao jerentsika hoe inona ity.) **Rahalahy Branham, inoan'ny ankamaroan'izay manaraka ny Hafatrao fa ianao no Mesia amin'izao andro izao. Marina ve izany?**

231 Tsia, tompoko!

**Teneno aminay mazava, Rahalahy Branham. Toa misalasala ny hampahafantatra ny tenanao ianao, ary fantatray fa miaraka amin'ny asam-panompoana iray tahaka an'izao izay nomen'Andriamanitra anao, dia tokony ho voatondro ao amin'ny Soratra any ho any ianao.**

**266. Nomerao—Nomerao 2: Noteneninao taminay ny tanjonao nandeha tany Arizona tamin'ny voalohany. Noteneninao taminay hoe nahoana, ary niseho ilay izy, nefa tsy noteneninao taminay hoe nahoana ianao no niverina indray.**

232 Voalohany, tsy Mesia aho! Hitanareo? Ny *Mesia* dia Jesosy Kristy, fa isika dia "Mesia kely," ny tsirairay avy amintsika. *Mesia*, *Mesia* dia midika hoe "Anankiray voahosotra." Ary tao Aminy no nonina ny fahafenoan'ny maha-Andriamanitra ara-batana; ny ampahany amin'Ny Fanahiny fotsiny no monina ato amiko, tahaka an'izay monina ao anatinareo. Nomena fanomezam-pahasoavana iray aho mba—mba—mba hahafantatra zavatra kely sy hahita zavatra mialoha. Izany dia mbola manao ahy foana ho rahalahinareo. Hitanareo? Tsy izaho no. . .tsy Mesia; rahalahinareo aho (hitanareo?), mpiandry an'ilay andian'ondry fotsiny. Ary raha niteny taminareo aho fa

izaho no Mesia, dia ho mpandainga iray aho. Hitanareo? Ary tsy te-ho mpandainga iray aho.

233 "Ankehitriny, nahoana aho no nandeha tany Arizona voalohany?" Azonareo izany. Nandeha tamin'ny Anaran'ny Tompo aho, satria nirahina tany tamin'ny alàlan'ny fahitana iray. Niverina fanindroany aho ho an'ny tanjona iray. Avelao hipetraka tsara fotsiny izany. Fantatro hoe nahoana aho no nandeha; tsy afaka miteny ny zava-drehetra aho. Rehefa ianareo . . . ny devoly tsy mahafantatra, tsy afaka maka an'izany ao am-poko. Raha teneniko ilay izy, amin'izay fotoana izay dia afaka maka an'izany izy, fa izy tsy . . . tsy azony alaina izany rehefa ao am-poko. Raha hoy aho hoe, "Andraso mandrapisehon'izany!" . . . Tsarovy fotsiny, tehirizo ity horonam-peo ity; nandeha tany Arizona aho nohon'ny antony iray. Mahareta amiko azafady. Hitanareo? Ataovy fotsiny izay teneniko mba hataonareo (hitanareo?); izao fotsiny—ataovy fotsiny izay lazaiko hatao. Hitanareo?

**267. Rahalahy Branham, manana fanontaniana vitsivitsy aho tiako apetraka—apetraka aminao. Nandre olona aho nilaza fa nanoro hevitra ny olona ianao mba hivarotra ny rehetra . . .** (Tsaratsara kokoa amiko ny hamela an'ity anankiray ity hipetraka tsara ihany koa. Ndao jerentsika. Eny, efa fotoana hijanonana izao. Alaintsika angamba ity aorian'ny sakafo hariva, fa izaho—hovaliako ity na hiezaka ny tsarako indrindra. Tsy fantatro; vao avy natolotra ahy ilay izy. Hitanareo? Nitondra eran'ny tànana ho ahy fotsiny i Billy teo—teo am-baravarana. Hitanareo?) **Nandre olona aho nilaza fa nanoro hevitra ny olona ianao mba hivarotra ny tranony rehetra ka hanaraka anao any Arizona raha tsy izany—raha tsy izany dia tsy ho ao amin'ny Fampakarana izy ireo. Marina ve izany?**

234 Lainga izany. Hitanareo? Ah-hah!

**. . . sa tokony hivarotra ny tranonay izahay, sa ianao mihitsy aza no nilaza an'izany?**

235 Tsia, tompoko! Tsy nilaza an'izany aho! Raha nisy zavatra, dia nanoro hevitra ny olona aho tsy hanao izany. Ah-hah! Tsarovy, tsarovy ny nofin'i "Junie" Jackson tamin'ny fotoana nandehanako tany? "Junie" dia nanonofy hoe izy dia nahita an'io . . . Firy no mahatsiaro an'ilay nofy, ary ahoana no nanomezan'ny Tompo ny fandikana. Io tendrombohitra lehibe io, nitsangana teo amboniny izahay, ary nisy soratra tranainy efa vasoka teo; ary niezaka aho nandika azy, nefa tsy vitako ilay izy. Ary izaho—nadikako tamin'izy ireo izany. Rehefa voadikako izy rehetra, voadika izy rehetra, tamin'izay fotoana izay dia nanatsotra tànana aho ary nahazo (tao amin'ny nofiny ankehitriny) karazan'ny, mitovy, amin'ny tsivalam-by iray ka nanapaka fotsiny ny tampon'ilay tendrombohitra dia nijery tao

anatiny tao, ka fotsy toy ny oram-panala izy rehetra, mitovy amin'ny marbra. Fa tsy voasoratra teo amboniny, ary hoy aho hoe, "Mijanòna eto ianareo rehetra ka jereo eo ambonin'ity ankehitriny, raha handeha ho ery aho."

236 Ary "Junie" . . . Lasa izy rehetra ireo sy ireo rahalahy rehetra ka nijery teo ambonin'izany, ny iray hafa . . . Tsy nety nahazo izy ireo; hoy izy, "Eny, inona no fantatrao? Tsy voasoratra akory aza ilay izy eto," kanefa namaky ny ivelan'izany izy. "Nahoana no tsy voasoratra ilay izy eto? Tsy mety mahazo izahay."

237 Ary nitodika i Junior ka nijery, ary nahita ahy nandeha nankany andrefana izy, nankany amin'ny filentehan'ny masoandro, nandalo teo amin'ny tendrombohitra anankiray, tendrombohitra iray hafa, tena haingana, lasa fotsiny . . . Ary avy eo dia nitodika izy ireo ary nijery ka nahita ahy nandeha; nandeha tamin'ity làlana ity ny vondrona goavana iray manontolo tamin'izy ireo, ary te-handeha tamin'*ity* izy ireo ka hanao an'*itsy*, rehefa avy niteny tamin'izy ireo aho mba hijanona teo. Mijanòna eo, mijanòna eto mihitsy; ity ilay toerana.

238 Ary avy eo, rehefa nanao an'izany aho, tamin'izay fotoana izay, dia nandeha marina tokoa; ary taoriana kelin'izany, dia niseho tamiko ilay Anjelin'ny Tompo, nanao hoe, "Mandehana mankany Arizona any." Reko io fipoahana nandeha io ary nandeha tany aho, ka inona ilay izy? Marina tokoa io nofy izay nofisin'ilay zazalahy io, ary ny Tompo no nanome an'ilay marina . . . Tsarovy, hoy aho hoe, "Misy zavatra handehanako any." Ary rehefa nandeha tany aho, dia ilay zava-miafin'ireo Tombokase Fito izany, izay voaisy tombokase tao anatin'io tendrombohitry ny Tompo io. Niverina avy hatrany aho niaraka tamin'ny fanokafana an'ireo Tombokase Fito. Hitanareo?

239 Tsia, tsy tokony hanao an'izany ianareo. Raha te-handeha ianareo, dia miankina aminareo izany. Mazava ho azy, izaho tsy . . . Oadray, tsy ahoako izay andehananareo, fa raha hanao an'izany fotsiny, mihevitra fa avy any no hiainga ny Ampakarina, dia diso ianareo.

240 "Efa reko koa io . . . Izaho dia (Mamelà ahy . . . Diso ny nahazoako azy any ho any eto. Ndao jerentsika.) . . . ny Fampakarana. Marina ve izany sa tokony hivarotra ny tranonay izahay, sa efa mba nilaza an'izany ianao?" Tsia, tsy nilaza an'izany mihitsy aho. Tsy izaho mihitsy . . . Nanoro hevitra ny olona foana aho mba hijanona eo amin'izay misy anareo ary hanohy handroso mandra-pihavin'i Jesosy. Raha efa niteny taminareo imbetsaka aho, dia aoka ity horonam-peo ity no ho tsangambato; aoka ity andro ity no ho tsangambato; aoka ny teniko no ho tsangambato; izaho tsy mihitsy, na indray mandeha aza, hany niteny tamin'olona, hany nanao proselyta, hany niezaka nitaona olona ho tonga ato amin'ity fiangonana ity!

Izaho tsy mihitsy. . .Raha ny amin'ny fitenenana tamin'izy ireo hiala amin'ny fiangonany manokana ka hivarotra ny fananany sy ny sisa, Andriamanitra no mahafantatra fa nanoro hevitra ny olona foana aho mba hijanona ho Kristiana iray ary hijanona eo amin'izay misy anareo mandra-piantsoan'Andriamanitra anareo. Ny olona rehetra dia mahafantatra an'izany. Mijanòna eo mihitsy! Fa ankehitriny, ny miteny amin'ny olona. . .Hoy ny olona iray hoe, "Eny, te-handeha eto aho. Izaho te-hipetraka any. . . " Mandehana any amin'izay tianareo handehanana; mety tsara izany. Tsy ahoako izay andehananareo; tsy asako izany.

241 Fa ankehitriny, ny mihevitra fa. . .Hitanareo, inona no ataon'izany? Manomboka fombam-pivavahana iray izany (hitanareo?), ary avy eo dia izaho no tratry ny olana. Manana vondrona iray izy ireo any ankehitriny izay hivelona amin'ny fiantrana tsy ho ela. Ary avy eo dia ho lasa inona izany? "Tonga eto izahay ho amin'ny Fampakarana ny Ampakarina." Izay fotsiny no andrasan'ireo gazety! Miandry ny hahazo an'izany izy ireo rehefa latsaka ao amin'ny fiantrana ary tsy afaka miverina any an-tranony. Avy eo dia inona no hataon'izy ireo?

242 "Eny, nanaraka an-dRahalahy Branham eto izahay. Natao ho. . . " Ary tsy manan-tsiny mihitsy amin'izany arak'izay maha-izy ahy aho. Ireo olona malala, mamy, izy ireo—fantany fa tiako izy ireo, ary na dia ao amin'ny fahadisoany aza. Ary izy ireo. . . Nahoana, ny. . .Izy ireo. . .Tiako izy ireo na ahoana na ahoana. Hitanareo? Tiako izy ireo; zanako izy ireo; fa tsy hihaino ahy fotsiny izy ireo, izay ezahako tenenina amin'izy ireo. Miezaka manao zavatra amin'ny Anaran'ny Tompo aho, nefa tsy hamela ahy hanao an'izany izy ireo. Hitanareo? Manohitra ahy tokoa izy ireo raha tokony homba ahy. Izy ireo dia manao. . .

243 Tsy efa niteny taminareo ve aho hoe raha mba nisy hafatra iray voatory, dia ho eto amin'ity tabernakla ity mihitsy izany; ny zavatra rehetra izay tokony hataoko, dia ho tonga eto aho ary hiteny aminareo aloha, avy amin'ity tabernakla ity mihitsy? Izany no fampanantenako!

**268. Izao koa, reko fa misy fampianarana iray, hoe boky iray izay nosoratanao taona maro lasa izay mikasika ny mofon'aina. . . Adikan'izy ireo izany hoe tsy maintsy miaraka aminareo izahay rehetra fa raha tsy izany dia ho diso ny Fampakarana.**

244 Eny, diso ilay boky. Ny bokin'*Ny Mofon'Aina*, tsaroako izany ankehitriny. Izany no namahana ny fiangonana maneran-tany, hatraiza hatraiza. Hitanareo, ny olana amin'ilay izy dia. . .Ankehitriny, ankehitriny, ianareo olona, mafy orina ny tenanareo, saingy tsy maintsy manana an'izany ianareo. Manaraka ny fivoriana rehetra izany. Ny—ny. . .

Namaky mikasika an'i Martin Luther teto aho vao tsy ela akory izay, tsy mampitaha ny tenantsika amin'izany; fa

io dia fanavaozana iray mitovy amin'ity ihany. Ary ilay—ilay fanontaniana dia . . . Ireo—ireo—ireo mpahay tantara, hoy izy ireo hoe, "Zavatra mahagaga ny mieritreritra fa i Martin Luther dia afaka nanohitra ny fiangonana Katolika ary nilamindamina tamin'izany. Zavatra iray nahafinaritra izany, saingy," hoy izy ireo, "ny zavatra nahafinaritra indrindra mikasika an'i Martin Luther dia tsy izany. Ahoana no nahafahany nihazona ny lohany teo ambonin'ny fanatisma rehetra izay nanaraka ny fivoriany nefa mbola mijanona ho mahatoky amin'ny Teny foana, ny antsony . . . " Hitanareo?

245 Tsia, tompoko! Aza mametraka ny anareo manokana . . . Ny lehilahy na vehivavy rehetra izay mametraka na inona na inona eo amin'izay lazaiko, dia tsy mino an'izay lazaiko. Izy ireo tsy . . . Milaza izy ireo . . . Izy ireo . . .

**269. Mikasika an'ireo fianakaviana izay nivarotra sy nifindra tany Sierra Vista, Arizona koa, izay nadikan'izy ireo avy tamin'ny iray amin'ireo horonam-peonao mitondra ny lohateny** (iray minitra fotsiny) ***Betlehema Kely—Betlehema Kely*, ny Fampakarana dia hiseho any Arizona. Nanoro hevitra azy ireo handeha any ve ianao?**

246 Tsy nanao tokoa aho. Rehefa nanoratra taratasy iray mikasika an'izany izy ireo, olona iray eto Connecticut na zavatra hafa, namaly an'ilay taratasy aho ka nanao hoe, "Manao an'ilay fifindrana ratsy indrindra hany nataonao teo amin'ny fiainanao ianao. Aza manao zavatra tahaka an'izany." Hitanareo, ianareo tsy afaka . . . Eny, tsarovy fotsiny, ianareo olona . . . Ankehitriny, ianareo rehetra dia mahafantatra fa tsy miteny amin'ireo olona ireo hanao an'izany aho; miteny amin'izy ireo mba tsy hanao an'izany aho. Saingy hitanareo, tsy maintsy manaraka an'ilay fivoriana izany. Nahoana ny olona no miantso ahy hoe *Mesia*? Nahoana ny olona . . . ? Izy ireo dia mitondra . . . Eny, naneho tamiko ny lehilahy iray indray andro, nanana zavatra kely izy dia lasa . . . nanohy nitondra, nila ny olona rehetra hatao batisa amin'ny anarako. Hanao ahy ho antikristy iray izany! Saingy tsy manohana an'ireo zavatra ireo aho, ary ianareo olona rehetra dia mahafantatra an'izany. Saingy hitanareo, izany dia . . . Manondro ny Hafatra ho marina fotsiny ihany izany.

247 Tsy tonga ve izy ireo ka niteny tamin'i Jaona, na izany aza, izay nialoha làlana ny fihavian'i Kristy voalohany hoe, "Tsy ianao ve no Mesia?"

Hoy izy hoe, "Tsy izy aho! Tsy mendrika ny hamaha ny Kirarony akory aza aho. Tsy mendrika ny hijery Azy akory aza aho." Hitanareo? Fa hoy izy hoe, "Izay avy ao aoriako . . . "

**270. Ankehitriny, Rahalahy Branham, diso zavatra iray ve isika? Ireo olona ireo dia milaza fa mino ny teny tsirairay izay lazainao ho marina.** (Saingy tsy mino izy ireo! Tsy mino an'izany izy ireo. Ny fihetsik'izy ireo manokana no

manaporofo fa tsy mino izy ireo.) **Mba ampahafantaro ahy azafady ny valinteninao mahitsy: eny na tsia** (Efa azonao ilay izy! Eny àry.) **mikasika an'ireo zavatra ireo, ary raha marina izany**, **te-hiomana handeha hikambana amin'ny sisa amin'izy ireo any izahay. Ah-hah. Ny sisa amin'izy ireo . . . Misaotra anao betsaka aho ny amin'ny valinteninao ho an'ireo fanontaniana ireo, satria hiandry aho ny handre azy ireo amin'ny Alahady izao, raha haharitra ny Tompo.**

248 Oh, oadray! Eny, Rahalahy, Ranabavy, izaho—manantena aho fa azo (hitanareo?) fa tsy nanao an'izany aho, tsy manao . . . Ankehitriny, raha ny olona . . . Oh, azo antoka, raha te-ho tonga any Arizona ianareo mba hipetraka . . . Ary ankehitriny, ho any Arizona aho angamba amin'ity enim-bolana voalohany ity. Tsy maintsy miverina eto aho. Izaho dia hanana . . . Izaho—te-hijanona any aho; salama kokoa ireo ankizy ary ny zavatra rehetra. Izaho—te-hijanona vetivety any aho, ary manana tanjona iray aho. Tsarovy ankehitriny, eo amin'ny horonam-peo, HOY NY TOMPO HOE, manana tanjona iray amin'ny fanaovana an'izay ataoko aho; fantatrareo fa manana aho; fa tsy azoko tenenina aminareo izany.

249 Nahoana aho no miteny aminareo tsy hivarotra ny tranonareo? Ho tonga eo amin'ny tsy fananana ianareo, ary handoa an'izany ianareo. Aza manao an'izany. Tsy hijanona any Arizona afa-tsy vetivety aho. Nahoana? Tsy afaka manao an'izany aho ankehitriny.

250 Raha avelako hijanona any ireo olona ireo ary hivelona amin'ny fiantrana, dia inona no hitranga? Avy eo, izany marina tokoa no andrasan'ireo anaram-piangonana sy izy rehetra ireo. "Aha, efa noteneniko taminareo izay tao aoriany, sekolin'ny mpaminany iray hafa na zavatra!" Hitanareo? Eo ianareo izao, izany mihitsy no andrasan'izy ireo! Sady izay koa, ireo olona ireo, izaho no tompon'andraikitra amin'izy ireo; na dia tsy nanao an'izay noteneniko tamin'izy ireo mba hatao aza izy ireo, ary nanao marina tokoa . . . Hoy ianareo hoe, "Avelao izy ireo handeha; izy ireo—nanao an'izay notenenninao tamin'izy ireo mba tsy hatao izy ireo!" Tsy ao am-poko izany. Mbola te-hitady azy ireo foana aho. Zanako izy ireo. Mety hanome kapoka kely azy ireo aho rehefa mamerina azy ireo, saingy izaho—saingy izaho—azoko antoka fa hitady azy ireo aho. Ary ahoana no hataoko any?

251 Hoy izy ireo hoe, "Tonga izahay hanaraka ny Teny." Tsy manana fiangonana iray handefasana azy ireo any akory aza aho. Ny karazana fiangonana izay halehan'izy ireo any dia ilay karazany iray ihany izay ilaozanareo any amin'ireo toerana hafa, ratsy kokoa angamba. Hitanareo? Ary tsy handeha any am-piangonana izy ireo na ahoana na ahoana, ary tsy manana fiangonana hitoriana teny amin'izy ireo aho. Noho izany dia voatery ara-moraly aho hitondra ny zanako hiala ao Arizona, izay . . .

252 Manontany zavatra aminareo aho. Nitory hafatra mihoatra ny telopolo aho tao amin'ity fiangonana ity tamin'ny taona lasa. Ary nandritra ny dimy taona, tany ivelany, hatramin'ny naha-tany Arizona ahy, Nitory tao amin'ity fiangonana ity aho tao anatin'ny taona anankiray mihoatra noho izay nitoriako tao anatin'ny dimy taona tamin'ny fotoana hafa (izany tokoa!), tato amin'ny fiangonana. Ity no toeram-pamaharako; ity no foibeko; eto no ipetrahantsika. Ankehitriny, hazòny ao an-tsaina izany tsy mampaninona izay miseho. Ankehitriny, raha hendry ianareo, dia hahatakatra zavatra. Tsy mampaninona izay miseho, ity no foibentsika, eto mihitsy! Ary tehirizo ao an-tsaina izany ka mitodiha amin'ity horonam-peo ity indray andro any, izay nandrenesanareo ahy naminany. Eny àry, tsarovy izany!

253 Raha tianao . . . raha tsy maintsy miala ianao ka ho tonga any am-piangonana, aza mandeha any mba hahita an'izany, satria tsy any akory aza aho. Tsy manana toerana haleha aho; tsy manana toerana hitoriana teny aho. Tsy hamela ahy hitory teny ao amin'ny fiangonany izy ireo. Tsy manana toerana iray akory aza aho, ary nampanantena an'ireo olona ireo aho hoe rehefa tonga any aho . . . Natahotra izy rehetra hoe ho tonga any aho ka hanorina tranobe goavana iray, hanafoana an'ireo fiangonana. Tsy izany anefa no tanjom-piainako. Hitanareo? Izaho—mitondra ny olona ho voavonjy aho. Miankina amin'izy ireo izany. Tahaka an'ilay Samaritana tonga ka nitondra an'ilay lehilahy nankao amin'ny tranom-bahiny, avy eo dia namela azy izy ireo hikarakara azy ireo nanomboka teo. Tsy eto aho mba handrava fiangonana, eto aho hanao niova fo ho an'i Kristy! Hitanareo? Ary izany no manao ahy ho tsy azo tsara eo anivon'ny olona (hitanareo?) rehefa—rehefa mandika amin'ny fombany manokana izy ireo ary tsy . . . ary . . . tsy milaza an'izay lazaiko. Hitanareo?

254 Tsy tsaroanareo ve ilay fahitana? Firy no mahatsiaro ny nofin'i Junior Jackson? Manaraka an'izany marina tokoa izy rehetra ireo. Inona izany? Mijanòna eto mandra-pandehako any! Hitanareo? Ary mahazo an'ilay fandikana dia miverina.

255 Ankehitriny, manana zavatra hafa ato am-poko aho izay nampitandreman'ny Tompo ahy mba hatao, hetsika iray mikasika an'ity tabernakla ity, sy ity fiangonana ity; hoe tsy maintsy mandeha any aho na any ho any mandritra ny fotoana fohy. Ho an'ny tanjona iray izany, tanjona iray lehibe, tanjona iray izay tsy misy na inona na inona fantatrareo. Fa tsarovy, fa tsy "mitsoatsoaka" manodidina eo fotsiny aho, satria mihetsika toy ny hoe tahaka an'izany aho. Miasa araka ny sitrapon'ny Tompo aho, arak'izay fantatro hoe ahoana no iasana ao amin'izany. Hitanareo? Izany no antony hoe raha mino an'izay lazaiko ianareo, amin'izay fotoana izay dia ataovy izay lazaiko atao (hitanareo?), noho izany dia henoy aho ary minoa ahy amin'ny maha-rahalahinareo. Raha mino ahy ho

mpaminany ianareo, dia aza diso fandika ny teniko!

256 Raha misy zavatra, mianiana aho, raha misy zavatra tokony ho fantatrareo fa ho tenenin'Andriamanitra amiko, dia Andriamanitra no mahafantatra fa hiteny aminareo marina tokoa aho! Ary aza manampy amin'izany na manaisotra avy amin'izany; ataovy fotsiny arak'izay ilazako azy mihitsy ilay izy (hitanareo?), satria miteny aminareo avy amin'ny foko amin'ny tsara indrindra izay fantatro aho. Hitanareo? Minoa an'izany fotsiny. Izao fotsiny—raiso fotsiny mihitsy—izay lazaiko mikasika an'ilay izy fotsiny, ary avelao handeha tahaka an'izany fotsiny ilay izy. Eny àry.

257 Noho izany ankehitriny, tsy maintsy mitondra an'ireo ankizy hiverina eto aho ho an'ny zavatra hohanina. Any an-tany efitra any izy ireo maty noana.

258 Nanatona ahy ny mpitoriteny iray indray andro, nanao hoe, "Rahalahy Branham, izy ireo dia mahazo ny fombam-pivavahana mahatsiravina indrindra izay hany hitanao any." Hoy izy, "Ny tsirairay avy amin'izy ireo, isa-maraina, mivoaka izy ireo; ary nilaza izy ireo fa tsy handeha hiasa, akaiky loatra an'ny Fampakarana izao." Tsy handeha hiasa izy ireo. Eny, izany dia mampiseho fotsiny fa tsy mahazo akory aza ianareo. Hitanareo? Marina. (Handeha any ity horonam-peo ity!) Noho izany, eny, tompoko! Ianareo dia tokony, haka lesona avy amin'ny vitsika ianareo, hoy ny Baiboly, fantatrareo. Raha tsy miasa izy ireo, dia tsy mihinana. Koa izany dia—marina tokoa izany.

Ity misy—eto, vao avy naka anankiray hafa amin'ireto aho.

**271. Ny. . .**(Tsy fantatro. Hitanareo, ilay izy fotsiny dia anankiray ihany—ilay izy dia hafa—sora-tànana hafa noho ity hafa ity. Mba hanehoana aminareo fotsiny, heveriko fa misy eo amin'ny valo na folo amin'ireto ao anatiny ao. Hitanareo?) **Ilay izy ve—ilay fiangonana tanteraka indrindra ve dia ho any Tucson, Arizona? Teho ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka aho. Hifindra any Tucson ve izahay?**

259 Tsy ilay hafa mihitsy izany—sora-tànana hafa. Izany dia . . . Izaho. . .Jereo fotsiny eto; hasehoko anareo fotsiny hoe misy firy eo amin'ny fanontaniana anankiray. Izaho tsy. . .Izaho—tsy afaka hahita azy ireo aho, heveriko. Eto dia—eto dia. . .Manana anankiray voaisy marika aho eto hoe, "Ampahafantariko anareo."

**272. Rahalahy Branham: Azafady. . .**(Ndao jerentsika.) **Mahafantatra fa ianao no mpaminany, ary, ny ora izay iainantsika, ho. . .ary—ary. . .mpaminany ho an'ilay ora izay iainantsika** (Izay ilay izy.)**, ho tonga ve ny fotoana iray izay tsy maintsy handosiran'ny vahoakan'Andriamanitra**

**any Arizona miaraka aminao? Raha eny, hampahafantatra anay ve ianao rehefa tonga ilay fotoana?**

260 Azo antoka. Hiteny aminareo aho. Hiteny aminareo aho. Ankehitriny hitanareo, misy sora-tànana roa samihafa, olona roa samihafa. Hitanareo? Misy sora-tànana anankiray, ary misy iray hafa. Hitanareo? Izany no tsy maintsy hisy, izany no ao antsain'ny fiangonana. Hitanareo? Eny, ndao halamintsika fotsiny ity. Ndao jerentsika raha afaka mahita aho. . . Ndao jerentsika.

**273. Rahalahy Branham. . .**(Misy anankiray hafa, hafa tanteraka.) **Rahalahy Branham, ny sasany dia nahazo fa milaza ianao ao amin'ny hafatrao mikasika *Ny Fonenana ho Avin'ny Ampakarina sy ny Mpampakatra* dia tokony ho** (Tsia, hafa ity.), **ho dimanjato sy arivo maily avy eo amin'ny tabernakla, efa-joro, fitonjato isaky ny lafiny** (Amin'ny teny hafa, ny tabernakla izay mipetraka eo afovoany mihitsy dia ho fitonjato isaky ny lafiny, ho dimanjato sy arivo maily. Oh!), **isaky ny lafiny. Marina ve izany? Mipetraka any ivelan'ity faritra ity aho; tokony hifindra hankao ve aho?** (Oh!)

261 Tsia, Malala, aza manao an'izany. Jereo! Ankehitriny, hitanareo ve hoe mora toy ny ahoana ilay izy ho an'ny olona? Firy no teto rehefa nitory an'io hafatra io aho? Nolazaiko fa rehefa nandrefy an'ilay Jerosalema Vaovao aho, dia ho dimanjato sy arivo maily tora-droa izany. Nilaza aho fa izany dia saiky handeha avy any Maine ka hatrany Florida eo ho eo, ary eninjato maily any andrefan'i Mississippi; izany dia tokony ho dimanjato sy arivo maily tora-droa. Nilaza aho fa ilay Tanàna, araka ny hevitro, dia hipetraka eo amin'ny tany izay nitadiavan'i Abrahama mpaminany an'io Tanàna io, rehefa tsy hisy ranomasina intsony. Nilaza ny Baiboly fa tsy hisy ranomasina intsony, kanefa ny telo ampahefatry ny tany dia ao anaty rano. Ary tsy hisy ranomasina intsony; koa noho izany, tsy ho Tanàna iray goavana loatra no hipetraka eo amin'ny toerana iray tahaka an'izany. Mino aho fa hipetraka ao amin'ilay toerana kely izay ifamalian'izy ireo mafy izany, sy nahaterahan'Andriamanitra, any Betlehema any. Mino aho fa ho any Palestina any mihitsy izany, izay hipoitra avy amin'ny tany any mihitsy ary ho io tendrombohitra io.

262 Saingy, ry sakaiza malala, tsy misy idirany amin'ity tabernakla ity izany. Hitanareo? Abrahama, Isaka, Jakoba, Paoly, ireo olo-masina rehetra, maty nanerana an'izao tontolo izao izy ireo, nodorana, nalentika, nohanin'ny liona, ary ny zavatra hafa rehetra; ary hivoaka avy amin'ny tresaka, triatra, ary ny zoron-tany rehetra izy ireo. Manantena aho fa any aho. Tsy fantatro izay hisy ahy, fa na aiza na aiza izany, raha ao anatin'io vondrona io aho, dia tsy misy na inona na inona afaka hahasakana ahy tsy ho any! Hitanareo? Ary tsy voatery ho any amin'ny toerana anankiray aho. Ny toerana tokana tokony

hisy ahy dia ao amin'i Kristy, satria izay ao amin'i Kristy no entin'Andriamanitra miaraka Aminy. Tsy ahoako na aiza izany, Izy no hitondra . . . Aleveno ao amin'i Jesosy aho.

263 Jereo ireo mpaminany tany aoriana tany ireo. Fantatr'izy ireo tamin'ny heviny ara-bakiteny, ankehitriny, fa ny fitsanganana voalohany, ireo voaloham-bokatra, dia ho any Palestina. Nividy toerana iray i Abrahama, ary izy . . . tsy . . . ary nandevina an'i Saraha izy. Ary niteraka an'i Isaka izy. Nalevina teo anilan'ny rainy sy ny reniny i Isaka. Isaka niteraka an'i Jakoba; maty tany Israely i Jakoba . . . tany Egypta, naverina tany Palestina. Ary avy eo, Josefa koa dia maty tany. Ary nentin'izy ireo niverina ny taolan'i Josefa, satria hoy izy hoe, "Manaova . . ." nasainy nianiana tamin'izany i Josefa . . . Jakoba, fa tsy handevina azy any izy, fa hitondra azy hiverina hankany amin'ny tany nampanantenaina. Hoy Josefa hoe, "Indray andro any dia hamangy anareo ny Tompo Andriamanitrareo. Avelao aho . . . ny taolako handeha ary halevina miaraka amin'ny raiko." Ary nanao izy ireo, satria, amin'ny maha-mpaminany, dia azon'izy ireo fa ireo voaloham-bokatry ny fitsanganana dia ho any Palestina.

264 Ankehitriny, hoy ny Baiboly . . . Ary raha miantso ahy ho mpaminany iray ianareo, tsy milaza aho fa izany aho; fa raha miantso ahy ho izany ianareo, tsarovy, milaza aminareo aho amin'ny anaran'ny mpaminany iray (hitanareo?), amin'ny anaran'ny mpaminany iray, fa ny fitsanganana sy ny Fampakarana dia ho ankapobeny manerana an'izao tontolo rehetra izao! Tsy mampaninona izay misy anareo, rehefa tonga io ora io, dia hakarina hitsena Azy ianareo! Izay ihany! Tsy misy na inona na inona hanakana anareo, tsy mampaninona izay misy anareo. Ary manantena aho fa any aho, isan'izy ireo. Matoky sy manantena an'Andriamanitra fotsiny ihany aho fa ho isan'izy ireo aho ary ny tsirairay avy aminareo dia ho ao amin'ilay—amin'ilay iray ihany.

Ankehitriny, manana fotoana ho an'ny iray hafa ve isika? Noho izany izao fotsiny dia ho (hitanareo?), saiky amin'ny iray ora mihitsy.

**274. Rahalahy Branham malala: Nisaraka izaho sy ny vadiko. Nitory ahy ho an'ny fisaraham-panambadiana izy. Tsy Kristiana izy, nefa aho mino ny Hafatra ary tiako ho voavonjy izy** (Tsy mahafinaritra ve izany? Izany no tena fanahy Kristiana. Hitanareo?) **ary hino. Inona no tokony hataoko? Manana zanakalahy roa koa izahay.** (Nanao sonia ny anaran'izy ireo.)

265 Rahalahy, jereo, mamelà ahy hiteny aminao, hitory anao ho an'ny fisaraham-panambadiana izy. Satana izany. Hitanao? Tsy tokony hanao an'izany ianao. Fa raha Kristiana iray ianao, ary tsy nanao na inona na inona teto amin'izao tontolo izao mba

hanakorontana an'io vehivavy io, amin'izay fotoana izay dia i Satana no manao an'izany. Miezaka ny handrovitra anao fotsiny izy.

266 Ankehitriny, raha iray amin'ny voafidin'Andriamanitra izy, dia hanatona Azy. Raha tsy izany izy, dia tsy misy tokony ahiana ny aminy. Noho izany raha ilay izy . . . Raha manahy ianao dia hanimba ny fahasalamanao izany, ary izany no tian'i Satana hatao. Miasa izy, fantatro, eo aminao. Noho izany dia apetraho amin'Andriamanitra fotsiny ilay zavatra manontolo ary manohiza manompo an'Andriamanitra mihitsy sambatra arak'izay mety haha-izy anao. Andriamanitra no hikarakara ny sisa amin'izany. "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona ahy." Mandohaleha; hivavaka miaraka aminao aho na inona na inona. Hivavaka ho an'ilay raharaha aho. Manaova fotsiny hoe, "Tompo Andriamanitra, tiako izy; renin'ny zanako izy," (raha izany izy) ary manaova hoe, "izaho—izaho—apetrako Aminao fotsiny ilay zavatra manontolo, Tompo. Tiako ho voavonjy izy ireo, Fantatrao fa tiako; saingy tsy afaka mandeha lavidavitra intsony aho. Hisaraka amiko izy na ahoana na ahoana. Tsy nanao na inona na inona aho; raha nanao aho, dia ambarao amiko izany; hahitsiko avy hatrany izany. Hanao ny zavatra rehetra aho." Avy eo dia apetraho amin'ny Tompo izany ary avelao hipetraka tsara fotsiny izany, avelao hipetraka tsara fotsiny izany. Manohiza miaina mitovy fotsiny toy ny hoe—toy ny hoe tsy nisy na inona na inona hany nitranga. Dia Andriamanitra no hikarakara ny sisa amin'izany.

**275.** Ankehitriny: **Rahalahy Branham, inona daholo ny amin'io olona** (Oh, indray!) **mifindra any Arizona io? Azavao izany.** Karazana sora-tànana iray hafa ity. Hitanareo, hitanareo?

Eny, efa nohazavaintsika izany (hitanareo?), inona izany.

**276. Rahalahy Branham, handalo fanenjehana tahaka ny nandalovan'ny fiangonana apostolika voalohany ve ny Ampakarina?**

267 Tsia, vao avy nazavaiko izany minitra vitsy lasa izay. Tsia, ny zavatra manaraka dia Fampakarana iray ankehitriny. Tsarovy, eo amin'ilay tany nampanantenaina isika; eo amin'ny sisin-tany isika. Azonareo ve ilay dian'i Isiraely?

**277. Ara-dalàna ve ny—ny mampiasa karazana fandrindrampiterahana rehetra?**

268 Aleoko avela hatramin'io tolakandro io izany (hitanareo?), satria ilay izy dia . . . Izaho dia te—te-hiresaka zavatra mikasika an'izany aho.

**278. Rahalahy Branham, izaho fotsiny . . .** (Miandry 3 minitra fotsiny aho raha vitako. Mamelà ahy haka zavatra fohy eto angamba.) **Tsy afaka manolo-tena tanteraka ho an'i Jesosy aho. Manana fanahy ratsy iray ve aho?**

269 Mamelà ahy handany ny sisa amin'ny fotoana eo amin'ity. Tsy afaka manolo-tena ho an'i Jesosy ianao? Izy ireo tsy... Hitanareo, tsy fantatro na lehilahy na vehivavy; tsy afaka miteny aho hoe iza ilay izy. Andriamanitra no mahafantatra an'izany.

270 Tsy afaka manolo-tena ho an'i Jesosy ianao. Nahoana? Inona no olana? Raha vehivavy iray ianao, dia tsy tokony hanolo-tena ho an'ny vadinao mba ho vady iray ve ianao, manolotra an'izay rehetra maha-izy anao? Ramatoa kely iray fony ianao nanambady, tsara toetra, niady nandritry ny fiainananao rehetra mba hijanona ho tsara toetra; fa indray andro dia nahita lehilahy iray ianao izay tianao. Azy tanteraka ianao. Ireo zavatra niadivanao nandritry ny fiainananao rehetra sy niezahanao hiaina madio, sy mazava, ary tsara toetra; ankehitriny, atolory ho an'ny lehilahy anankiray ny kely tsirairay amin'izany. Marina ve izany? Apetraho eo an-tànany tanteraka ny tenanao; azy ianao. Izay rehetra notohananao tamin'ny fahamendrehana, sy fitondran-tena, ary ny zavatra rehetra tahaka an'izany, ankehitriny manolo-tena ho an'ny lehilahy iray ianao, satria nanolotra ny tenanao tamin'ilay lehilahy. Tsy afaka hanao an'ilay zavatra iray ihany amin'i Jesosy Kristy ve ianao? Atolory tahaka an'izany fotsiny ny tenanao, "izay rehetra maha-izy ahy, ny saiko rehetra, ny eritreritro rehetra." Izany tokoa.

271 Tsy mihevitra aho fa azon'ny fanahy ratsy iray ianao; heveriko fa io fanahy ratsy io no manosotra anao amin'ireo karazana eritreritra ireo, miezaka manao anao hieritreritra fa tsy afaka manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ianao. Rehefa... Mamelà ahy haneho zavatra aminao. Nahoana ianao no *te*-hanolo-tena ho Azy? Satria misy zavatra ao miantso anao hanolo-tena. Famantarana tena tsara iray izany hoe tokony hanolotra ny tenanao ianao.

272 Ankehitriny, izay rehetra ataonao, Rahalahy na Ranabavy (mety ho olona tanora na antitra, na inona na inona ilay izy), nilaza ianao... Tsy afaka mahita ny tenany fotsiny mba ahafahan'izy ireo hanolo-tena tanteraka. Atolory fotsiny ny tenanao. "Tompo, ny fisainako, ny maha-izy ahy rehetra, izaho—tiako omena Anao. Ny fiainako, atolotro ho fiainan'ny fanompoana. Raiso aho, Tompo, ary ampiasao amin'izay maha-izy ahy fotsiny aho." Ary zavatra tsotra izany; maniry aho mba ahafahan'ny fiangonana marina tokoa... Mino aho fa raha—raha—raha ny tabernakla ankehitriny, mahazo tombony amin'ireto fanontaniana ireto... Tianareo ve izy ireo? Eny àry. Hanampy kely izany.

273 Ankehitriny jereo, eo amin'ity, raha nanontany an'ireto zavatra ireto fotsiny ny fiangonana (hitanareo?), nanontany an'ireto zavatra ireto: raha tokony hanao an'*ity* izy ireo, na hanao an'*itsy*, sy ny zavatra rehetra, dia hiezaka aho ny hanao ny tsara indrindra izay vitako. Raha nanoro hevitra diso anareo aho, dia tsy tato am-poko ny hanao an'izany. Raha nilaza zavatra diso

aho mba hanohanana ny sasany amin'ireo eritreritro manokana sy ny sisa, tsy . . . mahafantatra—mahafantatra fa ratsy ny manao an'izany na ny miteny an'izany, dia ho mpihatsaravelatsihy maloto iray aho. Marina izany. Fa avy amin'ny foko, raha diso aho, Andriamanitra no mahafantatra (hitanareo?) fa nataoko tamin'izay rehetra ato amiko izany mba hamaliana ny fanontanianareo.

274 Ary ho anareo mpitoriteny any amin'ny tany izay handehanan'ity horonam-peo ity, tsy nilaza an'ireo zavatra ireo aho mba handratra anareo. Nolazaiko izany satria tiako ianareo. Hitanareo? Ary izaho marina tokoa, amin'ny foko rehetra . . . Izany dia . . . Ankehitriny, tsy miezaka miasa aho mba haneho fa—fa izaho—izaho dia mahafantatra zavatra izay tsy fantatrareo. Tsy izany ilay izy, ry rahalahiko. Manao an'izany fotsiny aho satria tiako ianareo, ary izaho—izaho—tia ahy ianareo, mino aho.

275 Ahoana moa raha nahita ahy nidina ny renirano tao anatin'ny sambo tranainy iray ianareo, eto amin'ity renirano eto ity, akaikin'izay misy antsika ankehitriny, eto amin'ny tabernakla, ny Renirano Ohio; ary hiakatra ilay renirano ka ho tondraka; ary eo ambaniko mihitsy ireo riandrano. Ary fantatrareo fa tsy hahavita hihoatra an'ireo riandrano ireo ilay sambo; tsy hahavita an'izany fotsiny izy. Ary indro aho mipetraka eo miaraka amin'ny lohako any aoriana, ary mihira, sy miala sasatra, ary midina avy hatrany, mitsinkafona eo amin'izany, tsy rototra, midina eo amin'io renirano io; ary fantatrareo mihitsy fa ho rendrika eo aho. Raha tia ahy ianareo, dia ho nihiakiaka, na hitsambikina ao anaty sambo iray, ary hihazakazaka hankeo, ary hikapoka ahy eo amin'ny loha amin'ny zavatra iray, hitondra ahy. "Rahalahy Branham, any ivelan'ny sainao ianao! Any ivelan'ny sainao ianao; eto mihitsy ireo riandrano!"

276 Dia hoy aho hoe, "Oh, mangina! Avelao aho hipetraka tsara!" Kanefa tia ahy ianareo na ahoana na ahoana. Hanao ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao ianareo; handramby ahy ianareo. Ianareo raha tsy maintsy—raha tsy maintsy hamotika an'ilay sambo ianareo, hamoaka ahy avy ao, satria tia ahy ianareo; fantatrareo izay hitranga.

277 Ary rahalahy, fantatro fa izany no hitranga amin'io anarampiangonana io. Tsy hahatanty an'ilay samonta izy. Hitanareo? Mandeha avy hatrany mankany amin'ny Fiombonamben'ny Fiangonana Maneran-tany ianareo; ary ankehitriny, na ianareo handray an'izany na efa mivoaka tahaka anay ankehitriny. Noho izany, marina tokoa izany, tsy maintsy manao ny safidinareo ianareo. Ary izaho—izaho tsy te-ho . . . Ho tiako ny hamotika an'ilay sambo, eny àry; tiako ny hanao ny zavatra rehetra izay vitako, tsy ny handratra anareo, rahalahy, fa ny hamoha anareo hoe diso ianareo. Aza manao an'izany!

278 Ary ity batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ity, tsy misy olona eto amin'ny tavan'ny tany afaka hanameloka an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra. Tsy misy olona afaka manameloka an'izany. Tsy misy Soratra anankiray. . . Ianareo olona, ianareo rahalahy—ianareo rahalahy, tsarovy, tsarovy fotsiny, zahao ny Baiboly; mitadiava toerana anankiray izay nisy olona iray hany natao batisa tao amin'ny Testamenta Vaovao (tsy natao batisa tao amin'ny Taloha izy ireo, fa tao amin'ny Testamenta Vaovao), izay nisy olona hany natao batisa tamin'ny fomba hafa afa-tsy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo; avy eo dia avia asehoy ahy izany. Na mandehana mitady ny bokin'ny tantara izay nanaovan'izy ireo batisa nandritry ny anjato taonany taorian'ny nahafatesan'ireo apostoly farany. . . Ny fiangonana Katolika no nanomboka ny batisa. Ny katesizin'izy ireo dia milaza an'ilay zavatra iray ihany, mampiasa ny anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina.

279 Tamin'ny fifampiresahana iray tamin'ny pretra iray, teto tao amin'ny Sacred Heart Church mihitsy, niteny tamiko an'ilay zavatra iray ihany. Nilaza fa ny fiangonana Katolika dia nanao batisa tahaka an'izany taloha, rehefa noteneniko taminy fa izaho no nanao batisa an'io zazavavy Frazier io, rehefa tehahafantatra ilay eveka. Hoy izy hoe, "Hianiana amin'ireo fanambarana ireo ve ianao?"

Hoy aho hoe, "Tsy mianiana mihitsy aho."

Hoy izy hoe, "Mila anao hianiana ny eveka!"

280 Hoy aho hoe, "Ilay eveka no tokony handray ny teniko na tsy mino an'izany, ny iray izay tiany." Hitanareo? Hoy aho hoe, "Ny Baiboly no nilaza mba tsy hianiana mihitsy."

Dia hoy izy hoe, "Eny, ah. . . " Hoy izy hoe, "Ny. . . "

281 Hoy aho hoe, "Nataoko batisa tamin'ny batisa Kristiana tao anaty rano izy, nanitrika azy teo ambanin'ny Spring Street tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo."

Ary rehefa noraisin'ilay pretra naoty izany, dia hoy izy hoe, "Tahaka an'izany no nanaovan'ny fiangonana Katolika batisa taloha."

Hoy aho hoe, "Oviana?"

Hoy izy hoe, "Tamin'ny andron'ireo apostoly."

Hoy aho hoe, "Miantso azy ireo hoe Katolika ve ianareo?"

Hoy izy hoe, "Azo antoka, izany izy ireo."

282 Hoy aho hoe, "Noho izany dia Katolika iray tsaratsara kokoa noho ianao aho. Manaraka ny fampianaran'izy ireo aho." Marina izany. Hitanareo, hitanareo? Milaza ho izany izy ireo, nefa tsy marina izany.

283 Ny fiangonana Katolika dia naorina tao Nicée, Roma, teo ambanin'i Constantin, rehefa nikambana niaraka ny fiangonana

sy ny fanjakana, ary—ary nomen'ny fanjakana fananana ny fiangonana, sy ny zavatra tahaka an'izany; nihevitra tokoa izy ireo fa tao amin'ny Arivo taona izy ireo. Nihevitra izy ireo fa nahatratra ny Arivo taona. Izany no arivo taonan'i Satana. Marina tokoa izany. Aza mino an'izany zavatra izany. Eny, tompoko!

284 Ankehitriny, fa. . . Avy eo rehefa namorona izy ireo, na, nanana. . . raha tokony hanana sa—sampy iray, dia nesorin'izy ireo—nesorin'izy ireo i Venus, nametraka an'i Maria; nanala an'i Jupiter, nametraka an'i Paoly na i Petera. Tao amin'ny—tao amin'ny Vatican mihitsy, tao amin'ny—any Roma mihitsy ankehitriny, ao anatin'ny Tanànan'i Vatican mihitsy, sarivongan'i Petera sivy ambin'ny folo dian-tongotra, nilaza izy ireo fa nanoroka ny telo tamin'ireo rantsan-tongotra na tongotra ary niala tamin'io sarivongana io. Hitanareo? Ary ny zavatra rehetra dia ny. . .

285 Ny rehetra tany. . . Nandeha tany amin'ny fiangonana iray, izaho sy Billy, indray maraina tany, dia nidina nankao ambany rihana teo amin'izay nandevenan'izy ireo ny relijiozy lahy rehetra sy ny sisa tahaka an'izany ary namela ny taolan'izy ireo ho lò tao amin'io vovoka io, ny taolana iray misaraka amin'ny iray hafa tany, ary avy eo mitondra an'ireo taolana ka manao tongon-jiro avy amin'ireo taolan-tànana mihantona tahaka an'*izao*, ary karandoha; ary ireo olona izay niditra tao dia nikosoka an'ireo karandoha ireo ho fotsy, miezaka hahazo fitahiana avy amin'ireo karandohan'olona maty ireo. Endrika iray momba ny fanahy izany. Hitanareo?

286 Ary teo mihitsy no nanombohan'izany, tany Roma, ary eo no misy ny sezan'ilay bibidia, ary avy any no nihavian'ilay reny janga antitra. Ary ireo zananivavy dia mpijangajanga tahaka azy marina tokoa, satria izy no nanome ho an'izao tontolo izao ny kapoaky ny fahatezerany, kapoaky ny fanambarany, izay nifangaro tamin'ny aferon'ny tany. Ary nanana ny fanambarany izy. Hoy izy hoe, "Mipetraka toy ny virijiny iray aho, ary izaho—mipetraka toy ny mpitondratena iray aho (no tiako lazaina), ka tsy mila na inona na inona"; nefa tsy fantany fa izy dia mahantra, malahelo, jamba, ory, nefa tsy fantany izany. Izay ilay izy. Ary izany dia mihatra amin'ny fiangonana Katolika miampy ny anaram-piangonana Protestanta tsirairay! Fa ao anatin'io korontana manontolo eo io, dia misy olona sarobidy izay tia ny Tompo Andriamanitra amin'ny fony rehetra, fanahiny, ary ny sainy. Ary mihevitra izy ireo fa marina ny azy. Mihevitra izy ireo fa manao ny tsara izy ireo. Andriamanitra no ho Mpitsara Faratampony.

287 Ho ahy, raha hitsara ny fiangonana arak'izao tontolo izao Andriamanitra, ny fiangonana Katolika no miteny an'izany, noho izany dia nanontany an'io lehilahy izay nifampiresahako io

aho: Hoy izy hoe, "Hitsara an'izao tontolo izao amin'ny alàlan'ny fiangonana Andriamanitra."

Hoy aho, "Iza amin'ireo?"

Hoy izy hoe, "Ny fiangonana Katolika."

288 Hoy aho hoe, "Fiangonana Katolika iza? Samihafa izy ireo." Fiangonana iza? Ny Grika Ortodoksa sa ny Romana? Sa amin'ny alàlan'iza no Hitsarany azy? Raha hitsara azy amin'ny alàlan'ny fiangonana Protestanta Izy, dia iza? Ny Metodista, Batista, Loterana, Pentekotista; amin'ny alàlan'iza no Hitsarany azy? Nilaza ny Baiboly fa Izy dia hitsara an'izao tontolo izao amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, ary Jesosy Kristy no Teny. Noho izany ho ahy, dia amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra no Hitsarany an'izao tontolo izao. Marina izany. Ary mino aho fa eto an-tany ireo Fitsarany ankehitriny, ary mino aho. . . Ndao isika hikatsaka amin'ny fontsika rehetra mba hialàna amin'ny fahatezeran'ny fanamelohan'ny fahatezeran'Andriamanitra izay hiraraka eo amin'ity izao tontolo izao tsy mino ity; ary tsy misy fomba handosirana an'izany mihitsy.

289 Tsy hisy intsony mihitsy, mihitsy, mihitsy famonjena ho tonga eo amin'izao tontolo izao. Efa nihoatra ny tsipiny teo anelanelan'ny fahasoavana sy ny fitsarana izy ireo. Misy. . . Afaka hametraka Abraham Lincoln iray any amin'ny faritany tsirairay eto Etazonia ianareo, fa tsy hampitodika mihitsy an'ity andiany "Ricky" sy "Elvis" ity hiverina amin'Andriamanitra izany.

290 Rehefa nahita tao amin'ilay gazety ianareo (Manana an'izany aho. Ho entiko amin'io tolakandro io izany raha tianareo ny hahita azy rahariva), izay misy fiangonana Presbyterana iray (maro aminareo no mety efa nahita an'izany), fiangonana Presbyterana iray manao an'ireo lamesa na tamin'ny alàlan'ny—ny—tamin'ny alàlan'ny sakramenta miaraka amin'ny rock-and-roll. Nitsangana teo ilay pasitera nitehaka ny tànany tahaka an'izao; ary izy ireo nanao an'ilay diaben'ny fanohomboana ary ny rehetra "nihorakoraka an'izany" tahaka ny rock-and-roll ao amin'ny fiangonana Presbyterana iray.

291 Ary rehefa io andiana Beatles ambany, mikiakiaka, maloto io, izany no iantsoina azy, izay lasa ambanin'ny olona ary te-ho lasa voangory. . . Nolavin'izy ireo ny fifanarahana iray hetsy dolara tany St. Louis herinandro vitsivitsy lasa izay; tsy hijanona amin'izany. Tonga eto, andiana jiolahimboto kely, Anglisy miaraka amin'ny volony mihantona midina eo amin'ny masony. Ary ankehitriny, manana fivavahana iray an'ny azy manokana izy ireo izay natombony. Nahita an'izany tao amin'ny *Look* magazina ianareo. Hitanareo?

292 Oh, voaloto toy ny ahoana ity izao tontolo izao ity. Tsy misy fanantenana ho azy mihitsy; efa niampita ny tsipika mampisaraka eo anelanelan'ny—eo anelanelan'ny

fandanjalanjana sy ny saina tsara izy ireo, mainka fa eo anelanelan'ny famon-. . .

293 Tsy afaka mitsara akory aza ny lehilahy. Tsy manana lehilahy tahaka ny nananantsika taloha intsony isika. Aiza i Patrick Henry? Aiza i Abraham Lincoln, lehilahy izay afaka manohana an'ireo fandresen-dahatra mafy?

294 Aiza io lehilahy izay afaka mitsangana io ka manao an'ireo vehivavy adala eto ireo, mampitanjaka ny tenany amin'ny. . . ary mivoaka eo anoloan'ireo lehilahy ireo; ary avy eo—ary mametraka azy ireo eo tahaka ny andiana mpampiseho vatana, nefa avy eo nampiditra an'ilay zazalahy ao am-ponja izay nanompa ny iray tamin'izy ireo? Aiza ny fandanjalanjanareo? Inona ny hoe saina tsara? Raha mametraka ny tenany any ivelany izy, dia avelao izy handeha tahaka ny alika iray. Eny, tompoko! Raha tsy handeha intsony izy ho. . . fahamaotinana tsotra ho azy noho izany. . . Aiza ny lalàna izay afaka mampijanona an'izany?

295 Teto Louisville mihitsy, Kentucky, roa herinandro lasa izay rehefa io vehivavy io miaraka amin'ny. . . miezaka hanao ny. . . hametraka ny anarany tao amin'ny gazety, nitafy bikini plastika, nivoaka avy tao amin'ny Brown Hotel; ary nanandrana nanakana azy ny polisy iray, fa tsy nijanona izy; nihomehy azy. Ary natodiny nankany aminy ny basy iray mba hampijanonana azy; natosiny nankao anaty fiara izy ary nasainy nihaona taminy tany amin'ny paositry ny polisy nohon'ny fitafiana tsy mendrika sy ny sisa tahaka an'izany, ary nandeha izy ka nihaona. . . Fantatrareo ve izay nataon'izy ireo mikasika an'izany? Noroahin'izy ireo ilay polisy.

296 Andriamanitra anie hanampy firenena izay lò! Tsy ho afaka milamindamina ianareo raha tsy manao ratsy. Mety tsy milamindamina isika, saingy afaka mitsangana; ary izany no tadiavintsika. Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

297 Tompo Jesosy, aoka ho tonga ilay Mpiandry ondry lehibe ka hanala anay avy amin'ity, Tompo. Miandry Azy izahay. Miandry an'izany ora izany izahay. Rehefa mahita an'izao tontolo izao tena lò izahay, Ianao no nilaza fa ho tahaka an'izany ity. Ireo Mpaminaninao lehibe dia naminany fa ho eto ireto ora ireto. Mino an'ireo mpaminany izahay, Tompo; mino an'izany izahay.

298 Ary ankehitriny, dia mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hanomezanao anay mpaminany handika an'ity Teny ity aminay, mba ahafahanay mahafantatra na marina ny anay na diso. Mahita mpaminany sandoka mitsangana izahay; any an-tany efitra izy ireo, Salt Lake City, ireo ampahany rehetra an'ny firenena, ny karazana tany efitra rehetra, sy ny karazana efitra miafina rehetra, ireo karazana Ray Masina rehetra, sy ny sisa, hatraiza hatraiza.

299 Mahita an'ireo rahalahy mahantra mainty hoditra, anabavy any ankehitriny; nila fampiraisana izy ireo. Vantany vao azony

izany . . . Marina izany; tokony ho azon'izy ireo izany; rahalahy sy anabavy izy ireo. Ankehitriny, rehefa azon'izy ireo izany, dia ratsy kokoa noho ny hatramin'izay izy ireo. Izany no maneho fa voatsindrimandrin'ny kominista ilay izy. Oh, Andriamanitra, afaka mahita an'izany ve ireo olona mahantra ireo? Natao fotsiny ihany izany . . . Eny, tsy maintsy natao izany, Tompo.

300 Avia, izany no ilainay. Tongava fotsiny Ianao, Ray. Miandry izahay. Avia, Tompo, raiso eo ambanin'ireo Sandrinao izahay. Mamelà anay ny amin'ny fahotanay. Tsy misy—tsy misy fahamarinana intsony eto amin'ity izao tontolo izao ity. Ny zavatra anankiray misintona manohitra an'ilay iray hafa, kanefa ilay izy dia tena lanin'ny kankana fotsiny hany ianareo . . . tsy misy fahasalamana ao anatiny. Ianao no nilaza fa ny vatana manontolo dia lasa tahaka ny fery vao. Marina tokoa, feno lò ny latabatra tsirairay. Hoy Ianao hoe, "Iza no Azoko ampianarina foto-pampianarana? Iza no Hataoko mahazo amin'izany andro izany?" Feno lò ny latabatry ny Tompo manontolo. Hitanay izany, Tompo. Hitanay eto ilay ora. Ampio izahay, azafady.

301 Andriamanitra malala, maro amin'ireto fanontaniana eto ireto no mikasika an'ireo olona tonga any Arizona. Oh, Andriamanitra malala, aoka ireo olona malala, sarobidy ireo . . . Hihaino an'ity horonam-peo ity izy ireo any. Ampahafantaro azy ireo fa tsy mpanao didy jadona aho hiteny amin'izy ireo hoe aiza no ipetrahana, inona no hatao. Ary enga anie izy ireo hahazo an'izany mazava tsara. Raha tia an'io firenena io izy ireo, izaho koa, dia avelao izy ireo ho any, Ray. Fa rehefa mampianatra izy ireo fa tsy maintsy avy any ny Fampakarana, ary any irery ihany, na tsy maintsy hiaraka amiko izy ireo, mpanota mahantra, tsy mendrika, maloto, voavonjy nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, tokony ho eo akaikiko . . . Tompo, izaho te-ho eo akaiky—izaho te-ho eo akaikin'i Paoly; fantatro fa handeha izy. Ary Petera, sy Jakoba, ary Jaona, milevina any Palestina any ho any izy ireo. Fantatro fa handeha hiaraka amin'izy ireo aho raha nanana ny anarako fotsiny tao amin'io Boky io Ianao hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ho any aho. Ary mivavaka aho, Andriamanitra, mba ho any ny tsirairay avy amin'izy ireo. Ampio aho, Tompo, hanangona azy rehetra eto indray any ho any, izay ahafahan'izy ireo . . . Te-handre ny hafatra miaraka amin'ireo mpampianatra lehibe ireo izy ireo tahaka an-dRahalahy Neville, sy Rahalahy Capps, ary—ary ireto rahalahy hafa rehetra eto ireto: "Junie," sy Rahalahy Ruddell, ary oh, J. T., ary ireo rehetra—izy rehetra ireo: Rahalahy Collins, sy Rahalahy Beeler, sy Rahalahy Palmer, ary . . . Andriamanitra, mivavaka aho mba Hanekenao an'izany fotsiny ho an'ireto . . .

Avelao—avelao—avelao izy ireo ho tonga eto izay andrenesan'izy ireo an'Izany marina tokoa, raha te-handre an'Izany izy ireo, fa tsy handositra any amin'io tany efitra io.

Miezaka izy ireo hanao marina tokoa an'izay tenenin'ity Soratra ity amin'izy ireo mba tsy hatao. "Indro, any an-efitra izany; aza mino an'izany! Indro, ao amin'ny efitrano miafina izany; aza mino an'izany!" Tompo, miezaka ny tsarako indrindra aho hampitandrina azy ireo, fa izany rehetra izany dia manondro fa akaiky ilay ora ankehitriny. Milatsaka ireo aloky ny hariva.

302 Mangataka famindrampo aho, Tompo. Mamindrà fo amiko; ampio aho. Manao ahy hikorontan-tsaina izany, Ray. Mivavaka aho mba Hanampianao ahy. Izaho—tsy te-hanisy tombokase ny fiainako aho . . . Ny asako rehetra eto dia ho lasa fanatika iray eto izay hitarika vondron'olona na fombam-pivavahana any an-tany efitra any ho any. Aza avela hidina ambany tahaka an'izany ny anarako, Tompo. Niady mafy ho an'ity aho. Tso-po ao amin'izany arak'izay mety maha-izy ahy aho. Andriamanitra, aza avela hitranga izany. Ampio amin'ny fomba iray aho. Tsy fantatro izay hatao; miankina Aminao fotsiny aho, fa manampia ahy Ianao. Hataoko izay rehetra Teneninao amiko hatao. Mpanomponao aho; Zanakao ireto. Tompo, ireto . . . Ny ankamaroan'ireto olona ireto, sivy amby sivifolo isan-jato, Tompo, dia mafy marina tokoa. Mino izy ireo; mahafantatra izy ireo; mahazo izy ireo. Ary fantatr'izy ireo fa tsy izaho izany; saingy fantatro fa tsy maintsy manaraka ny fifohazana tsirairay ireo zavatra ireo, ary tsy afa-bela amin'izany ity. Noho izany dia mivavaka aho mba Hanampianao anay ankehitriny.

303 Ampio izahay raha tsy maintsy handeha hisakafo kely androany, Tompo. Tahio ny fiombonanay miaraka. Angony aloha eto indray izahay amin'ity tolakandro ity. Maro amin'izy ireo no tsy maintsy handeha hody ankehitriny, Tompo. Izy ireo dia tsy maintsy handeha any amin'ny—ny tranony, ary mivavaka aho mba Hanampianao azy ireo. Enga anie izy ireo ho afaka amin'ny fomba iray, Tompo, mba hahazo an'ilay horonam-peo mba handre ny sisa amin'ireo fanontaniany. Angamba tsy voavaly ny azy ireo. Mivavaka aho mba Hanampianao azy ireo, Tompo.

304 Ampio haingana mihitsy aho rahariva mba hamaliana fotsiny an'ireto fanontaniana ireto ary handray ny tsirairay amin'izy ireo izay vitako. Mandra-pihaonanay eto indray amin'ity tolakandro ity, dia enga anie Ianao hitahy anay. Amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahako. Amena.

> Tiako Izy, tiako Izy,
> Satria nitia ahy mialoha Izy
> Ka nividy ny famonjeko
> Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

305 Nosoratako eo aloha eo, nosoratako ilay izy mba ho eo anatrehako isan'andro hoe: "Kristy eo anatrehako, raha mamaly an'ireto fanontaniana ireto aho." Mino ve ianareo fa avy

tamin'ny foko no nilazako an'izany? Ny zavatra rehetra, avy amin'ny foko, mba hanampy.

Ny sasany amin'izy ireo dia afaka tonga maka ny fonosany eto.

306 Andriamanitra malala, indro ireo mosara, ireo fonosana mipetraka eto. Handeha hankany amin'ny marary sy ny ory izany. Aoka ilay Mpandika lehibe an'ny Teny, ny Fanahy Masina Izay nanoratra Azy, enga anie Izy hanatona ankehitriny ho an'ity ampahan'ny fanompoana ity ka hitahy an'ireto lamba ireto. Tompo, raha mieritreritra ny tenako aho, dia iza moa aho no hametraka ny tenako tsy madio, maloto manerana an'ireto mosara ireto izay mitsangana eo anelanelan'ny fahafatesana sy ny fiainana ho an'ny maro? Oh, Andriamanitra, mangovitra aho. Fa rehefa mieritreritra aho fa . . . Tsy mahita ahy Ianao, mandre ny feoko fotsiny Ianao. Mandalo eo amin'ny Ràn'ny Tompo Jesosy any izany. Ankehitriny, mino aho fa hamaly ahy mihitsy tahaka ny Nataonao Taminy Ianao, satria nandeha alohako Izy mba hipetraka eo ankavanana, any ambony any, an'ilay Fiandrianana any amin'ny avo. Ary mipetraka eo ho fanaovam-panavotana iray Ny Ràny, ary voasarona eo ambanin'io Rà io aho.

307 Mino aho, Tompo, fa hanasitrana azy ireo Ianao, satria manana ilaina izy ireo. Tsy ho nametraka azy ireo eto izy ireo. Mivavaka aho mba Hanaovanao ny tsirairay avy amin'izy ireo ho salama. Raha mametraka ny tenako eo amin'izy ireo aho, toy ny . . . Nilaza izy ireo fa nalain'izy ireo avy tamin'ny vatan'i Paoly . . . Mpanota iray fotsiny ihany koa izy, Tompo, voavonjy nohon'ny Fahasoavanao. Nino azy ny olona, na dia nandevilevy azy ireo sy ny zavatra rehetra aza izy, fa fantatr'izy ireo fa izy no mpiandry ondry. Fantatr'izy ireo fa izy . . . nirahina avy Taminao, satria nanaporofo ny Tenanao tamin'ny alàlan'ny asam-panompoany Ianao. Andriamanitra, ireo olona ireo dia mino an'ilay zavatra iray ihany androany. Mivavaka aho mba Hanampianao azy ireo ankehitriny ary hanasitrana ny tsirairay avy amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

308 Noana ve ianareo? Eny àry. Izaho noana an'ireo fanontaniana betsaka. "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." Ankehitriny, izaho mety . . . Ny sasany tamin'ireto fanontaniana ireto, dia mety tsy vitako tsara izy ireo; nanao fotsiny ny tsara indrindra izay vitako aho. Rahariva, dia hiezaka ny hanomboka amin'ny fito ora mihitsy aho. Eny, hisokatra amin'ny enina sy sasany ny fiangonana. Ary ianareo izay afaka hijanona . . . Ianareo izay tsy afaka, dia azonay; mety tsara izany. Saingy hiezaka aho ny hahavita ny tsirairay avy amin'izy ireo arak'izay azoko atao rahariva. Andriamanitra hitahy anareo mandrapihaonantsika.

Ankehitriny, ndao isika hitsangana ka hihira an'ity hira

fahiny tsara ity, ny hira firavantsika, *Ento Eo Aminao ny Anaran'i Jesosy*. Eny àry.

Ento eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy ny fahoriana;

[Miresaka amin-dRahalahy Branham i Rahalahy Billy Paul—Mpand.] (. . .?. . .naka fanatitra izy ireo. . .?. . .izao maraina izao. . .?. . .)

. . .Anarana, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

309 Te-hanao an'ity filazana ity aho. Vao avy nilaza i Billy fa naka fanati-pitiavana izy ireo izao maraina izao (hitanareo?), ary nilaza fa nanana fanati-pitiavana mahafinaritra iray izy ireo. Nasaiko nandeha nankany aorian'ny tranobe izy ary hitsangana ery aoriana ery. Ho an'ireo olona eto izay tonga tsy niomana mihitsy, tsy manam-bola ho an'ny sakafo harivanareo, dia i Billy no hanome anareo ny vola ho an'ny sakafo harivanareo sy handoavana ny faktioran'ny hotelinareo na ny faktioran'ny tranom-bahiny, na inona ilay izy. Raiso ary aloavy izany ankehitriny. Raha ianareo. . .Raha afaka mijanona ianareo. . . Hihaona aminareo ery aoriana ery i Billy ary haka ny anaranareo sy izay misy anareo, ary haloanay ny sakafo harivanareo sy ny faktioran'ny tranom-bahininareo avy amin'ilay fanati-pitiavana izay nalaina ho ahy izao maraina izao.

Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!

64-0823M Fanontaniana Sy Valiny #1
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org